

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana
🇲🇵

FIADIDIANA NY REPOBLIKA
🇲🇵

LALANA LAHARANA FAHA2005-029
TAMIN'NY 29 DESAMBRE 2005
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006

🇲🇵🇲🇵🇲🇵🇲🇵🇲🇵

FANONDROAN-TAKILA

PEJY

Famelabelarana ny antonantony.....	15 à 26
I - Fepetra mikasika ny hetra.....	128
Andininy voalohany: Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.....	128 à 146
Andininy 2: Fadintseranana.....	147
<i>I - Fehezan-dalàna vaovao momba ny Fadintseranana.....</i>	<i>147 à 218</i>
<i>II - Sara aloa amin'ny Fadintseranana.....</i>	<i>219 à 401</i>
II - Fifandanjana ankapoben'ny Lalàna.....	402 à 406
III - Fepetra manokana.....	407 à 410



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**LALANA LAHARANA FAHA-2005-029 TAMIN'NY 29 DESAMBRA 2005
MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fahavononana sy ny ezaka efa natao teto Madagasikara mba hisian'ny toekarena matanjaka sy maritoerana dia manamafy orina ny safidy ho amin'ny politika ara-toekarena mifantoka amin'ny antonony sy ny lavitr'ezaka. Ho fanamafisana horina ireo hetsika efa natomboka, ny volana jona 2005, dia nasian'ny Governemanta fanitsiana ny antontan-kevitra ny paikady entina mampihena ny fahantrana (DSRP), mba ho fanomezan-danja bebe kokoa ny fampandraisana anjara ny daholobe. Izany DSRP izany dia ahitana taratra ireo seho vaovao sy fihovana ara-toekarena nisongadina teto an-toerana, tsongaina amin'izany ny hoe « Madagasikara voajanahary » mba hanovozana ny vina antonon'ezaka sy lavitr'ezaka. Miha-mazava kokoa ny politikam-pampandrosoana haingana sy maharitra, ary dia napetraka ireo mari-tondro.

Ho an'ny taona 2006, ny fanatsarana ny fitantanana ny harifaobe sy ny ara-bola, mba hizorana amin'ny fanjakana tsara tantana, dia ho tanterahana amin'ny alalan'ny: (i) fametrahana rafitra fandoavan-ketra mampirisika ny fampiasam-bolan'ny tsy miankina, indrindra amin'ny fampiharana sanda vaovao sy fampihenana na fanafohanana hetra sy haba sasantsasany, (ii) fanamafisana ny fifandraisan'ny politikan'ny tetibola sy ny fampihenana ny fahantrana amin'ny alalan'ny fampifandrifiana ireo tanjona sy ireo tondrom-pandrefesana ny Teti-bolam-pandaharanasa amin'ny DSRP, ary (iii) firotsahana an-tsehatr'ireo rantsa-mangaika mpanaramaso sy ny fanatevenana azy ireo.

Izao lalana mifehy ny fitantanam-bola ho an'ny taona 2006 izao dia fanamafisana ny fampiharana ny politika ara-toekarena sy ara-bola, miainga amin'ny fanatanterahana fandaharan'asam-pampandrosoana mikendry ireo Tanjon'ny taona arivo fahatelo ho amin'ny fampandrosoana mba hampihenana ho antsasany ny fahantrana amin'ny taona 2015.

I - VOKATRA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA 2005

Famokarana

Nisy fihatraikany teo amin'ny vokatra ara-toekarena nandritra ny valo volana voalohan'ny taona 2005 ireo trangan-javatra maromaro toy ny fifaranan'ny « Accord Multifibre sur le Textile », ny fahatapatapahan'ny herin'aratra sy ny fisondrotrin'ny vidiny izay hita ihany koa teo amin'ny solika. Vokat'izany dia vinavinaina ho 5,0% ny fitomboan'ny harikarena amin'ny taona 2005.

Ny vokatra ny seha-pamokarana faharoa no tena voakasika mafy tamin'izany trangan-javatra izany. Ny fisondrotry ny vokatra dia ho 4,3% amin'ny taona 2005 raha 6,6% ny taona 2004. Ireo orinasa mpanamboatra kojakoja mandeha amin'ny herinaratra, mpanao lamba, mpanao zava-pisotro ary ireo sampana mpanamboatra fitaovam-pitanterana sy kojakoja fanaovan-trano dia anisan'ireo sampana nahazoana izany vokatra izany.

Tsara ny ezaka vita teo amin'ny seha-pamokarana voalohany, izay niakatra 3,3% noho ny fitomboana hita teo amin'ny vokatra ny fambolena. Nahatsara ny fambolem-bary, izay mitana toerana lehibe eo amin'ny sampana fambolena, ny toetrandro sy ny fahamoràn'ny fahazoana zezika sy fampindramam-bola madinika. Ary mbola nanampy izany koa ny fanavaozana ireo fotodrafitrasa (fepiloha sy tambajotran-drano), mbola mitohy ihany koa ny fanaparitahana ny haitao vaovao momba ny fambolena.

Ny seha-pamokarana fahatelo no anisan'ny nahazoana ny fitomboan'ny harikarena faobe. Ny firoboroboan'ny sampan'ny fitanterana, ny varotra, ny banky sy fandraharahana izay nentanin'ny fiakaran'ny filàna teo anivon'ny sehatra voalohany sy faharoa indrindra fa ny fivoharan'ny fanamboaran-dàlana dia anisan'ny nampitombo ny vokatry ny sehatra faharoa ho 6,0%. Ny firoboroboan'ny sehatra fizahan-tany dia nisongadina noho ny ezaka fisarihana ireo mpizahatany ho aty Madagasikara "Destination Madagascar". Ny fisondrotana 16,2% hita teo amin'ny sampana tao-trano sy asa vaventy (BTP) dia ambany raha ampitahaina tamin'ny taona lasa izay nahatratra 29,0% vokatry ny famerana ny fampiasambolam-panjakana.

Fisondrotry ny vidim-piainana

Tao aorian'ny fihakarana mihoapampan'ny vidim-piainana hatrany amin'ny 27,0% ny taona 2004, dia efa mba nalefadefaka izany teo anelanelan'ny fiandohan'ny taona ka hatramin'ny volana Jona 2005. Ny fifehezana ny politikam-pitantanam-bola sy ny fihenana'ny vidin'ny vary (-23,0% teo amin'ny vary vokatry teto an-toerana sy -10,7% teo amin'ny vary nafarana), noho ny hetsika manokana teo amin'ny fanafaram-bary sy ny vinavina fa ho tsara ny vokatry amin'ity taona ity no nahatonga izany. Ny vidim-piainana sy ny sandam-bola dia voatazona ho maritoerana hatramin'ny volana septambra. Heverina ho voafetra eo amin'ny 10,7% eo ny taha-pisondrotry ny vidim-piainana amin'ity taona 2005 ity.

Sehatra ivelany

Vinavinaina hihena 17,0% ny fanondranana entana malagasy sandaina amin'ny DTS amin'ny taona 2005. Vokatry ny fifaranan'ny « Accord Multifibre sur le Textile », dia somary nihena ny hezaka nandrandraina tamin'ireo orinasa afakaba izay anisan'ireo mpampidibola be indrindra. Nihena ihany koa ny vola niditra avy amin'ny fanondranana lavanila noho ny fitotongan'ny vidiny teo amin'ny tsena. Izany fahosan'ny fanondranana entana izany anefa dia ho voahonitry ny vola azo avy amin'ny fizahan-tany.

Hisy fihidinany ny fanafarana entana raha ampitahaina amin'ny taona 2004 (-11,6% ny taona 2005 raha 21,6% ny taona 2004 amin'ny sanda DTS), vokatry ny fanafohanana haba tamin'ny fanafaran'entana fampitaovana (nifarana ny volana Aogositra) sy ny fihenana teo amin'ny fanafarana entana fihinana. Nihena noho izany ny fatiantoka teo amin'ny fifanakalozana ivelany, anisan'izany ny transfert officiel izay ho 8,5%-ny harikarena faobe ny taona 2005 raha 10,3%-n'ny harikarena faobe izany ny taona 2004. Ny tahiry vola ivelany ("réserves internationales") dia vinavinaina hahavita fanafaran'entana 3 volana.

Fitantanam-bolam-panjakana

Navaozina hanaraka ny toetr'andro ny Fitantanam-bolam-panjakana. Napetraka ny famaritana ny fandaniam-bolam-panjakana antonon'ezaka sy ny teti-bolam-pandaharanasa mba hiantohana ny firindrana eo amin'ny teti-bola sy ny paikadim-pampandrosoana. Ny Rafi-pitantanam-bolam-panjakana mifandray tendro (SIGFP) dia efa nanomboka niasa tamin'ny volana Jolay 2005, teo anivon'ireo faritany enina.

Ho an'ny ladoany, napetraka ny « logiciel Sydonia++ », rafi-pitantanana arindran'ny milina informatika, mba hanamafisana ny fampiharana sy fitantanana arindran'ny milina informatika an'ireo andraikitra isan-karazany sy ny asa fanarahamaso. Ny kalitao sy ny fahombiazan'ny fandraharahana dia hita fa nihatsara raha tarafina avy amin'ny fihenana hita eo amin'ny isan'ireo mpandraharaha mpandray olona ao amin'ny ladoany, antotan-taratasy ampiasaina, dingana fanarahamaso ary ny fotoana lany amin'ny famoahana entana ao amin'ny ladoany. Ny fampiasana ny Sydonia++ dia mitaky ny fametrahana sy fanekena rafi-pandaminana vaovao sy fanarahamaso madio. Natomboka ny volana Aprily ihany koa, miaraka amin'ny fepetra fanamafisana, ny fanefana ny DTI eny anivon'ny banky. Eo amin'ny vola miditra, efa azo nampiasaina ny « logiciel SIGTAS » nanomboka ny volana Aogositra 2005. Aorian'ny fanandramana sy fitsapana mandritra ny telo na efa-taona vao tena ho tanteraka ny fampiasana azy io. Etsy andaniny, ny rafi-pitarafana SYDONIA/SIGTAS dia efa eo andalam-pananganana.

Tsy tratra ny hetra novinavinaina hampidirina tamin'ny enimbolana voalohan'ny taona 2005, na teo amin'ny hetra anatiny izany na ivelany. Mikasika ny TVA anatiny, ny fihenana'ny famoriana io hetra io dia azo ampifandraisina amin'ny fidinan'ny vola maty na ny fihenana'ny famokarana teny anivon'ny seha-pihariana (vokatry ny fahatapatapahan'ny herinaratra maharitra). Raha ny fihenana teo amin'ny fampidirana-ketra teny anivon'ny ladoany indray, raha ampitahaina tamin'ny taona 2004, dia azo lazaina fa vokatry ny fahabetsahan'ny entana nafarana tsy notataovan-ketra sy ny fitombon'ny hosoka nataon'ny mpandraharaha sasantsasany izay nanararaotra

ny fanamaivanana ireo fepetran'ny fanarahamaso ka nanambarany fa tsy tataovanketra na dia ny entana tokony handoa izany aza ; na vokatry ny fampiasana ny "glissements tarifaires" izay mitarika fampidinana ny sandan'ny haba sy hetra tokony haloha. Na dia izany aza, ny tahan'ny tsindrinketra dia hahatratra 9,9% izany hoe latsaka teboka 1,0 miohatra ny tamin'ny taona 2004, vokatry ireo fepetra noraisina.

Eo amin'ny fandania, dia nisedra olana ny fampiharana ny teti-bola nandritra ny efabolana voalohany 2005. Ireo tomponandraikitra dia tsy mbola nahafehy tsara ny (i) fotokevitra sy ny fizotry ny rijan-teny mifehy ny fampiharana ny tetibola (noliana tamin'ny taona 2004), izay hanatsarana ny fitantanana ny fandania ("code des marchés publics", "circulaire d'exécution budgétaire"), sy ny (ii) fampiasana ny teti-bola-mpandaharanasa. Mba hanamaivanana ihany koa ny vokatry ny tsy fidiran-ketra nandritry ireo volana voalohany tamin'ny taona 2005 dia nofehezina ireo fandraiketana momba ny fandania tsotra sy ny fandania amin'ny fampiasam-bola. Kanefa ny fandania momba ny karama dia nitombo noho ny fampisondrotana 12% ny karaman'ny mpiasampanjakana. Ho an'ny taona manontolo, ny totalin'ny fandania dia ambany noho ny vinavina ka ho 21,1%-n'ny harikarena faobe raha 25,1% izany tamin'ny taona 2004. Araka izany, ny fatiantoka eo amin'ny teti-bola dia ho 5,0% ny taona 2005.

II - VINAVINA HO AN'NY TAONA 2006

Tanjona mikasika ny fitomboan'ny harinkarena sy ny fisondrotry ny vidim-piainana

Amin'ny taona 2006 dia 5,9% no taha-pitomboan'ny harinkarena andrasana. Io fitomboana io dia azo avy amin'ny fampiasam-bola izay vinavinaina ho 23,8% -n'ny Harikarena Faobe, ka ny 11,3% amin'izany dia avy amin'ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana ary ny 12,5% kosa dia avy amin'ny fampiasam-bola ataon'ny sehatra tsy miankina. Ny tetikady nosafidian'ny governemanta amin'izany dia miompana indrindra amin'ny: (i) fampandrosoana ireo seham-pamokarana miterabokatra haingana ("secteurs porteurs"), toy ny orinasa mpamokatra entana fanondrana, ny orinasa mitrandraka sy manodina harena an-kibon'ny tany, ny fizahan-tany, ny fambolena sy fiompiana, izay efa nahazoana famatsiam-bola rahateo avy amin'ireo mpiray ombon'antoka ara-bola amin'ny alalan'ireo tetikasa isan-karazany toy ny MCA (Millenium Challenge Account) sy PIC (Pôles Intégrés de Croissance), (ii) fametrahana rafitra mamporisika sy miahny ny fampiasam-bola ataon'ireo mpanandraha tsy miankina, na avy eto an-toerana izany na avy any ivelany (Investissements Directs Etrangers), (iii) fampiroboroboana ny herim-pamokarana ("capital humain") amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fahazoan'ny mponina fitsaboana, fampianarana, rano fisotro madio, fanadiovana ("Assainissement").

Noho ireo hetsika notanterahan'ny Governemanta, indrindra ny fampiroboroboana ny sehatry ny fambolena, sy noho ny fanampiana ara-bola nomen'ireo mpiray ombon'antoka dia hahatratra 3,5% ny fitombon'ny seham-pamokarana voalohany amin'ny taona 2006 raha 3,3% monja izany ny taona 2005.

Hitohy hatrany koa ny fivelaran'ny seham-pamokarana faharoa ka taha-pitomboana 5,4% no vinavinaina ho amin'izany amin'ny taona 2006. Izany dia vokatry ny fiverenan'ireo asa rehetra amin'ny laoniny amin'ny ankapobeny aorian'ny famahana ny olan'ny fahatapahan-jiro ary koa ny fahavitrihan'ireo orinasa mifandray mivantana amin'ny fambolena (orinasa mpanodina ny vokatry ny fambolena sy fiompiana, orinasa mpanodina sakafo,...), sy ny fizahantany, ary ny harena ankibon'ny tany.

Hitohy ihany koa ny fivoaran'ny seham-pamokarana fahatelo (7,2%) amin'ny taona 2006. Avy amin'ny firoboroboan'ny sampana Tao-trano sy Taozava-baventy izay ahitana hatrany fivoarana (19,0%) noho ireo ezaka ataon'ny fanjakana amin'ny fanatsarana ny fotodrafitrasa rehetra (amin'ny fambolena, lalana, fifandraisan-davitra,...) no fomba hahatrarana izany. Etsy andaniny koa anefa, vokatry ireo fepetra noraisina amin'ny fampandrosoana ny fizahantany, dia hihatsara tanteraka ireo sampana hafa, toy ny fitaterana olona sy entana, ary koa ireo asa isankarazany izay mifandray amin'ny varotra.

Hotohizana ireo fepetra natao mba hamehezana sy hanamarinan-toerana ny fisondrotry ny vidim-piainana. Hihena noho izany ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana ka ho lasa 8,2% izany amin'ny taona 2006 vokatry ny fampiharana politika ara-teti-bola sy ara-bola malina sy ny fitombon'ny vokatra eto an-toerana. Izany rehetra izany dia hidika ho fihatsaran'ny fahefa-mividin'ny mponina sy firosoana amin'ireo dingana entina mampihena ny fahantrana.

Vinavina ho an'ny sehatra ivelany

Amin'ny taona 2006 dia hiroborobo fatratra ny fanondranana entana noho ireto fepetra noraisina manaraka ireto: (i) fametrahana tontolo ara-toekarena hahafahana mampihena ny saran'ny famokarana sy mampiroborobo ny sehatra mpamokatra, (ii) fanamaroana karazana ireo entana aman-draharaha ("biens et services") azo ahondrana amin'ny alalan'ny fanohizana ireo ezaka fanitarana ny fanondranana, ary (iii) fanohizana ny ezaka amin'ny fisarihana ireo rian-drenivola vahiny, indrindra avy amin'ny sehatra tsy miankina. Noho ireo rehetra ireo dia fitomboana 10,6% (sandaina amin'ny DTS) no andrasana amin'ny taona 2006 raha fihenana 17,3% izany tamin'ity taona 2005 ity.

Hitombo tahaka izany koa ny fanafarana entana ka fitomboana 9,5% (sandaina amin'ny DTS) no vinavinaina amin'izany amin'ny taona 2006. Io fitomboana io dia azo hazavaina avy amin'ny filàna akora fanodina sy ireo kojakoja fampifitaovana izay mitarika mivantana ireo asa famokarana sy fampiasam-bola.

Zava-kendrena mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana

Mbola ho hita amin'ity taona 2006 ity ny fanohizana ireo fepetra fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana. Hiezaka hatrany ireo manampahefana isan-tsokajiny hampifanitsy ny teti-bola amin'ireo laharapahamehana voafaritra ao anaty DSRP, ary koa hanohy ny fahavitrihana efa azo hatramin'izao vokatry ny fanavaozana efa natomboka.

Mikasika ny vola miditra indray, ny tena tanjona dia ny fampitomboana azo tsapaitanana ny hahavon'io fidiram-bola io. Arak'izany ho an'ny taona 2006, dia hahatratra 1.335,4 milliards Ariary ny fidiran-ketra izay manome tahan'ny tsindrin-ketra 11,4%. Mba hahatrarana izany tanjona izany dia hampiharina eo anivon'ny Sampandrahan'ny Hetra sy ny Ladoany ireto fepetra manaraka ireto: (i) hampifanarahana amin'ireo fanamby ny rafitra hampiharina mba ho fampiakarana indray ny vokatry izay efa azo teo amin'ny famorian-ketra, (ii) hamafisina sy harindra tsara ny hetsika eo anivon'ireo sampandraharaha rehetra misahana ny fanitarana ny sehatra ampiharana ny famerana ny hetra sy ny famorian-ketra, (iii) hitarina ireo hetsika fanarahamaso, (iv) harindra ireo rijan-teny sy fombafomba mba hahatsotra sy hahamora ny fahazahoan'ireo tompon'andraikitra ara-toekarena azy ireny, (v) hosokafana ny sampana mpandrindra, mpanaramaso sy mpandrefy ny zava-bitra eo anivon'ny ladoany, mba handrindrana ireo fepetra fampiharana ireo paikady vaovao sy fandraisana fepetra, mba hanatsarana ny fampidirana-ketra, (vi) hatsaraina ny kalitaon'ny asa tanterahan'ny ladoany amin'ny alalan'ny fanitarana ny fananganana ny rafitra SYDONIA++ ary koa ny fampivoharana sy ny fametrahana rafitra mitovy ara-draharaha eo anivon'ny biraon'ny ladoany izay mampiasa izany fitaovam-piasana izany ("logiciel"), (vii) hamafisina ny fanarahamaso sy ny fanamarinana amin'ny alalan'ny fitakiana ny tati-pisafoana amin'ny fangalana entana ("Rapport d'Inspection Enlèvement") avy amin'ny Société Générale de Surveillance (SGS) sady mampiasa ireo fitaovana fanarahamaso harifomba izay hiaraha-manantotosa amin'ny SGS (Scanner, logiciels Profiler, Valuenet et Resus ao Toamasina sy Ivato), (viii) hatsaraina ny tambazotram-pifandraisan'ireo mpiasa tompon'andraikitra amin'ny famoahana entana eny amin'ny ladoany (Ladoany, Seranana, Orinasa mpitatitra andranomasina, Mpamoaka entana, Banky, ...), amin'ny alalan'ny fampiasana ny rafitra TRADENET mba hanakelezana ny mety ho fampiasana ny antontan-taratasy sandoka sy fitsirihana mahomby kokoa ny mombamomba ireo entana, alohan'ny hahatongavan'ny sambo, (ix) atao enjana kokoa ireo fepetra hahazoana "alalana tsy fandoavan-ketra" ("régimes suspensifs"), (x) ampidirina ao amin'ny rafitra SYDONIA++ ireo filazalazana, amin'ny alalan'ny fametrahana "convertisseur", (xi) atao tsy akanavaka ny lavantin'ireo entana tsy ara-dalàna, (xii) hamafisina ny fanaraha-maso aty aoriana amin'ny fananganana ireo "Antoko mpanaramaso mivezivezy" ("Brigades mobiles de surveillance") manerana ny faritany enina, (xiii) atao entitra dia entitra ny fampiharana ny tsy maintsy hanefana ny habatseranana, na hatao "trosa nahazoana alalana" ("traites avalisées") na haloha eo anivon'ny banky tsotra, izany dia mba hahazoana antoka ny fampidirana ny fadintseranana, (xiv) tsorina ireo taha-ketra eo anivon'ny ladoany amin'ny fanafanana ny "Droits d'accises" mitatao amin'ny vokatry rehetra ankoatr'ireo avy amin'ny paraky sy alikaola, sy amin'ny fanenana ho roa ny isan'ny sokajin'ny taha-ketra raha efa izany teo aloha, ka ho setrin'izany ny fanafanana ireo tsy fandoavana hetra rehetra tsy voalaza ao amin'ny fifanarahana sy fifanekena iraisam-pirenena sy ny rijanteny manankery, ary averina dinihina avokoa ireo tsy fandoavan-ketra rehetra efa nazahoandalàna, (xv) omen-danja ny tarehimarika nalaina tao amin'ny tati-pisafoana nataon'ny SGS ho an'ny ny fanafarana entana manontolo.

Etsy andaniny dia misy hetsika maro hafa koa hatao mba hanatsarana ny fahombiazan'ny rafitry ny hetra, toy ny: (i) fametrahana tondro ezaka isam-bolana eo anivon'ny sampandraharaha rehetra mpamory hetra, anisan'izany ireo ao amin'ny Fohibe-pitondrana misahana ny Hetra eo anivon'ireo Orinasa vaventy (Direction Fiscale des Grandes Entreprises), (ii) fampifandraisana antambanjotra ireo torohay eo ampelatanan'ny Ladoany sy ny "Fitantanam-bolam-panjakana" (Trésor) ary ny fandraharahana momba ny hetra mba hahafahana mampiasa araky ny tokony ho izy ireo

fampahalalana ho fanarahamaso ny hetra, (iii) fampandehanana ny rafitra "SIGTAS" ao amin'ny "Fohibe-pitondrana misahana ny Hetra eo anivon'ireo Orinasa vaventy" (DFGE), (iv) fanohizana ireo fanamarinana hetra efa an-dàlam-panatanterahana eo amin'ny sehatry ny fizahatany sy ny tao-trano ary ny fitaterana, sy (v) fanitarana ny ambaindahin'ny hetra amin'ny fampandoavan-ketra ireo sehatra tsy manara-dalana, izany dia ampiharahana amin'ny fakana haba tsy akanavaka izay azo avy amin'ny fampitahana navoakan'ny solosaina.

Mikasika ny fandanium-bola, ny hetsika natao dia hanatrarana tanjona lehibe roa: (i) fanatsarana ny fitantanana sy ny fahombiazan'ny fandanium-bolam-panjakana sy (ii) fanamafisana ny fanarahamaso ny fampiharana ny tetibola. Ho an'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2006, nohamafisina ny fombafomba fanomanana ny teti-bola ary nohatsaraina ny kalitaon'ny tetibolam-pandaharanasa. Fototra mitombona no hiaingana eo amin'ny faminavinana ny teti-bola na eo fampidiram-bola na eo amin'ny fandanium-bola. Hitarina ireo sehatra voakasik'ireo torohay ara-bola ampiarahana amin'ireo volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, ny torohay mikasika ny fandanium-bola ho an'ny mpiasam-panjakana any ivelany dia haverina dinihana. Havaozina ny rafitr'ireo antokondrahara misahana ny tetibola mba hanomezana azy ny fahaizama-nao fanadihadiana ilaina eo amin'ny asa fanampiana amin'ny fanapahan-kevitra sahaniny eo anatrehan'ny fitondrampanjakana, sy hahazoana manjohy tsara ny fampiasam-bolam-panjakana. Ankoatra izany, niadian-kevitra ireo toro-làlana ho fanatsarana ny Cadre de Dépenses à Moyen Terme ho an'ireo ministera sy andrim-panjakana.

Eo anatrehan'ny hetra niditra, vinavina voalanjalanja tsara no natao amin'ny fandanium-bolam-panjakana mba hirindra tsara sy tsy hisy fanohitohinana ny fampiharana ny teti-bola. Raha tamin'ny taona 2005, ny totalin'ny fandaniambolam-pajakana 2.145,4 Miliara Ariary dia hahatratra 2.570,8 Miliara Ariary amin'ny taona 2006, izany hoe hitombo 19,8%. Ny fandania amin'ny fampandehanan-draharaha ankoatry ny zana-bola sy ny fandania momba ny mpiasam-panjakana dia samy hahatra avy 11,1% sy 5,1%-n'ny Harikarena Faobe. Ny fampiasam-bolam-panjakana dia hitombo 29,4% ka hahatratra 1.272,7 Miliara Ariary, izany hoe 10,9%-n'ny Harikarena Faobe. Vokat'izany, ny fatiantoka ankapobeny eo amin'ny fanefana ("Déficit global Base caisse") dia hitentina 572,4 Miliara Ariary, izany hoe 4,9%-n'ny Harikarena Faobe.

A - NY VOLA MIDITRA :

NY HETRA

Ny rafi-pandaminana aroso dia manamafy ny fepetra noraisina sy nolania nandritra ireo taona teo aloha, natao anatin'ny fomba fijery hahatratrarana ny tanjona kendrena sy andrasana amin'ny hetra anatin'ny.

- Fanamarinan-toerana ny tahan'ny hetra lehibe amin'ny vola miditra (IBS, IRNS, IRSA, IRCM, TFT) sy ireo saram-panoratana izay efa nasiana fampihenana miandalana nanomboka ny taona 2003, nitohy ny 2004 sy 2005; sy fampiharana ny taha token'ny TVA ho 18 isan-jato.
- Ny toeran'ny hetra tsy mivantana ao anatin'ny rafitry ny volam-panjakana izay nambara dia hamafisina :

-Ny fakana mialoha ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) sy ny sarany amin'ny vokatra dia tazonina, fa ny lisitry ny vokatra dia noferana hanaraka ny fepetra;

-Ho an'ny DA, ny vokatra toy ny fitafiana tonta, kodiarana, menaka fikojana fiara, milina sy fitaovana eletronika, trakitera, fiara, .sokolà, koba voahodina, konfitira.

-Ho an'ny sarany alaina amin'ny vokatra, ny ronono sy ny vokatra azo avy aminy, menaka fikojana fiara. Manomboka izao, ny fampiharana ara-ketra amin'ireo vokatra vaovao sy ny famerana ny taha dia feran'ny lalàna.

- Fepetra mitondra fanazavana amin'ny fomba arahina sy ny fitsipika fototry ny TVA mikasika indrindra ny faritra fampiharana sy ny fototra hamerana ny haba, ny ampahany azo anesorana ary ny fombafomba amin'ny famerenana ny trosan-kaba TVA.
- Atao mifanaraka amin'ny rafi- pandaminana ara-ketra ny rafitra ampiarina, indrindra ao amin'ny SADC mba hampitombo ny vola miditra avy amin'ny haba amin'ny tataom-bidy, amin'ny fitazonana ny fetra fandoavana haba ho Ar 50 000 000.
- Fanatsarana ny fizotry ny famerenana ny trosan-kaba amin'ny tataom-bidy amin'ny alalan'ny fanafoanana ny rafitry ny famindran-tompo.
- Ny fanohizana ny fandridrana ny rijan-teny momba ny hetra nateraky ny fanovana nisy teo amin'ny lalàna mifehy ny fandraharahana izay nitarika fanafoanana ny fepetra mikasika ny hetra sasantsasany izay lany andro, *anisan'izany ny hetra ny fiara mandeha amin'ny milina (vignettes)*.
- Ho fanohanana ny fampiasam- bola (asa famoronana na fanitarana) dia noraisina izao fepetra izao .
 - Mikasika ny IBS , fahafahana manemotra amin'ny fotoana tsy voafetra ny fanavotam-bidy amin'ny fotoana mahafaty antoka .
 - Fepetra mitsinjo manokana ny fampindramam-bola madinika izay vao avy nankatoavina mba hanamorana ny famatsiam-bola ny orin'asa madinika .
 - Fanamorana ny fahazahoana famatsiam-bola.
- Fanohizana ny famelan- tsazy noho ny fahatarana tamin'ny saram-panoratana ny filazam-pamindrana tsy voapetraka ara-potoana.
- Fanovana ny fitsinjaran'ny vokatry ny hetram-bondrom-bahoaka sasantsasany ka anisan'izany ny haba amin'ny asa aman-draharaha izay atokana ho an'ny Antenimieran'ny Varotra, ny Indostria, ny Fambolena sy ny Asa-tanana, ary ny fakana mialoha amin'ny vokatra azo amin'ny kilalao kisendrasendra atokana hoan'ny Tetibolam-panjakana ankapobe.

Ambonin'izany, ny hetsiky ny fandraharahana ara-ketra dia ho henjana ary vao mainka ho hamafisina mba hampilamina ny fidiran-ketra. Hihatra manomboka ny taon-ketra 2006 ny SIGTAS, ny fanampiana ireo PME amin'ny alalan'ireo foibe fitantanana nahazo alalana andrana, ary ny fanampariahana ny fitantanana ny taratasin-ketra tokana momba ireo orinasa lehibe mba hanamorana ny fanaraha-maso, ny fisafoana, ary ny famoriana ny hetra sy haba.

NY FADINTSERANANA

1. Momba ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana

Lalàna itantanana ny volam-panjakana maro no nitondra fanitsiana tamin'ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana nivoaka tamin'ny taona 1960.

Ny fandravonana ankapobe ny Fehezan-dalànan'ny Fadintseranana dia voasoratra ao amin'ny planina momba ny paikady entin'ny Fadintseranana hampifandrindra ny faritra ara-dalàn'ny hetsiky ny fadintseranana amin'ny fenitra iraisam-pirenena mba hampifanindran-dalàna ny fifanalozana sy ny ady amin'ny hosoka.

- Filaminan'ny paikady

- Fanaovana ho mazava tsara ny fepetra tetezamita ifanekena (and.13)
- Fampidirana ny lalàna itondrana ny trano fanobiana sy faritra hahazoana mandoa ny fadintseranana (and 77 sy ny manaraka)
- Fanamarihana ny fahefan'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana (and.46 sy ny manaraka)
- Famaritana ny fanarahamaso atao aty aoriana (and.53)
- Fepetra ahazoana mangataka ny Fanampiana Fiaraha-mitantana iraisam-pirenena (and. 54.5°)
- Fampifanentanana amin'ny fomba elektronika sy ny lafiny informatika (and.87)

- Fanamorana ny fifanakalozana iraisam-pirenena

- Fampifanentanana amin'ny ankibolana ifanaovan'ny samy firenena (and.20.1°)
- Famaritana ny lalàna itondrana eo toekarena mifanaraka amin'ny toetrandro (trano fanobiana ho fitahirizana, fanatsarana entana tsy misy fadintseranana) (and 132 hatramin'ny 230)

Fanalavana ny fe-potoana voafaritra voalohany itobian'ny entana araka ny fepetra ara-toekarena (12 volana)

- Fomba fandoavana fadintseranana notsorina (and 105)
- Fampidirana ny lalàna itondrana ny famerenana entana (and 248 hatramin'ny 250)
- Fitsipika vaovao amin'ny famerenana ny haba sy ny hetra (and 15)
- Fanafoanana ny DRAW BACK tsy nampiasaina hatramin'izao amin'ny famaritana ny famerenana ny haba sy ny hetra tamin'ny fanafarana entana (and 15)
- Noho ny hetsika eo toekarena dia misy famaritana natao amin'ireo entana nafarana mikasika ny fitaovan'ny lai-tsambo, fampitaovana ny sambo, fanamboarana, fanarenana sy fanovana ny sambo nahazo niditra ka naantona ny fandoavany ny haba sy ny hetra (and 256)

- Fifandraisana eo amin'ny fanjakana sy ny mpandraharaha eo toekarena

- Fananganana ny « Vaomiera Mpampihavana sy Fitsirihana momba ny Fadintseranana » (CCED) mba ho fanelanelanana, mialoha ny itondrana ny fifanolanana eo anoloan'ny antokompitsarana famaizana, ka misy rafitra mahaleotena (mpitsarana sy olona mahasolo-tena ny raharaha ara-toekarena), sy ny fitsipiky ny fampandehanan-draharaha, mba hanafoanana ny fifangaroan-kevitra amin'ny Vaomiera manao ny fampihavanana sy fitarainana fanafoanana (CCR) izay mandamina ny fifanolanana SGS – Fadintseranana – Mpandraharaha (and 17, 18, 19 – 111 hatramin'ny 118)
- Fampidirana ny tsiambaratelon'ny asa (and 38)
- Fitsipiky ny tsiambaratelo amin'ireo vaovao eo am-pelatanan'ny Fitondran-draharahampanjakana (and 45)

- Fitsipika ampiharina amin'ireo mpandraharaha miadidy ny fadintseranana

- Fepetra ahazoana manao ny asa, fanekena hanao izany (and 90)
- Andraiketry ny manao hadisoana (and 341.2°)

- Lalàna famaizana - Fifanolanana

Fanalefahana amina antoka vaovao ho an'ireo tokony handoa sara (ny lalàna famaizana manokana dia tena manindra mafy tokoa momba io amin'izao fotoana izao)

- Fahefana vaovao omena ny mpitsara, miaraka amin'ny famerana ny sazy amina fetra farany ambany sy ambony ho an'ireo sokajina heloka madinika sy heloka tsotra (and 357 hatramin'ny 362)
- Fanalefahana amin'ny ankapobe ny fetra amin'ny sazy vola (and 357 hatramin'ny 362)
- Nohamaivanina ny fanagihazana ireo fitaovam-pitanterana (and 270.3°)
- Fampidirana ny hevitra ny hoe anton-javatra manamaivan-tsazy (fanavaozana lehibe) (and 314.1°)
- Fanaovana andrimaso hampanaovin'ny fitsarana noho ny fihazonana avy amin'ny fadintseranana, ho fiarovana ny fahalalahan'ny isam-batan'olona (and 267.3°)
- Fanaovana fanarahamaso ara-pahasalamana ilay olona ahiana, noho ny ady atao amin'ny fandefasana tsy ara-dalàna zava-mahadomelina (and 51)

2. Momba ny Sara aloa amin'ny Fadintseranana

a.- Mba itsinjovana ny lafiny tarehimarika dia noforonina ny ambaratonga fanampiny eo amin'ny sara aloa eto amin'ny firenena (08 12 90 10)

b – Fanovana ny fanambarana ny sokajin'entana ho an'ireto zana-tsokajy ireto :

Tsy hoe :

27 10 11 12 - - - Supercarburant

27 10 11 13 - - - Essence tourisme

Fa vakio hoe :

27 10 11 12 - - - Supercarburant titrant 95 indice d'octane et plus

27 10 11 13 - - - Essence tourisme titrant 90 indice d'octane au moins

c.- Fampifandrindrana ireo anjara amin'ny Haba aloa amin'ny Fadintseranana (DD) amin'ny fanafarana entana ka tsy ho aotra ny taha :

a) akora fototra ho 5%

b) kojakoja, fananana fampitaovana, ampahana sy kojakoja fanolo, kojakoja amin'ny fanorenan-trano ho 10%

d) entana fanjifa ho 20%

d.- Noho ny fanafoanana ny hetra tsy mivantana sy ny “vignette” ahatra amin'ny fiarakodia dia nampitoviana ho 390 Ariary/Litatra ny haba (TPP) aloa amin'ny “Supercarburant” sy “Essence tourisme”, ny haba (TPP) aloa amin'ny “Gas-oil” dia nampiakarina ho 120 Ariary/Litatra, ary ireo haba (TPP) aloa amin'ireo vokatry ny solika hafa dia nampiakarina 25 isan-jato.

B.- NY FAMPIASAM-BOLA

1.- Ny manodidina ny fandania

Ataon'ny Governemanta ho vaindohan-draharaha sy laharam-pahamehana ny fanatanterahana ny politika mifototra amin'ny fampandrosoana haingana, ny fahombiazana sy ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny fandanium-bolam-panjakana ary koa ny fampandraisana andraikitra ireo tompon'andraikitra ny fampandrosoana.

Haitao vaovao maromaro tato ho ato no nampiharina eo amin'ny fepetra arahina ara-tetibola ka ny misongadina indrindra dia ireo fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny famoahana hanankery ny rijanteny mifandraika amin'izany eo an-daniny, ary koa ny fanohizana ny fanavaozana ny fitaovana enti-mitantana ao anatin'ny Rafi-pitantanam-bolam-panjakana mifandray tendro (SIIGFP) an-kilany.

Noho izany, dia tohizana sy hamafisin'ny mpitondra hatrany ny:

- famolavolana ny Rafi-pandania Ivo Ezaka (CDMT)
- firosoana miandalana eo amin'ny fomba arahina amin'ny teti-bola fandaharan'asa izay
 - o fitaovana mahomby entina mamatsy ara-bola ny fanatanterahana ireo tanjona voafaritra ao amin'ny Tahirin-kevitra Paikady ho Fampihenana ny fahantrana;
 - o sy mikendry ihany koa ny famakiana sy fahazoana bebe kokoa ireo antontan-taratasy ara-teti-bola, ny fitsinjarana matipaika ny sora-bola mba hisian'ny fahatomombanan'ny fandanium-bola ataon'ny fanjakana, ary indrindra indrindra hanamorana ny fanaraha-maso tandrify izany eo amin'ny fandraharana, fitsarana ary antenimiera.

Ny tanjon'ny fitondram-panjakana eo fandania, dia mbola mifantoka hatrany amin'ny fampiharana ny fepetra ho enti-manarina ny firenena sy ny tetika hampitomboina ny harin-karena faobe, maharitra sy tsy azo ihodivirana, mba ahafahana manatsara ny fitantanana ary koa mampihena ny fahantrana.

Ankoatr'izany, amin'ny tetibola 2006, dia ezahin'ny fitondram-panjakana hatrany ny fanajana ireo fifanekena anatin'ny sy iraisam-pirenena, momba ny famatsiam-bola ankapobe, indrindra amin'ireto sehatra ireto:

- fampandrosoana ny eny ambanivohitra
- fahasalamana
- fanabeazana

2.- Karama :

Amin'ny taona 2006 dia hatratra 599,8 miliara Ariary ny fandania eo amin'ny karaman'ny mpiasam-panjakana raha toa ka 422,2 miliara Ariary izany tamin'ny taona 2005.

Ny fepetra manamafy izany fandania izany dia mifantoka amin'ireo laharam-pahamehana voalazan'ny Tahirin-kevitra Paikady ho Fampihenana ny fahantrana:

- ny fanabeazana sy ny fahasalamana ho an'ny daholobe mba hanatsarana ny fitombon'ny asa sy ny hery enti-mamokatra
- ny fiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana ara-batana sy ara-bola eo amin'ny fanamafisana ny rafitry ny fitsarana: tribonaly ara-panjakana sy ara-bola (amin'ny alàlan'ny fampidirana mpiasa vaovao) ary ny fanaparahana ny tribonaly
- ny fifehezana ny fandania sy ny vola miditra amin'ny alàlan'ny fampidirana:
 - andaniny mpiasa vaovao hisahana ny fisafoana toy ny mpisafa faobe ara-bola, filankevitra misahana ny fitsipika ara-bola, manam-pahefana mpandrindra ny tsenam-panjakana
 - ankilany amin'ny alàlan'ny fampitomboan'isa ireo mpiasa misahana ny Ladoany, ny Hetra ary ny Tahirim-bolam-panjakana
- fampimirana ny sandan'ny fanakalozambola amin'ny sandany marina ampiharina amin'ny karaman'ny mpiasa ny masoivoho ivelany
- ny ezaka fandoavana ny anjaran'ny fanjakana eo amin'ny Tahirim-pisotroan-dronono (CPR sy CRCM)
- ary farany, ny fanokafana masoivoho ivelany hitrandraka ireo mpampiasa vola ivelany lehibe.

3.- Ny fandaniahana momba ny fampandehanan-draharaha

Hahatratra 486,4 miliara Ariary ny fandaniahana ho fampandehanan-draharaha (tambikarama, fividianana kojakoja, famindram-bola) ka ao anatin'izany ny IPTE raha toa ka 388,1 miliara Ariary izany tamin'ny taona 2005.

Ireo fampitomboana ireo dia mikasika ny :

- fanefana ireo vary mangatsiaka ho an' ny Société Générale de Surveillance (SGS) izay mahatratra 16,5 miliara Ariary
- fametrahana rafitra vaovao toy ny fanokafana birao ho an'ny Sampana miandraikitra raharaha ara-bola, Tahirimbolam-panjakana ary birao mpanara-maso ny fandaniahana.
- fanefana ireo latsakemboka eo amin'ireo sampandraharaha iraisam-pirenena (Vondrom-pandrosoana iraisan'ny tany ao amin'ny faritra Atsimon'ny Afrika, Tsena iombonan'ny tany ao amin'ny Faritra Atsinanana sy Atsimon'ny Afrika ...)
- fanomanana ireo fividianana ho avy
- fampiakarana ny sora-bola amin'ny saram-pitsaboana
- famindrana ho ao amin'ny AMPA ny fandaniahana nataon'ny FDHA teo aloha
- fanarenana ny Jiro sy Rano Malagasy.
- fampanarahana fenitra ireo fandaniahana momba ny fanontana ny kara-ponenan'ireo vahiny.

4.- Ny fandaniahana ho amin'ny famokarana

Ny Fandaharan'Asan'ny Fampiasam-Bolam-Panjakana (FFBP) 2006

Amin'ny maha fitaovana enti-manatanteraka ny politikan'ny Governemanta azy, ny FFBP 2006 dia mifanandrify amin'ny zavatra takian'ny fampandrosoana haingana sy maharitra voafaritry ny Paik'Ady ho Fampihenana ny Fahantrana.

Ny taona 2006 dia ho voamariky ny fanomezan-danja ny fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra no sady fitanana ireo laharam-pahamehana voafaritry teo aloha ho an'ny sehatra fanabeazana, fanaovan-dalana, fanjakana tsara tantana, fanapariaham-pahefana. Izany dia mitaky ny fametrahana sampan-draharaha manatona akaiky ny vahoaka sy mamaly ny hetahetan'ny mponina, ahafahana mametraka tontolo manome vahana ny fampandrosoana.

Ho an'ny taona 2006, ny famatsiana ny FFBP dia mitentina 1.272,7 miliara Ariary, ka ny 30,9 % amin'izany dia fandraisan'anjaran'ny Governemanta. Izany famatsiana izany dia ahafahana manohy ny fanatanterahana ireo tetik'asa miisa 359, ka ny 73 dia vaovao na dingana manaraka.

Ny fitsinjarana sy ny fivoaran'ny FFBP ny taona 2004 ka hatramin'ny 2006:

Sehatra/ Vola	2004		2005		Arivo Ariary 2006	
	Ivelany	Anatiny	Ivelany	Anatiny	Ivelany	Anatiny
Fotodrafitr'asa	174 664 877	84 891 142	334 633 029	99 809 450	373 814 836	131 440 000
Sosialy	108 406 726	64 985 575	217 259 880	98 325 667	215 404 458	130 602 487
Famokarana	79 360 245	33 553 610	109 984 271	48 242 820	139 241 666	50 938 141
Fitantanan-draharaha	24 835 341	51 433 999	48 248 819	79 722 061	151 239 040	80 003 372
Fitambarany	387 267 191	234 864 327	710 120 000	326 100 000	879 700 000	392 984 000

Ny sehatra “Fotodrafitr’asa” :

Laharam-pahamehana ny Sehatra, ary vatsiana amin’ny 39,7 % n’ny vola natokana ho an’ny FFBP. Ny fandaharan’asa mifandrify aminy dia misy tetik’asa 92, izay manamafy hatrany ny fanatsarana ny fahafahan’ny mponina mampiasa ny sampan-draharaha sy ny fotodrafitr’asa antoky ny fampandrosoana. Hita amin’izany ny asa fanamboarana sy ny fanokafana lalam-pirenena faha 06 sy faha 44, izay vatsian’ny mpamatsy vola maro.

Na izany aza, dia tsy adino ny fiantohana hatrany ny fahafahana mampiasa ny lalana efa misy, tohanan’ny Famatsiana Tetik’Asa Mifandraika amin’ny Sehatra Fitaterana.

Ankoatr’izany, dia azo tanisaina ny sehatr’asa mikendry ny fanatsarana ny fitantanana, ny fahafaha-mamokatra sy ny fahombiazan’ny seranan-tsambo (Fanarenana sy Seranan-tsambo Antsiranana), ny fampitomboana ny taham-pahafahan’ny mponina mampiasa ny fitaovam-pifandraisan-davitra (Teknolojia Fampahalalam-baovao sy Fifandraisana), ny fampiroboroana ny fampidirana herin’aratra eny ambanivohitra (ny tobim-pamatsiana fahatelo ao Andekaleka, ny fanovan-drafitra eo anivon’ny JIRAMA), ny fametrahana ny Ivo-Toeran’ny Fampandrosoana Mirindra.

Farany, fanambin’ny Governemanta ny fampitomboana ny taha-pahafahan’ny mponina mahazo Rano Fisotro Madio, tohanan’ny sehatr’asa toy ny Famatsiana Rano any Atsimo izay hiarahantsika amin’ny mpamatsy vola maro.

Ny sehatra “Sosialy” :

Ny Sehatra Sosialy dia fitambaran’ireo hetsika rehetra mikasika ny fahasalamana, ny fanabeazana, sy ny fanatanjahan-tena ary ireo asa misy fiantraikany mivantana amin’ny mponina. Io sehatra io dia mahazo fanohanana lehibe avy amin’ny FFBP (27,2 %) amin’ny alalan’ny tetik’asa miisa 92.

Ny Sehatry ny Fahasalamana izay mikendry ny fanamorana ny fanatonana sy fahadiovan’ny tobim-pahasalamana dia nohamafisina amin’ny alalan’ny fanokafana tobim-pahasalamana fototra vaovao sy fampitaovana ary fampidirana mpiasa vaovao. Ny fandaharan’asa amin’ny ady atao amin’ny VIH/SIDA sy ady amin’ny raboka dia mbola mijanona ho vaindohan-draharahan’ny Fanjakana.

Eo amin’ny lafiny Fanabeazana dia nohamafisina ireo fandaharan’asa efa noraisina an-tànana ary izany dia mikasika indrindra ny fanorenana/fanarenana efi-trano fianarana sy fampitaovana azy, fanamafisana ny fahaiza-manaon’ny mpiasa ary fananganana toeram-pisakafoanan’ny mpianatra an-tsekoly.

Ny hetsika misy fiantraikany mivantana amin’ny mponina, izay mahakasika indrindra amin’ny fametrahana ny foto-drafitr’asa ara-tsosialy sy ara-toe-karena mifandrify aminy, dia raisina an-tànana toy ny toho-drano, tsena, fanasan-dambam-pokonolona, lapan’ny fanatanjahantena / toerana filalaovana ary sakafo atakalo asa / HIMO.

Ny sehatra “Famokarana” :

Ny Sehatra Famokarana dia fitambaran’ny hetsika rehetra mikasika ny fambolena, ny fiompiana, ny jono, ny indostria, ny asa-tànana, ny harena ankibon’ny tany, ny fizahantany ary ny tontolo iainana. 14,9 % ny sora-bola ao amin’ny FFBP no azon’io sehatra io mba hanatanterahana ireo asa avy amin’ny tetik’asa miisa 75.

Amin’ny taona 2006, ny fampiroboroana ny sehatrin’ny fambolena sy asa-tànana dia nahazo fiheverana manokana avy amin’ny FFBP. Mba hanatanterahana izany dia nohamafisina ny fampandrosoana eo amin’ny lafiny fambolena amin’ny alalan’ny famokarana manara-penitra, fahamatianina, fanajariana lemaka miaraka amin’ny fikojakojana azy. Eo amin’ny lafiny asa-tànana, ny ezaka dia ahompana amin’ny fanohanana ara-teknika sy fampitaovana.

Eo amin'ny lafiny fiompiana dia mitohy hatrany ny ezaka sy ny asa fanoroan-dàlana sy fanohanana amin'ny famokarana ronono, hena ary fitandrovana ny fahasalaman'ny biby fiompy. Fa eo amin'ny lafiny jono indray dia nomen-danja ny asa fampandrosoana ny fiompiana an-dranomasina sy ny fanaraha-maso ny asa rehetra mikasika izany.

Ny asa eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana dia mitodika amin'ny fampitomboana ny velaran'ny valan-java-boahary arovana, ny ady amin'ny doro ala sy doro tanety ary ny fambolan-kazo.

Ny sehatra "Fitantanana-draharaha" :

Io Sehatra io dia ahitana tetik'asa 100 ary taha 18,2 % ny FFPB. Asa maro isan-karazany no sahanina ao toy ny : fanavaozana sy fanorenana tranom-panjakana, fanamafisana ara-drafitra izay misahana ny ady amin'ny kolikoly iarahana amin'ny BIANCO.

Ny tanjona amin'izany dia ny hizorana amin'ny Fanjakana tsara tantana izay anisan'ny fanamby voalohany amin'ny paik'adin'ny fampihenana ny fahantrana.

Mbola tohizana ao amin'io sehatra io koa ny asa fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny alàlan'ny fandoavana ireo trosam-panjakana sy ny fampiharana ny fanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakana.

Marihina etoana fa amin'io taona 2006 io no hampiharana ny tetik'asa fampiroboroboana ny eny ambanivohitra, toy ny fananan-tany, ny fanamafisana ny sehatra tsy miankina sy sehatra ara-bolam-panjakana, izay vatsian'ny firenena Amerikana vola amin'ny alàlan'ny "Millenium Challenge Account".

Ho fanohanana ny fitsinjaram-pahefana sy hanatanterahana ireo laharam-pahamehana izay voafaritry ao anatin'ny teti-pivoaram-paritra (PDR) dia horaisin'ny Fanjakana Foibe sy ny tahirimbola ho fampandrosoana ifotony (FDL) ny famatsiana ireo tetik'asa ireo.

C- NY TROSAM-PANJAKANA

Ny trosa ivelany

Mitentina 334,1 miliara Ariary ny trosa ivelany tokony hefaina amin'ny taona 2006, ka ny 222,2 miliara Ariary amin'ireo dia hamerenana ny renivola nindramina ary ny 111,9 miliara Ariary kosa dia handoavana zanabola.

Misy ampahany fanalefahan-trosa azo vokatry ny fifanarahana Club de Paris 10 ary koa ampahany azo vokatry ny Initiative PYTE, izay ho entina mamatsy ny fandanianana amin'ny sehatra voafaritry ny Governemanta ho laharam-pahamehana ao anatin'ny fandaharan'asa iadiana amin'ny fahantrana.

Ilaina araka izany ny fanefana ara-potoana ny trosa ivelany mba hitohizan'ny fifandraisana amin'ny mpamatsy vola sy hahatanteraka ara-dalàna ny programa ara-toekarena iarahana amin'izy ireo.

Ny trosa anatin'ny

Ny fanitarana ny tsehan'ny Bons du Trésor, izay natomboka tamin'ny volana aogosta 2005 dia ahafahana maminavina fa hitombo ny mpampindram-bola sy ny vola indramina amin'ny alalan'ny "Bons du Trésor" amin'ny taona 2006.

Ny trosa anatin'ny dia ahitana indrindra ny zana-bola ho efain'ny fanjakana amin'ny "bons du Trésor" sy ny zana-bola vokatry ny findramam-bola ataon'ny fanjakana amin'ny Banky foibe amin'ny alalan'ny avansy. Ireo zana-bola ho efain'ny fanjakana amin'ny trosa anatin'ny amin'ny taona 2006 dia hahatratra 162,0 miliara Ariary.

D- NY KAONTY MANOKAN'NY TRESOR

Mikasika ny kaontin'ny varotra, ny ezaka ataon'ny fanjakana mba hampihenana ny fatiantoky ny tahiry fandoavam-bolan'ny fisotroan-dronono dia mbola mitohy amin'ny taona 2006. Ny fandraisan'anjaran'ny fanjakana malagasy amin'ireo sampan-draharaha iraisam-pirenena kosa dia nihena raha oharina ny tamin'ny taona 2005.

E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 15,1 miliara Ariary. Ny fandaniaho ho atao ho an'ny fampandehanan-draharaha kosa dia noheverina hahatratra 1,9 miliara Ariary.

F- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ny fanentsenana ny fatiantoka ara-teti-bola avy amin' ny findramam-bola eto an-toerana dia tanterahina indrindra amin'ny alalan'ny fanaovana bons du Trésor par adjudication izay hitentina 2180,1 miliara Ariary. Na izany aza, ho setrin'izany, ny fanjakana dia tsy maintsy manefa ny trosany mahatratra 2159,7 miliara Ariary.

Ankoatr'izany, ny Tahirim-bolampanjakana dia hanohy hatrany, amin'ny taona 2006, ny fanefana ny trosany amin'ny Banky foibe mikasika ny famadihana ireo troso ho taratasim-bolampanjakana sy ny trosan'ny SOLIMA.

Ireo famatsiam-bola ataon'ireo mpiray antoka avy any ivelany amin'ny alalan'ny fampindramam-bola dia hitentina 604,4 miliara Ariary, ao anatin'izany ny fanampiana ny teti-bolampanjakana avy amin'ny Banky iraisam-pirenena sy ny Banky afrikanina ho an'ny fampandrosoana izay mitentina 91,7 miliara Ariary sy 116,8 miliara Ariary.

Toy izany sy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**LALANA LAHARANA FAHA – 2005-029
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006**



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA – 2005-029 TAMIN'NY 29 DESAMBRA 2005
MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona dia nandany tamin'ny fotoam-pivoriana nataony avy ny faha - 17 novambra 2005 sy ny faha - 07 desambra 2005,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny fanapahana laharana faha -21 HCC/D3.tamin'ny 29 desambra 2005 nataon'ny

Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindiny:

I FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2006, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

ANDININY VOALOHANY

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra :

BOKY I
HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY
LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY FIKAMBANANA
ZANADOHATENY I
HETRA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRY NY FIKAMBANANA
TOKO III
FAMARITANA NY TOMBOM-BAROTRA VOAN'NY HETRA
SOKAJY I
FAMERANA NY TOMBONY HAKANA HETRA

Andininy 01.01.06

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany ao amin'ny paragrafy faharoa amin'io andininy io:

" Ny fanavotam-bidy marina ataon'ny orinasa amin'ny fetra farany ambony voafaritra ao amin'ny didy fanapahan'ny Minisitry miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra isaky ny singa na sokajin'asa tsirairay, ao koa ireo nahemotra nandritra ny taom-piasana taloha nahafaty antoka, raha toa ka ny fanavotam-bidy miseho eo amin'ny filazana voafaritry ny andininy 01.01.19 manaraka izao. Na izany aza anefa, ny momba ireo « fiaramanidina madinika » ampiasaina amin'ny filan'ny orinasa nefa tsy voatokana tanteraka amin'ny fampanofana na ny fitanterana ahazoana vola, ny faka isan-taona amin'ny fanavotam-bidy azo esorina dia kajiana amin'ny fototra voafaritra ho dimam-polo isan-jaton'ny (50%) vidiny nividianana azy.

TOKO VI
FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.16

a) ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana farany amin'io andininy io:

"Na dia eo aza ireo fepetra mikasika ny sorabola farafahakeliny voalaza etsy ambony, ireo sosaiety vaovao manao ny asa ara- indostrialy, ara-taozavatra, ara-pambolena, momba ny harena ankibon'ny tany, ny ara-pitaterana, ara-pizahan-tany, fampiantranom-bahiny dia afahana amin'ny hetra amin'ny tombomborotry ny fikambanana sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ny tao-piasana roa voalohany ary 50 isan-jaton'ny hetra amin'ny tombomborotry ny fikambanana sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ny tao-piasana faha telo manomboka amin'ny vanim-potoana fanorenana raikitra hatramin'ny 31 desambra 2006."

b) Amin'ny faran'io andininy io dia ampiana ireto andalana ireto izay mirafitra toy izao manaraka izao:

"Ny andrim-panjakana miandraikitra ny famatsiam-bola madinika hifanampiana dia mahazo fanafoanana ny hetra alaina amin'ny tombomborotry ny sosaiety (IBS) sy ny hetra fandoa farafahakeliny mandritra ny taom-piasana 5 voalohany manomboka amin'ny daty nijoroany tanteraka, ary fampihenana 50% mandrapahatongan'ny fahafolo taonany.

Ny andrim-panjakana miandraikitra ny famatsiam-bola madinika tsy hifanampiana dia tsy voan'ny hetra alaina amin'ny tombom-barotry ny sosaiety sy ny hetra kely indrindra mandritra ny taom-piasana 5 voalohany manomboka amin'ny daty nijoroany tanteraka."

LOHATENY II

HETRA AMIN'NY VOLA TSY MANANA ENDRIKA KARAMA MIDITRA AMIN'NY ISAM-
BATAN'OLONA (IRNS)
TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 01.02.12

Ampiana ity fehezan-teny manaraka ity amin'ny faran'ny andalan'io andininy io:

« lo fanesorana io dia atao alohan'ny fanesorana ny fanavotam-bidy nahemotra tamin'ny fotoana nahafaty antoka ».

TOKO VII
FAMARITANA NY HETRA

Andininy 01.02.36

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana farany amin'io andininy io :

« Na manao ahoana, na manao ahoana, na nahazo tombom-barotra na maty antoka, ny vokatra azo tao aorian'ny fampiharana ny fanenan-ketra voafaritra ao amin'ny TOKO IX manaraka izao dia tsy azo atao latsaky ny dimy isan'arivo (5°/oo) ny vola maty (C.A) azo mandritra ny fotom-piasana voafaritra, na dimy arivo ariary (Ar.5000) ho an'ireo mpandoa hetra tsy mandoa ny haba amin'ny asa aman-draharaha.

**LOHATENY III
HETRA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)
TOKO IV
FOTOTRA HAMERANA NY HETRA**

Andininy 01.03.09 :

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny a sy b ao amin'ny paragrafy 5° amin'io andininy io :

« a. Zana-bola avy amin'ny findramana nifanekena teo anatrehan'ny sampan-draharaha mpamatsy vola nankatoavina ho amin'ny fanamboaran-trano na fananana mifaka eto Madagasikara ary voatokana ho fonenana voalohan'ny mpandoa hetra.

b. Zana-bola vokatry ny fifanarahan'ny mpiasa tamin'ny mpampiasa amin'ny fanamboaran-trano na fananana mifaka eto Madagasikara ary voatokana ho fonenany voalohany.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana alohan'ny farany amin'io andininy io:

“Ny fanalàna eo amin'ny hofany na ny vesatra voafaritra ao amin'ny paragrafy fahadimy etsy ambony dia tanterahina amin'ny alalan'ny fangatahana napetraka alohan'ny voalohan'ny volana mey eny amin'ny birao mahefa misahana ny famerana ny hetra ».

**LOHATENY IV
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-
BOLA,HETRA AMIN'NY ZANA-BOLA SY NY ZANA-TOMBONY (I.R.C.M).
TOKO II
SOSAIETY MANANA FOIBE ETO MADAGASIKARA.
A-VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.04.03

Amin'ny paragrafy 2° sy 3° amin'io andininy io, soloina ny andian-teny : "anjara zanabola " ho « tombony iombonana »

B- FILAZANA SANDA

Andininy 01. 04. 08

Tovanana andalana mirafitra toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Ny zana-bola avy amin'ny taratasimbolan'ny tahirim-bolam-panjakana navoakan'ireo fikambanana sy ireo olontsotra dia hiharan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana amin'ny taha voalazan'ny andininy 01.04.07.”

C-FOMBA FAMORIAN-KETRA.

1- Famaritana ny vola miditra na ny karama.

Andininy 01.04.09 :

Amin'ny paragrafy 3° amin'io andininy io,soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « tombony iombonana »

III FAMERENANA SY FANAVOTAM-BIDY AO AMIN'NY SOSAIETY

Andininy 01.04.12 :

Amin'ny paragrafy 1° amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »

**TOKO V
FANAFAHANA SY FEPETRA MANOKANA ARA-KETRA
FANAVOTAM-BIDY NY RENIVOLA**

Andininy 01.04.25

Amin'ny tsipika faharoa amin'io andininy io, soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »

FANANANA ENTI-MAMOKATRA VATSIAN'NY SAMPAN-DRAHARAHA VAHINY.

Andininy 01.04.32

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny ao amin'io andininy io :

« Ny zana-bola nifanarahana amin'ny fampindramam-bola ho amin'ny fampitaovana ny fananana enti-mamokatra vatsian'ny sampan-draharaha vahiny dia tsy voan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola ».

SOSAIETY AMIN'NY ANARANA IOMBONANA

Andininy 01.04.37

Soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »

SOSAIETY MIVONDRONA AMIN'NY ALALAN'NY ROHIM-PIHAVANANA

Andininy 01.04.41

Soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »

**FIZARANA FAHAROA
SARA-PANORATANA SY HAJIA
TOKO II
FILAZANA SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA
SOKAJY IV
FAMINDRAN-TOMPO MISY SETRINY.
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAN-TOMPO VOAN'NY HETRA.**

**VAROTRA SY TARATASY FAMINDRAM-PANANANA Hafa MISY SETRINY
NY ENTANA SY FANANANA TSY MIFAKA**

Andininy 02.02.46

- a) Soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »
- b)Ovàna ho « 2 isan-jato » ny « 4 isan-jato » ao amin'ny paragrafy 1° ao amin'io andininy io
- c)Ovàna ho « 0,5 isan-jato » ny «1,5 isan-jato » ao amin'ny paragrafy 2° ao amin'io andininy io
- d) Foanana ny paragrafy 4 amin'io andininy io.

Andininy 02.02.47

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.02.48

Ovàna ho « 0,5 isan-jato » ny “1,5 isan-jato ” ao amin'io andininy io.

**TOKO III
FAMINDRAN-TOMPO TSY MISY SETRINY**

**SOKAJY III
FEPETRA MANOKANA AMIN'NY FANDOVANA**

Andininy 02.03.18

Soloina ny vondron-teny « anjara zanabola » ho « anjara iombonana »

**TOKO IV
SARA-PANORATANA AMIN'NY BOKY FANANAN-TANY.
SANDAN'NY HABA.**

Andininy 02.04.05

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :
"Ny sandan'ny sara-panoratana amin'ny boky fananan-tany dia voafetra ho 1 isan-jato ho an'ny fepetra voatonona ao amin'ny paragrafy d) sy e) ny andininy 02.04.02 ary 2 isan-jato kosa ho an'ny fepetra arahina hafa."

**TOKO VI
SARAN'NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY.
SOKAJY XI
FANENJEHANA SY FITORIANA, FAHALANIANA PAIK'ANDRO.**

Andininy 02.06.89

Soloy ny vondron-teny « andininy 20.01.41 sy ny manaraka » ho « andininy 20.01.40 sy ny manaraka »

Foanana ny toko VII

**TOKO VII
HETRA NY FIARA MANDEHA AMIN'NY MILINA**

Andininy 02.07.01

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.07.02

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.07.03

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.07.04

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.07.05

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

Andininy 02.07.06

Foanana ny fepetra amin'io andininy io.

**TOKO X
FAMORIAN-KETRA
SOKAJY V
LALÀNA MANOKANA HO AN'NY TSY FAHAMPIANA**

Andininy 02.10.21

Ao amin'ny andalana faharoa ao amin'io andininy io, soloy ny vondron-teny " andininy 20.01.42 sy ny manaraka" ho " andininy 20.01.43 sy ny manaraka"

**TOKO XI
FANAFAHANA ARA-KETRA SY FEPETRA MANOKANA**

- a) **Forony ny andininy vaovao 02.11.12 bis atao hoe:**"ANDRIM-PAMATSIAM-BOLA MADINIKA".
b) Rafeto toy izao manaraka izao ny andininy 02.11.12 bis:

Andininy 02.11.12 bis

"Tsy mandoa saram-panoratana sy hajia ny taratasy nividianana ny fananana mifaka ilaina amin'ny hametrahana ny andrim-pamatsiam-bola madinika mifanampy sy ny tsy mifanampy.

Tsy mandoa saram-panoratana ny hajia ny tolo-pananan'ny mpikambana ao amin'ny andrim-pamatsiam-bola madinika mifanampy.

Ho an'ny andrim-pamatsiam-bola madinika tsy mifanampy, ny sarany raikitra amin'ny taratasy tsy voafaritra anarana dia soloina ho haba mifanentana amin'ny tolo-pananana."

TOKO IX

**FEPETRA SAMIHafa
FAMPIHENAN-KETRA**

Andininy 02.11.69

Ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io

- a) Soloina ny vondron-teny "Janoary 2004" ho "Janoary 2006"
b) Soloina ny vondron-teny "Janoary 2005" ho "Janoary 2007"

**FIZARANA FAHATELO
HETRA TSY MIVANTANA
LOHATENY VOALOHANY
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA
TOKO III
FOMBA FAMERANA NY HETRA/HABA**

Andininy 03.01.04

Ovàna toy izao ny fepetra amin'io andininy io :

"Ny fototra hamerana ny haba amin'ny vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) ara-bidy dia :

a) Amin'ireo vokatra afarana, ny sandany hamerana ny haba dia miankina amin'ny sandan'ireo vokatra amin'ny fotoana anaovana filazana any amin'ny fadin-tseranana, izany hoe fototra amerana ny haba amin'ny fanafaran'entana.

b) Amin'ireo vokatra eto an-toerana, ny sandam-pamokarana tataovan'ny tombony ara-panodinam-bokatra tsy misy hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA), izany hoe, ny vidiny marina ampiharina eo amin'ny toerana namokarana azy izay tsy azo atao latsaka amin'ny lany amin'ny famokarana miampy ny tombom-barotra ara-panodinam-bokatra.

**TOKO IV
FEPETRA SAMIHafa**

Andininy 03.01.06 :

Ovay toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana voalohany ao amin'io andininy io:

"Ny mpanodina vokatra iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania dia tsy maintsy manao filazana ny habetsahany na ny vidiny iharan'ny hetra ary mandoa ny haba mifandraika amin'izany any amin'ny mpandray ny hetra anatin'ny roapolo andro voalohan'ny volana manaraka ny volana nanamboarana na nanjifana ny vokatra".

FANAMPINY

TABILAO NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA.

Ovay toy izao manaraka izao ny lisitry ny vokatra voan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	DA
21 06	Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs.	
90	-Autres :	
10	---Vanilline présentée sous forme de comprimés et en petites doses	180
22 02	Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées, et autres boissons non alcooliques, à l'exclusion des jus de fruits ou de légumes du n°20.09.	
10 00	-Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées	20
90 00	-Autres	20
22 03	00 Bières de malt	
10	---D'un titre alcoolique de 4° ou moins	30
90	---D'un titre alcoolique de plus de 4°	30
22 04	Vins de raisins frais, y compris les vins enrichis en alcool ; moûts de raisin autres que ceux du n°20.09	
10	-Vins mousseux :	
10	---De champagne	150
90	---Autres	150
	-Autres vins; moûts de raisins dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :	
21 00	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	30
29	--Autres	
	---Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :	
11	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	30
19	---Autres	30
	--Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais:	
21	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	135
29	----Autres	135
	---Vins vinés :	
31	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	30
39	----Autres	30
90	---Autres	30
30 00	-Autres moûts de raisin	30
22 05	Vermouths et autres vins de raisins frais préparés à l'aide de plantes ou de substances aromatiques.	
10	-En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	
10	---Vermouths	135
90	---Autres	135
90	-Autres :	
10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	135
90	---Autres	135
22 06	00 Autres boissons fermentées (cidre,poiré,hydromel,par exemple); mélanges de boissons fermentées et mélanges de boissons fermentées et de boissons non alcooliques, non dénommées ni comprises ailleurs.	
	---Cidre, poiré et hydromel présentés :	
11	----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	30
19	----Autres	30
90	---Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de cocotier,etc)	30
22 07	Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres.	
10 00	-Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus	180
20 00	-Alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres	180

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	DA
22 08	Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de moins de 80p.100 vol; eaux-de-vie, liqueurs et autres boissons spiritueuses.	
20	-Eaux-de-vie de vin ou de marc de raisin :	
10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	135
90	---Autres	135
30	-Whiskies :	
10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	180
90	---Autres.....	180
40	-Rhum et tafia :	
10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l.....	135
90	---Autres.....	135
50	-Gin et genièvre :	
10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l.....	135
90	---Autres.....	135
60 00	-Vodka.....	135
70 00	-Liqueurs.....	135
90	-Autres :	
	---Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) :	
11	----moins de 15°	135
12	----15° et plus.....	135
90	---Autres.....	135
24 02	Cigares(y compris ceux à bouts coupés),cigarillos et cigarettes, en tabac ou en succédanés de tabac	
10 00	-Cigares (y compris ceux à bouts coupés) et cigarillos, contenant du tabac :	80
20 00	-Cigarettes contenant du tabac	80
90 00	-Autres	80
24 03	Autres tabacs et succédanés de tabac, fabriqués; tabacs "homogénéisés" ou "reconstitués"; extraits et sauces de tabac.	
10 00	-Tabac à fumer, même contenant des succédanés de tabac en toute proportion ..	80
	-Autres :	
91 00	--Tabacs "homogénéisés" ou "reconstitués".....	80
99	--Autres :	
10	---Tabac à mâcher :.....	20
20	---Carottes, poudre à priser (poudre pure):.....	80
29 12	Aldéhydes, même contenant d'autres fonctions oxygénées ; polymères cyclique des aldéhydes : paraformaldéhyde .	
	-Aldéhydes acycliques ne contenant pas d'autres fonctions oxygénées :	
	- Aldéhydes-éthers, aldéhydes -phénols et aldéhydes contenant d'autres fonctions oxygénées :	
41 00	-- Vanilline (aldéhyde méthylprotocatéchine).....	120
33 03		
00	-Parfums et eaux de toilettes liquides :	
11	-Non alcooliques.....	20
12	-Alcooliques.....	100
20	-Concrets.....	20
33 04	Produits de beauté ou de maquillage préparés et préparations pour l'entretien ou les soins de la peau autres que les médicaments, y compris les préparations anti-solaires et les préparations pour bronzer, préparations pour manucures ou pédicures.	
10 00	-Produits de maquillage pour lèvres	20
20 00	-Produits de maquillage pour les yeux	20
30 00	-Préparations pour manucures ou pédicures	20
	-Autres :	

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	DA
33 04 (suite)		
91 00	--Poudres, y compris les poudres compactes	20
99 00	--Autres	20
33 05	Préparations capillaires.	
10 00	-Shampoings	20
20 00	-Préparations pour l'ondulation ou le défrisage permanents	20
30 00	-Laques pour cheveux	20
90 00	-Autres	20
33 07		
	Préparations pour le préravage, le rasage ou l'après rasage, désodorisants corporels, préparations pour bains, dépilatoires, autres produits de parfumerie ou de toilette préparés et autres préparations cosmétiques, non dénommés ni compris ailleurs ; désodorisants de locaux, préparés, même non parfumés, ayant ou non des propriétés désinfectantes.	
10 00	-Préparation pour préravage, le rasage ou l'après rasage	20
20 00	-Désodorisants corporels et antisudoraux	20
30 00	-Sels parfumés et autres préparations pour bains	20
	-Préparations pour parfumer ou pour désodoriser les locaux, y compris les préparations odoriférantes pour cérémonies religieuses :	
41 00	--« Agarbatti » et autres préparations odoriférantes agissant par combustion	20
49 00	--Autres	20
90 00	-Autres	20
71 01	Perles fines ou de culture, même travaillées ou assorties mais non enfilées, ni montées, ni serties ; perles fines ou de culture, enfilées temporairement pour la facilité du transport.	
10 00	-Perles fines.....	50
	-Perles de culture :	
21 00	--Brutes.....	20
22 00	--Travaillées.....	50
71 02	Diamants, même travaillés, mais non montés ni sertis.	
10 00	-Non triés	50
	-Industriels :	
21 00	--Bruts ou simplement sciés, clivés ou débrutés.....	20
29 00	--Autres.....	20
	-Non industriels :	
31 00	--Bruts ou simplement sciés, clivés ou débrutés.....	20
39 00	--Autres.....	20
71 03	Pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, même travaillées ou assorties mais non enfilées, ni montées, ni serties ; pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, non assorties, enfilées temporairement pour la facilité du transport.	
10	-Brutes ou simplement sciées ou dégrossies :	
10	---Rubis.....	20
20	---Saphirs.....	20
30	---Émeraudes.....	20
90	---Autres.....	20
	-Autrement travaillées :	
91	---Rubis, saphirs et émeraudes :	
10	----Rubis.....	50
20	----Saphirs.....	50
30	----Émeraudes.....	50
99	--Autres :	
20	---Cristal de roche limpide pour la taille, cristal de roche rose ou coloré, amazonites et pierres d'ornement analogues	20
30	---Cristal de roche pour la fonte, cristal gris ou opaque ou enfumé, calcédoine et analogues (agates, zircons).....	20
40	---Grenats de pivoterie	20
	---Autres :	

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	
71 03 (suite)	----Pour usages industriels :	
91	----Articles en quartz piézo-électrique	20
92	----Autres.....	20
99	----Autres.....	50
71 06	Argent (y compris l'argent doré ou vermeil et l'argent platiné), sous formes brutes ou mi-ouvrées ou en poudre.	
10 00	-Poudres.....	20
	-Autres	
91 00	--Sous formes brutes.....	20
92 00	--Sous formes mi-ouvrées.....	20
71 08	Or (y compris l'or platiné) sous formes brutes ou mi-ouvrées, ou en poudre.	
	-A usages non monétaires :	
11 00	--Poudres.....	20
12 00	--Sous autres formes brutes.....	20
13 00	--Sous autres formes mi-ouvrées	20
20 00	--A usage monétaire.....	20
71 10	Platine, sous formes brutes ou mi-ouvrées, ou en poudre :	
	-Platine :	
11 00	--Sous formes brutes ou en poudre	20
19 00	--Autres.....	20
71 12	Déchets et débris de métaux précieux ou de plaqué ou doublé de métaux précieux : autres déchets et débris contenant des métaux précieux ou des composés de métaux précieux du type de ceux utilisés principalement pour la récupération des métaux précieux.	
30 00	-Cendres contenant des métaux précieux ou des composés de métaux précieux, à l'exclusion des cendres d'orfèvre.....	50
	-Autres :	
91 00	--D'or, même de plaqué ou doublé d'or, à l'exclusion des cendres d'orfèvre contenant d'autres métaux précieux	50
92 00	--De platine, même de plaqué ou doublé de platine, à l'exclusion des cendres d'orfèvre contenant d'autres métaux précieux.....	50
90 00	--Autres	50
71 13	Articles de bijouterie ou de joaillerie et leurs parties, en métaux précieux ou en plaqués ou doublés de métaux précieux.	
	-En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :	
11 00	--En argent, même revêtu, plaqué ou doublé d'autres métaux précieux	50
19	--En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :	
10	---En or	50
20	---En platine	50
71 14	Articles d'orfèvrerie et leurs parties, en métaux précieux ou en plaqués ou doublés de métaux précieux.	
	-En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :	
11 00	--En argent, même revêtu, plaqué ou doublé d'autres métaux précieux	50
19	--En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :	
10	---En or	50
20	---En platine	50
71 15	Autres ouvrages en métaux précieux ou en plaqués ou doublés de métaux précieux.	
10 00	- Catalyseurs sous forme de toiles ou de treillis en platine	50
90	-Autres :	
10	---En or.....	50
20	---En platine.....	50
30	---En argent vermeil.....	50
90	---En plaqués ou doublés de métaux précieux	50

**FIZARANA FAHEFATRA
SARA ALAINA AMIN'NY VOKATRA
TOKO I
SEHATRAAMPIHARANA
SOKAJY I
FOTOTRA**

Andininy 04.01.02 :

Ovâna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io:

"Ny sara alaina amin'ny vokatra dia mihatra amin'ny paraky voavoatra, ny afokasoka simika, koba "froment" na "méteil", ny fifandraisana amin'ny alalan'ny finday, fandraisana fandaharana amin'ny fahitalavitra andoavam-bola, ny zava-pisotro misy alikaola sokajy faharoa nentim-paharazana toy ny betsabetsa, trembo, sora, hydromel sy ny siramamy voavoatra eto an-toerana sy nafarana.

Andininy 04.01.10

Ovâna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io:-

"Ny taha faka ho sara alaina amin'ny vokatra izay efa nampidirina ao amin'ny vidin'ireo vokatra ireo dia voafaritry toy izao manaraka izao :

A –Amin'ny Famokarana :

1- Paraky voavoatra :

- Sigarety sy sigara fohana nampiasana lanjana paraky novokarina eto Madagasikara miabo na mira 60 isan-jaton'ny totalin'ny lanjan'ny paraky nanamboarana azy24 isan-jato
- Sigarety sy sigara fohana lanjana paraky novokarina eto Madagasikara latsaky ny 60 isan-jaton'ny totalin'ny lanjan'ny paraky nanamboarana azy.....Ar 30 isaky ny sigaretyAr 30 isaky ny grama ho an'ny sigara famono
- **Sigara, sigara manify 90 isan-jato**
- **Paraky 20 isan-jato**

2- Zava-pisotro misy alikaola :

- Labiera, sidra, ranom-poara 18 isan-jato
- Divay 8 isan-jato
- Toaka sy ny karazany 15 isan-jato
- « Whisky » Ar 210 isaky ny tavoahangy 75cl
- Zava-pisotro misy alikaola hafa 15 isan-jato

3- Koba « froment » na « méteil »Ar 13 isaky ny kilao

4 – Afokasoka simika Ar 0,4 isaky ny vatakely

5 - SiramamyAr 20 isaky ny kilao

B –Amin'ny Fanafarana avy any ivelany :

1- Paraky voavoatra :

- Sigara(anisan'izany ireto tsy misy tendrony) sigara manify sy sigarety, tsy mifono na ny mahasolo ny paraky ao amin'ny toeran-daharana amin'ny ladoany 24.02.....Ar 30 isaky ny sigara, sigara manify, sigara na inona na inona famonosana azy tsara.
- Paraky fohana ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 24.03.10.....Ar 30 isaky ny grama ny paraky fohana
- Paraky voafangaro na voaforona ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 24.03.91.....Ar 30 isaky ny grama ny paraky
- Paraky hafa ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 24.03.99.....50 isan-jato

2- Zava-pisotro misy alikaola :

- Labiera avy amin'ny malta ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.03.....30 isan-jato
- Divay ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.04.....30 isan-jato
- Vermoty sy Divay hafa ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.05.....30 isan-jato
- Zava-pisotro hafa mandraotra(oh: Sidra, ranom-poara) ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.06.....30 isan-jato

- Alikaola etilika tsy miova toetra ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.08 ankoatry ny "WHISKY" ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.08.30.....30 isan-jato
- "Whiskies" ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 22.08.30.....Ar 480 isaky ny tavoahangy 75cl.

3-KOBA "froment" na "METEIL" ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 11.01.....10 isan-jato

4-Afokasoka simika ao amin'ny toeran-daharana ao amin'ny ladoany 36.05.....Ar 15 isaky ny vatahely

5-Siramamy ao amin'ny toeran-daharna ao amin'ny ladoany 17.01.....10 isan-jato

C – Fifandraisana amin'ny Finday: 5 isan-jaton'ny sora-bola ao amin'ny fakitiora na ny vidin'ny karatra efa voaloha mialoha

D- Fandraisana fandaharana amin'ny fahitalavitra andoavam-bola10 isan-jaton'ny saram-pamandrihana."

**FIZARANA FAHENINA
HABA AMIN'NY VOLA MATY
LOHATENY I**

HABA AMIN'NY TONGOAM-BIDIN'ENTANA (TVA)

**TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY I
RAHARAHANA VOAN'NY HABA**

Andininy 06.01.02

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny amin'io andininy io :

"Ny raharaha tontosain'ireo olon-tsotra na fikambanana eto Madagasikara, na amin'ny fomba mahazatra na kisendrasendra ary mahaleotena, ka mividy mba hivarotra na manatanteraka andraikitra toy ny asam-barotra na fanodinam-bokatra"

Andininy 06.01.03

Amin'ny faran'io andininy io, ampiana 4° mirija toy izao :

"4° ny fanatanterahana ny asa fandraharaham-barotra sy fampanofan-trano"

**SOKAJY II
OLONA SY ORINASA IHARAN'NY HABA**

Andininy 06 01.04

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny 11 sy 13 ao amin'ny andininy io :

11 - "Ny olon-tsotra na fikambanana misolo tena olon-kafa iharan'ny haba sy orinasa vahiny izay mampiditra na mivarotra entana aty Madagasikara na misahana asa."

13- "Ny asa saina mahaleotena an'olon-tsotra na fikambanana izay atao manokana ivelan'ny fifanarahana arak'asa handoavana hetra"

**SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHANA TSY VOAN'NY HETRA NA IVELAN'NY SEHATRA AMPIHARANA NY HETRA**

Andininy 06.01.06

a)Ovàna toy izao manaraka izao ny 4° ao amin'io andininy io:

"4° a) Ny zana-bolan'ny trosa, petra-bola, antoka voalazan'ny andininy 01.04.03 avy amin'ny banky izay manana foibe eto Madagasikara;"

b) Ny zana-bola sy ny tamby-mpanelanelanana alain'ny orinasa mpampindram-bola amin'ny alalan'ny famatsiam-bola na antoka ara-bola omena ny mpanjifa."

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 5° ao amin'io andininy io:

"5° Ny zana-bola azo avy amin'ny petra-bola sy vola nampidramina ny mpikambana ao amin'ny andrim-pamatsiam-bola madinika ifanampiana."

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 11° amin'io andininy io:

“11° Ny fanafarana sy fivarotana ny fanafody;

ny fivarotana ny akora sy ny kojakoja ilaina amin'ny fanamboarana fanafody ary koa ireo kojakojam-pamonosana natokana ho amin'ny varotra fanatsinjarana.

Ny fahafahana tsy handoa dia tsy ekena raha tsy hanaovan'ny mpanamboarana ny fanafody rehefa avy nankatoavina sy nosoniavin'ny sampan-draharahan'ny hetra mialoha.”

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 15° amin'io andininy io:

« 15° Ny fanafarana sy fivarotana ny solika fandrehatra.”

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 17° amin'io andininy io:

« 17° Ny fanafarana sy ny fivarotana ireo kojakoja fampiasa manokana amin'ny fambolena ; »

f) Ao amin'ny 19°, soloy ny “andininy 163” ho “andininy 240”.

g) Amin'ny farany 21°, ampiana ity fehezan-teny manaraka ity:

“Ny entana voasoritry ny 11°, 12°, 13°, 14°, 15°, 16°, 17° ary 21° dia natao anaty lisitra fanampiny.”

h) Foanana ny fepetra voalazan'ny 22° sy 23° ary foronina ny 22° vaovao:

“22° Ny fitanterana olona sy entana an'abakabaka sy an-dranomasina aondrana na avy any ivelany.”

Andininy 06.01.09

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny amin'ny tsipika 1 ao amin'ny 2° amin'io andininy io:

2° "Raha ohatra saikin'asa

- Raha saikin'asa tontosaina tanteraka sy/na ampiasaina."

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny TOKO IV :

TOKO IV HANA IFOTORAN'NY FANDOAVANA SY FITAKIANA NY HABA

Andininy 06.01.10

I-HANA IFOTORAN'NY FANDOAVANA NY HABA

1° Ho an'ny fanafarana dia ny filazana amin'ny fadintseranana amin'ny fotoana hanafarana.

2° Ho an'ny raharaha nahazo fampiatoana na fanefan-kaba manaraka ireto : fanatobian'entana, fampidirana entana tsy maharitra, fandalovan'entana tsy andoavana fadin-tseranana, famindrana entana, fametrahana entana ao amin'ny fadintseranana, famoahana entana ampiasaina.

3° Ho an'ny fanjifana ho an'ny tena sy ho an'ny varotra, amin'ny famoahana ny entana.

4° Ho an'ny asa fanorenana, amin'ny fanantanterahana ny asa.

5° Ho an'ireo saikin'asa sy ireo raharaha rehetra tsy voalaza ao amin'ny 1°, 2°, 3° etsy ambony, amin'ny fanantanterahana ny raharaha.

Ho an'ireo raharaha voasoritra ao amin'ny faha 4 sy faha 5, ny mpandoa hetra dia afaka mandoa ny haba araka ny firaketana ny vola lany na mivoaka na araka ny fakitiora rehetra nahazo alalana tamin'ny lehiben'ny foibe ara-ketra mahefa eo amin'ny faritra.

Kanefa, io fahafahana io dia tsy tokony hitarika fahatarana amin'ny fandoavana ny haba araky ny famaritana voalazan'ny fepetry ny andininy 06.01.16 ny fehezan-dalàna.

II- FITAKIANA

Takiana ny haba :

1° Ho an'ny 1°, 2° sy 3° etsy ambony, amin'ny fotoana fanantanterahana ny hana ifotoran'ny fandoavana ny haba.

2° Ho an'ny asa fanorenana, amin'ny fotoana fandoavana vola mialoha, avansy, ny vidiny na ny sarany.

3° Ho an'ny saikin'asa sy ireo raharaha rehetra tsy voalaza ao amin'ny 1°, 2°, 3° sy 4° voasoritra ao amin'ny hana ifotoran'ny fandoavana ny haba, amin'ny fotoana fandoavana vola mialoha, ny avansy, ny vidiny na ny sarany.

TOKO V FOTOTRA HAMERANA NY HETRA

Andininy 06.01.11

a) Aorian'ny andalana faha 3°amin'io andininy io, foronina ny 4° mirija toy izao:

"4° eo amin'ny fitambaram-bidy ny taratasy milaza tsara ny faktiora na ampahan-ketra, ao anatin'izany ny asa ampiadraketina an'ireo mpiantoka mpanampy amin'ny asa fandraharaham-barotra sy fampanofan-trano"

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana faharoa:

"Io vidiny io dia mira amin'ny mason-karenan'ny entana, fananana, asa na raharaha raha tsy izany dia amin'ny tena vidiny ho an'ny mpanjifa na ny mpampiasa, miatra ao amin'ny toerana fanaterana entana."

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana fahatelo:

"Raha toa ny entana, kojakoja, zavatra fihinana, fananana izay tsy iharan'ny fanavotam-bidy ka hamidy amin'ny vidiny latsaky ny mason-karena, nomena na very, ny vidiny iharan'ny haba dia tsy azo atao latsaky ny mason-karenany."

d) Amin'ny faran'io andininy io, foronina ny andalana farany mirija toy izao:

"Esorina amin'ny fototra famerana ny hetra:

- ny tambin-trosa aloa alohan'ny fotoana, ny fampihenam-bidy isan-karazany, nifanarahana mivantana amin'ny mpividy raha toa ka voasoratra ao amin'ny faktiora.
- ny tambin-karama manana endrika onitra solom-boina
- ny vola mivoaka sy ireo vola rehetra narotsaka ho an'ny mpisahan-draharaha ho famerenana ny vola naloha amin'ny toeran'ny mpanjifa. Ny toetra sy ny sora-bola marina momba io vola mivoaka io dia hampahafantarina ny Fandraharahana ara-ketra."

TOKO VII FOMBA FAMERANA NY HETRA

Andininy 06.01.15

Ao anatin'ny andalana faha 4 ao amin'io andininy io, ovana ny andian-teny "un milliard" amin'ny "Ar 200.000.000"

TOKO IX FOMBA FANESORAN-KABA A - FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy 06.01.17

Aorian'ny tsipika farany amin'ny b)ao amin'ny zana-dohateny A, foronina ny c) mirija toy izao :

c) Ny fikojana ny fifandanjana fanesorana dia manala ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny entana voatokana hamidy.

TOKO X FAMERENAN-TROSAN-KABA

Andininy 06.01.24

a)Ovay toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana fahatelo sy fahefatra amin'io andininy io :

"Ny fangatahana ny famerenana trosan-kaba dia tsy maintsy atao araka ny endrika voalazan'ny lalàna manankery ary apetraka amin'ny vanim-potoana fanaovana ny filazana ny haba amin'ny tataom-bidy. Ny trosan-kaba rehetra tsy nanaovana fangatahana famerenana trosan-kaba nandritry ny enim-bolana manaraka ny fetr'andro dia foanana tanteraka ary tsy azo angatahana famerenana na fanesorana"

"Rehefa tanteraka ny famerenana trosan-kaba, ny sora-bola notakiana dia tsy azo soratana anisan'ny trosan-kaba azo afindra amin'ny vanim-potoana manaraka mba tsy hiharan'ny sazy voalazan'ny andininy faha 06.01.29 manaraka".

b)Ovay toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana farany amin'io andininy io:

"Ny trosan-kaba ekena amin'ny famerenana dia azon' ny Sampan-draharaha momba ny hetra afindra ho fandoavana ny haba izay voalazan'ity fehezan-dalàna ity araky ny fepetra voafaritry ny Fanapahan'ny Minisitra miandrakitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra.

Andininy 06.01.24 bis

Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

TOKO XIV FEPETRA SAMIHAFANA

Andininy 06.01.33

Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

**LOHATENY II
HABA AMIN'NY FIFANAKALOZANA (TST)
TOKO X
FEPETRA SAMIHAF**

Andininy 06.02.21

Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

Lisitr'ireo vokatra afahana amin'ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) sy ny haba alaina amin'ny fanjifana (TST)

**LOHATENY 1 Bis
IV FANESORAN-KETRA HAF**

Fenoina toy izao manaraka izao ny lisitry ny fanesoran-ketra ao amin'ny fanampiny:

Andininy 06.01.06 : 11°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

29.36	Provitamines et vitamines, naturelles ou reproduites par synthèse (y compris les concentrats naturels), ainsi que leurs dérivés utilisés principalement en tant que vitamines, mélangés ou non entre eux, même en solutions quelconques.
29.37	Hormones, prostaglandines, thromboxanes et leucotriènes, naturels ou reproduits par synthèse ; leurs dérivés et analogues structurels, y compris les polypeptides à chaîne modifiée, utilisés principalement comme hormones.
30.01	Glandes et autres organes à usages opothérapiques, à l'état desséché, même pulvérisés ; extraits, usages opothérapiques, de glandes ou d'autres organes ou de leurs sécrétions; héparine et ses sels autres substances humaines ou animales préparées à des fins thérapeutiques ou prophylactiques non dénommées ni comprises ailleurs.
30.02	Sang humain ; sang animal préparé en vue d'usages thérapeutiques, prophylactiques ou de diagnostic ; antisérums, autres fractions du sang, produits immunologiques modifiés, même obtenus par voie biotechnologique ; vaccins, toxines, cultures de micro-organismes (à l'exclusion des levures) et produits similaires
30.03	Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés entre eux, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, mais ni présentés sous forme de doses, ni conditionnés pour la vente au détail.
30.04	Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés ou non mélangés, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, présentés sous forme de doses (y compris ceux destinés à être administrés par voie percutanée) ou conditionnés pour la vente au détail :

Andininy 06.01.06 : 12°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

48.01.00.00	Papier journal, en rouleaux ou en feuilles
-------------	--

Andininy 06.01.06 : 13°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

49.07.00.10	---Timbres-poste, timbres fiscaux, papiers timbrés, billets de banque
-------------	---

Andininy 06.01.06 : 14°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

49.01	Livres, brochures et imprimés similaires, même sur feuillets isolés.
-------	--

10.00	-En feuillets isolés, même pliés.
	-Autres :
91.00	--Dictionnaires et encyclopédies, même en fascicules
99	--Autres :
90	---Autres
49.02	Journaux et publications périodiques imprimés, même illustrés ou contenant de la publicité.

Andininy 06.01.06 : 15°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

27.10.19.21 ---- Pétroles lampants

Andininy 06.01.06 : 16°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

90.01.30.00 - Verres de contact
90.01.40 - Verres de lunetterie en verre :
10 --- Travaillé optiquement sur une seule face
90 01.50. - Verres de lunetterie en autres matières :
10 --- Travaillé optiquement sur une seule face
90.04 Lunettes (correctrices, protectrices ou autres) et articles similaires
-- Lunettes correctrices :
90.11 --- Avec montures en métaux communs
90.12 --- Avec montures en matières plastiques
90.19 --- Avec montures en autres matières.

Andininy 06.01.06 : 17°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

01.05.11 90 --- Poussins d'un jour

04.07.00 10 --- Oeufs à couvrir

05.11.10 00 - Spermes de taureaux
05.11.91 10 Œufs et laitances de poissons ou de crustacés non comestibles, vivants et fécondés destinés à la reproduction (alevins)

06.02.10 19 --- Boutures industrielles de mûriers à soie
12.09 Graines, fruits et spores à ensemercer et les produits similaires

23.01 Produits impropres à l'alimentation humaine.

Sons, remoulages et autres résidus, même agglomérés sous forme de pellets, du criblage, de la moulure ou d'autres traitements des céréales ou des légumineuses.

23.04.00.00 Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile de soja

23.05.00.00 Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile d'arachide
Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de graisses ou huiles végétales, autres que ceux des n°s 23.04 ou 23.05.

23.09.90.00 - Autres (Concentré d'aliments)

Matières végétales et déchets végétaux, résidus et sous-produits végétaux, même agglomérés sous forme de pellets, des types utilisés pour l'alimentation des animaux, non dénommés ni compris ailleurs

29.22.41.00 -- Lysine et ses esters ; sels de ces produits.

29.30.40.00	- Méthionine
31.01.00.00	Engrais d'origine animale ou végétale, même mélangés entre eux ou traités chimiquement ; Engrais résultant du mélange ou du traitement chimique de produits d'origine animale ou végétale.
31.02	Engrais minéraux ou chimiques azotés
31.03	Engrais minéraux ou chimiques phosphatés
31.04	Engrais minéraux ou chimiques potassiques
31.05	Engrais minéraux ou chimiques contenant deux ou trois des éléments fertilisants : azote, phosphore et potassium, autres Engrais
38.08.10	- Insecticides
38.08.20.00	- Fongicides
38.08.30.00	- Herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes

Andininy 06.01.06 : 21°

TARIF NUMERO DESIGNATION DES PRODUITS

38.08.10.10	--- Insecticides présentés sous forme de spirales (mosquitos)
63.04.91.10	--- Moustiquaires imprégnés de produits insecticides.

**BOKY II
HETRAM-BONDROM-BAHOAKA
LOHATENY I
HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA
TOKO I
FOTOTRA**

Andininy 10.01.01

Ovâna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

“Apetraka ny haba amin'ny asa aman-draharaha sahanina eto Madagasikara, ka ny vokany dia sokajiana araka izao : 39 isan-jato atokana ho an'ny tetibolan'ny Faritany mizaka tena, 29 isan-jato ho an'ny Faritra, 29 isan-jato ho an'ny kaominina, ary 3 isan-jato ho an'ny Antenimieran'ny Varotra, Industria, Fambolena ary ny Asa-tanana.”

**TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY II
OLONA SY LAHASA AFAHANA AMIN'NY HABA**

Andininy 10.01.11

a)Foronina ny 14° izay mirija toy izao :

"14° Ny Andrim-pamatsiam-bola madinika"

b)Amin'ny faran'io andininy io, ampio andalana farany toy izao :

"Ny Andrim-pamatsiam-bola madinika tsy mifanampy dia tsy mandoa haba amin'ny asa aman-draharaha mandritra ny dimy taona voalohany niasany manomboka amin'ny fotoana nitsanganana aradalana."

**TOKO III
FOTOTRA SY FIKAJIANA NY HABA
SOKAJY II
NY SARANY RAIKITRA**

Andininy 10.01.21

a)Ovâna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana voalohany amin'io andininy io:

“ Iharan'ny hetra toy ny mpaninjara, ny mpivarotra amin'ny mpanjifa ary toy ny mpamongady ireo izay tsy mivarotra afa tsy amin'ny mpiantoka mandoa haba.

b)Ovâna ary soloina toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana farany amin'io andininy io:

“Ny varotra ambongadiny sy antsingarany dia tsy azo atao ao amin'ny trano fiasana iray”.

HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARaha - TABILAO B

Ny tabilao "B" notovanana amin'ity lohateny ity dia fenoina araka izao :

	Laharana	Anton-draharaha, Indostria, Asa, Varotra, Fisahanan-draharaha	Sokajy	Kilasy	Karazam-ponina	Sara manontolo	Laharan'ny asa mifanangon
Foronina	3112	Famatsim-bola madinika					
		-Famatsim-bola madinika sehatra faha telo	C	1 ^{ère}		DE	
		-Famatsim-bola madinika sehatra faha roa	C	3 ^è		DE	
		-Famatsim-bola madimika sehatra I	C	5 ^è		DE	

**LOHATENY VII
FITSIPIKA ARA-KETRA MOMBA NY FILOKANA
TOKO I
FEPETRA ANKAPOBE**

Andininy 10.07.01

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io :

"Ny lalao miankina amin'ny kisendrasendra azo atao amin'ny trano filokana dia iharan'ny fanalana aloha ara-ketra voafaritra arak'izao manaraka izao. Ireo hetra ireo dia natokana ho an'ny tetibolan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny tetibolam-panjakana ankapobe."

**TOKO III
FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA**

Andininy 10.07.03

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io :

"Ny vokatra tsy afa-karatsaka amin'ny lalao ara-bola atao amin'ny trano filokana dia sandaina fakàna aloha ara-ketra amin'ny taha 30%, izay manafaka amin'ny haba amin'ny tataom-bidy ary atokana ho an'ny tetibolam-panjakana ankapobe."

**BOKY III
FEPETRA IOMBONANA MIKASIKA NY HETRA, HABA, SARA AMIN'NY VOKATRA VOARAKITRA
AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY**

**LOHATENY I
FAMORIAN-KETRA**

**TOKO II
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARaha MIANDRAIKITRA NY HETRA**

**SOKAJY I
FOTO-KEVITRA**

Andininy 20.01.40

Foronina ny andalana farany mirafitra toy izao:

"Ny hetra, haba dia aloa amin'ny lelavola manana sanda ara-dalàna eto Madagasikara na manaraka ny fandoavam-bola eken'ny Minisitry miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra"

**SOKAJY VII
TOMBONTSOAN'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA**

Andininy 20.01.48 :

Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetran'ny 1° amin'io andininy io :

“1° Ny tombotsoan'ny sampan-draharahan'ny hetra izay miandraikitra ny famoriana ny hetra, ny haba ary ny sarany amin'ny vokatra dia mitovy lenta amin'ny tombotsoan'ny ao amin'ny Tahirim-bolampanjakana mikasika ny fanaka sy ny fitaovana mifandraika amin'ny fanaka ary ny fananana mifaka an'ny mpandoa hetra na aiza na aiza misy azy afa tsy izay lany amin'ny fitsarana, izay tokony handoavana ny hofan-trano eniboldana ihany ary koa ny fitakiana mitombona nataon'ny tompon'ny entana izay mbola misy soratra mipetraka ilazana ny karazany, ny marika, ny nomerao sy ireo famantarana mampiavaka azy mba hahafahana mamantatra ny maha izy azy ary mamaritra ny nipoirany sy nihaviany.”

**LOHATENY VI
FAHEFANA MITAKY - FAHEFANA MISAVA SY
MANAMARINA - TSIAMBARATELON'NY ASA
SOKAJY VII
FANAMARINANA ENY AN-TOERANA**

Andininy 20.06.23 :

Ovaina toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'io andininy io :

“ Ny fanamarinana eny an-toerana ny taratasy, boky ary ny antota-taratasy dia tsy azo atao mihoatra ny telo volana amin'ny fitambaran'ny taom-piasana telo tsy lany paik'andro. Io fe-potoana io dia manomboka manan-kery amin'ny fotoana nitakiana ny antontan-taratasy izay nomena ny mpanamarina.

Noho izany antony izany, ny fanomezana ny antontan-taratasy notakiana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny roa ambinifolo andro raha ela indrindra, raha tsy izany dia iharan'ny fameran-ketra tsy maintsy ferana voalazan'ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka ao amin'ny fehezan-dalàna.

Kanefa, ny fahataperan'io fe-potoana telo volana io ho an'ny taom-piasana telo tsy lany paik'andro dia tsy manakana ny fanjakana amin'ny famotorana ary fanamarihana ny fitarainana asehon'ny mpandoa hetra rehefa vita ny raharaha fanamarinana.”

**LOHATENY VIII
NY FOIBEN'NY FITANTANANA**

Andininy 20.08.03

Ovaina toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io:

“Ny fitanan-kaontin'ny mpikambana ao amin'ny foibem-pitantanana dia tsy maintsy tazonin'ny manampahaizana manokana momba ny kaonty na sosaiety mpikambana ao amin'ny holafitra, izay manisy sonia fanamarinana ny antontan-taratasy ara-ketra rehefa azony antoka ny fanarahana ny lalàna sy rehefa avy nanontany ny fampahafantarana ilaina rehetra mba hahafahana mampifanaraka ny vokatra ara-ketra sy ny fitanan-kaonty. Ny manampahaizana manokana momba ny kaonty sy ny sosaiety mpikambana ao amin'ny holafitra no manao ny fanarahamaso isaky ny antontan-taratasy sy manao ny sonia fanamarinana voalazan'ny andalana etsy ambony. Afaka mandà ny tsy hanatanterahana an'io fepetra io ny manampahaizana manokana momba ny kaonty sy ny sosaiety mpikambana ao amin'ny holafitra raha toa ka ny fanamarihana nataony tsy nisy vokany alohan'ny famaranana ny kaontin'ny taom-piasana. Amin'izany ny fandraharahana ara-ketra no manombana araka ny fanamarihana asehon'ny mpikambana raha toa ka ho ekena na tsia ny tombontsoa ara-ketra voalazan'ny lalàna.”

Andininy 2

FADINTSERANANA

I.- Ampandriana an-tsoratra toy izao manaraka izao ny Fehezan-dalàna vaovao momba ny Fadintseranana aorian'ny fandravonana:

**LOHATENY VOALOHANY :
FENI-KEVITRA ANKAPOBE
MOMBA NY FITONDRANA NY FADINTSERANANA**

**TOKO VOALOHANY
FAMARITANA NY LALANA
SY NY DIDY AMAM-PITSIPIKA MOMBA NY FADINTSERANANA**

And. Voalohany. – Amin'ny hoe « *lalàna sy didy amam-pitsipika momba ny fadintseranana* », dia raisina amin'izany, na izany ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika mikasika ny fombafomba famaritana ny fari-piasàna sy fandraisana ny saran'ny fadintseranana sy ireo adidy aman'andraikitra avy amin'izany na ho an'ny Fandraharahana ny Fadintseranana izany na ho an'izay voafehin'izany, na izany ireo izay fampihatra mikasika ny haba na sara momba ny hetra alain'ny fadintseranana.

And.2 - Amin'ny hoe « *sara amin'ny fadintseranana* » dia raisina ny sara izay natao hiarovana ny varotra ny andostria ary ny fambolena eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara ka ny tataon'izany dia mety hiovaova araka ny taha farany ambany (lalàna ifanarahana) na araka ny taha ankapobe arakaraka ny fiaviana na ny toerana fandefasana ny entana nafarana avy any ivelany na aondrana mankany ivelany.

Azo « ankinina amin'ny sandany » izy ireo, kajiana avy amin'ny isan-jaton'ny sandan'ny entana, na « *manokana* », raha toa ny fari-piasàna ka ny habetsahan'ny entana, ny lanja, ny hadiry na ny isa.

And.3 – Amin'ny hoe « *sara sy haba momba ny hetra* », dia raisina ny sara sy haba izay natao hiantohana ny vola miditra ao amin'ny tetibolan'ny Repoblikan'i Madagasikara .

Azo « ankinina amin'ny sanda » na « *manokana* » izy ireo

**TOKO II
ANKAPOBEN-JAVATRA**

And. 4 – 1° Ny faritra fehezin'ny fadintseranana dia ahitàna ny tanim-pirenena, ny faritry ny rano anatin'ny, ny faritry ny ranomasina ary ny faritra mifanakaiky.

2° Ireo faritra afa-kaba tsy fehezin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery, manontolo na ampahany, dia azo atao ao anatin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana

And. 5 – Manerana ny ampahany rehetra amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, dia tsy maintsy hajaina ny lalàna sy didy amam-pitsipika mitovy mikasika ny fadintseranana.

And. 6 – 1° Ny lalàna sy adidy amam-pitsipika momba ny fadintseranana dia tsy maintsy ampiharina, ka tsy anavahana karazan'olona na fikambanana, tsy miankina amin'ny fanjakana na miankina amin'ny fanjakana , izay fehezin'izany

2° Ny hany tombon-jo na famelàna handingana fepetra azo ekena dia izay faritana amin'izao Fehezan-dalàna izao.

And. 7 – Ny fandraharahana ny Fadintseranana dia miandraikitra ny fampiharana ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity

TOKO III

LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY

Sokajy voalohany

Lazam-bidy momba ny saran'ny fadintseranana

And. 8 – Ny entana, izay miditra eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, na miala amin'izany, dia andoavana, araka ny fisehoan-javatra, ny saram-panafarana entana na ny saram-panondranana entana voasoratra ao amin'ny lazam-bidin'ny saran'ny fadintseranana.

Lalàna no amerana ny lazam-bidin'ny saran'ny fadintseranana.

Sokajy II

Lazam-bidin'ny sara sy haba momba ny hetra

And. 9 – Ny entana izay miditra eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, na miala amin'izany, dia andoavana, araka ny fisehoan-javatra, ny sara na haba momba ny hetra amin'ny fanafarana entana avy any ivelany na amin'ny famoahana entana mankany ivelany voasoratra ao amin'ny lazam-bidy momba ny hetra.

Lalàna no amerana ny lazam-bidin'ny sara sy haba momba ny hetra.

Izany sara sy haba izany dia fehezin'ny fepetra entin'izao Fehezan-dalàna izao ary, indrindra fehezin'ny fitsipika manokana noferana ao amin'ny lohateny IX manaraka etoana.

sokajy III

Fepetra iombonana

And. 10 – Ny fepetra raketin'izao Fehezan-dalàna izao mikasika ny entana atao hoe « andoavana haba be dia be » dia ampiharina amin'ireo entana izay fehezin'ny sara sy haba ka ny habetsahany dia mihoatra ny 20 isan-jato raha toa ka famerana haba miankina amin'ny sandany izany na misolo mihoatra ny 20 isan-jato ny sandan'ny entana raha toa ka famerana haba manokana.

And.11 – Ny fomba fandoavam-bola (taratasim-bola any amin'ny banky, sheky, entam-barotra, sns.) dia heverina ho toy ny entana eo anatrehan'ny didy amam-pitsipika momba ny fadintseranana.

TOKO IV :

FAHEFANA ANKAPOBE OMENA NY GOVERNEMANTA

Sokajy Voalohany

Fameperana ny fidirina, ny fivoahan'ny entana, ny lanjany ary ny fikarakarana izany

And. 12 – Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no afaka :

1° Mametra ny tandrifim-pahefan'ny biraon'ny fadintseranana sasantsasany sy manendry ireo izay tsy maintsy anaovana ny raharaha sasantsasany momba ny fadintseranana ;

2° Manapa-kevitra fa ny entana sasantsasany dia tsy azo afarana avy any ivelany na aondrana any ivelany afatsy amin'ny alalan'ny sambo manana fatran'entana voafetra sy mamaritra io fatran'entana io ;

3° Mametra, rehefa nanome ny heviny ireo Minisitra voakasika raha ilaina, ary ho an'ny entana sasantsasany, ny fitsipika manokana momba ny fikarakarana ny entana

Sokajy II
Fanomezana fepetra tetezamita

And. 13- Ny entana izay nohamarinina fa nalefa mivantana ho any amin'ny faritra feheziny fadintseranana talohan'ny vaninandro amoahana ny sora-panjakana manangana na manova ny fepetra momba ny fadintseranana na ny hetra amin'ny Gazetim-panjakana, dia ekena hofeheziny fitondrana ny fadintseranana teo aloha ka ahitan-tombony kokoa rehefa ambara fa hojifaina izany nefa tsy nampandalovina tamin'ny toeram-panobiana na napetraka tao amin'ny toeram-panobiana

Ny fanamarinana dia tsy maintsy avy amin'ny taratasy filazam-pitaterana farany natao, ho entina mivantana any amin'ny toerana misy ny faritra feheziny fadintseranana, talohan'ny vaninandro amoahana ao amin'ny Gazetim-panjakana ny sora-panjakana voalaza etsy ambony

TOKO V
FEPETRA FAMPIHARANA NY LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY

Sokajy voalohany
Ankapoben-javatra sy fanonerana ny sara sy haba

§1 . Ankapoben-javatra

And.14 – 1° Ny vokatra afarana na aondrana dia feheziny lalàna momba ny lazam-bidy natao tamin'ny toetrany amin'ny fotoana izay mahatonga izany ho azo ampiharina.

2° Na izany aza anefa, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka manome alàlana ny fanavahana ny entana, izay niara-nafatratra, ka mety ho nisy ho misy fahasimbana taorian'ny fisehoan-javatra nitranga talohan'ny fandraketana am-boky ny fanambaràna amin'ny antsipiriany ; ny entana simba dia, na tsy maintsy potehina avy hatrany, na averina afarana avy any ivelany na alefa indray ao anatin'ny araka ny fisehoan-javatra, na andoavana haba araka ny toetrany vaovao ;

3° Ny sara sy haba ary tongoan-kaba manokana dia raisina ka tsy ijerena ny sanda tsy tena raikitra na ny fiambaratongan'ny fitahirizana ny entana.

§ 2 – Fanonerana ny sara sy haba

And. 15- 1° Ny fanonerana ny sara sy haba noraisina teo am-panafarana entana avy any ivelany na teo am-panondranana entana any ivelany dia ekena raha toa voamarina fa tsy ara-dalàna ny fandraisana izany

2° Ny fanonerana ny sara sy haba noraisina teo am-panafarana entana avy any ivelany dia ekena raha toa voamarina tamin'ny fotoana nanafarana azy ka efa simba ny entana na tsy mifanaraka amin'ny fepetra ao anaty fifanarahana sy teo am-panatanterahana ny fanafarana azy ireo.

Ny fanonerana ny sara sy haba dia fehezina na amin'ny fanondranana indray ny entana halefa na ho an'ny mpamatsy vahiny, na amin'ny fanapotehina azy ireo eo ambany fanaraha-maso ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, miaraka amin'ny fanefana ny haba mifandraika amin'ny faikan'io fanapotehana io.

3° Misy didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana hanoritra ny fepetra fampiharana ity andininy ity, ary indrindra ny fe-potoana tsy maintsy ametrahana aorian'ny fanafarana ny entana ny fangatahana ny fanonerana

Sokajy II
Karazan'ny entana

§ 1.- Famaritana sy fampitoviana ary fanasokajiana

And. 16 – 1° Ny karazan'ny entana dia ny anarana omena azy ireo ao amin'ny rakibolana tokana momba ny lazam-bidy antsoina hoe « **rafitra mirindra momba ny fanondroana ny fanomezan-daharana ny entana** » izay iaingan'ny lazam-bidy momba ny fadintseranana sy ny hetra;

2° Ny entana tsy tafiditra ao amin'ny Lazam-bidy dia ampitahaina amin'ny zavatra mitovitovy aminy akaiky amin'ny alalan'ny fampiharana ny fitsipika ankapobe milaza ny heviny sy ny tenimita manazava ny Rafitra Mirindra momba ny fanondroana sy ny fanomezan-daharana ny entana

§ 2.- Fitarainana anoharana ny fanapahan-kevitra momba ny fampitoviana sy ny fanasokajiana

And. 17 – Raha misy fanoherana mikasika ny fanapahan-kevitra voalaza ao amin'ny andininy faha-16 etsy ambony, ny fitakiana dia aroso hodinihin'ny vaomieram-panjakana antsoina hoe : « Vaomieran'ny Fampihavanana sy ny Fandinihana ataon'ny manamahay momba ny Fadintseranana », izay manome ny heviny mikasika io fitakiana io. Ny ho anisany sy ny fampandehanana io vaomiera io dia faritan'ny andininy faha-112 ka hatramin'ny faha-115 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

And 18 . – Ny sara ateraky ny fampandehanana ny Vaomieran'ny Fampihavanana sy ny Fandinihana ataon'ny manamahay momba ny Fadintseranana dia zakain'ny Fanjakana.

And. 19. – Ny fanapotohana na ny fahasimban'ny entana na taratasy firaketana naroso hodinihin'ny Vaomieran'ny Fampihavanana sy ny Fandinihana ataon'ny manamahay momba ny Fadintseranana dia tsy ahazoana tamby velively.

Sokajy III Fiavian'ny entana

And.20. 1° Amin'ny fanafarana entana avy any ivelany, ny saran'ny fadintseranana dia raisina araka ny fiavian'ny entana, raha tsy hoe ampiharina ny fepetra manokana voalazan'ny fandraiketana iraisam-pirenena manan-kery ho an'ny lazam-bidy omen-tombon-dahiny.

2° Ny tany niavian'ny vokatra iray dia izay notazana, nitrandrahana na nanamboarana azy.

3° Ny fitsipika arahina mba hamaritana ny fiavian'ny vokatra notazana, notrandrahina na namboarina tany amin'ny firenena iray ka namboarina avy eo tany amin'ny firenena hafa dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana

4° Ny vokatra nafarana avy any ivelany dia tsy ahazo ny fikarakarana ahazoan-tombontsoa omena amin'ny fiaviany raha tsy efa voamarina ara-dalàna izany fiaviany izany. Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no amerana ny fepetra izay tsy maintsy anaovana izany fanamarinampiviana izany sy ny fisehoan-javatra izay tsy maintsy itakiana izany.

Ny fandikana rehetra atao amin'ny fitsipika momba ny fiaviana mifanandrify amin'izany dia zary fandikàna ny fadintseranana sazan'ny andininy faha- 360 sy manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.

And. 21 – Amin'ny fanondranana entana any ivelany, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia manatoa ny taratasy fanamarinana sy taratasy firaketana manamarina ny maha-malagasy ny fiavian'ny vokatra aondrana any ivelany

Sokajy IV Toerana niavian'ny entana

And. 22 – Ny firenena niavian'ny entana dia ny firenena izay niaingan'ny fandefasana ny entana ka halefa mivantana any amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana.

Ny fampandalovana, ny fiantsonana, ny fijanonana na ny famindrana ny entana ao amin'ny firenena mpanelanelana dia tsy midika ho filazana ny fiaviana.

Sokajy V Sandan'ny entana

§ 1° Amin'ny fanafarana entana avy any ivelany

And. 23. – 1° Ny sandany eo amin'ny fadintseranana ireo entana nafarana avy any ivelany dia ny sandany eo amin'ny fifanakalozana, izany hoe ny tena vidiny aloa na haloa ho an'ireo entana raha toa izy ireo namidy mba haondrana eto Madagasikara, raha ilaina izany, aorian'ny fanarenana natao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 4° amin'ity andininy ity, raha toa ka :

a) tsy misy famerana mikasika ny fivarotana na fampiasan'ny mpividy ny entana, afatsy ireo famerana izay :

- i) didina na takian'ny lalàna na ny manampahefana ara-panjakana eto Madagasikara.
- ii) mametra ny faritra ara-jeografia izay azo ivarotana ny entana na
- iii) tsy tena manohintohina ny sandan'ny entana

b) tsy miankina amin'ny fepetra na amin'ny fisahan'asa izay tsy azo faritana ny sandany ny fivarotana ny vidiny ho an'izay mifandraika amin'ny entana hotombanana ;

c) tsy misy mihitsy ampahany amin'ny vokatr'izay rehetra fivarotan'ny mpividy indray, famoizana na fampiasana any aoriana ny entana tsy miverina mivantana na ankolaka amin'ny mpivarotra, raha tsy hoe angaha misy fanarenana mifanentana azo atao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 4° amin'ity andininy ity ; ary

d) tsy misy ifandraisana ny mpividy sy ny mpivarotra na, raha misy izany, ny sanda eo amin'ny fifanakalozana dia azo ekena handoavana Fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2 amin'ity andininy ity.

2° a) Mba hamaritana raha toa ny sandany eo amin'ny fifanakalozana ka azo ekena mba ho fampiharana ny paragrafy voalohany, ny maha-mpifandray ny mpividy sy ny mpivarotra dia tsy ho zary antony ampy hiheverana ny sandany eo amin'ny fifanakalozana toy ny tsy azo ekena. Amin'ny toe-javatra toy izany, ny zava-mitranga an'ny fivarotana manokana dia dinihina ary ny sandany eo amin'ny fifanakalozana ekena noho ireo fifandraisana ireo dia tsy manohintohina ny vidiny raha toa, araka ny fijerena ny filazalazana nomen'ny mpanafatra entana avy any ivelany na azo taminà loharano hafa, ka manana antony hiheverana fa ny fifandraisana dia manohintohina ny vidiny ny Fandraharahana ny Fadintseranana, ampahafantariny ny mpanafatra entana avy any ivelany ny antony avy aminy ary omeny fahafahana hamaly araka ny tokony ho izy ny mpanafatra. Raha toa angatahin'ny mpanafatra izany, dia ampahafantarina azy an-tsoratra ny antony.

b) Amin'ny fivarotana eo amin'ny olona mifandray, ny sandany eo amin'ny fifanakalozana dia ekena ary ny entana dia tomanana araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy voalohany, raha toa ny mpanafatra entana avy any ivelany ka mampiseho miharihary fa io sandany io dia akaiky indrindra ny iray amin'ireo sandany manaraka etoana, miseho amin'ny fotoana mitovy na manakaiky ny fotoana mitovy :

- i) sandany eo amin'ny fifanakalozana mandritra ny fivarotana amin'ny mpividy tsy mifandray , ny entana mitovy na mitovitovy, haondrana eto Madagasikara ;
- ii) sandany eo amin'ny Fadintseranana ny entana mitovy na mitovitovy, arak'izay nofaritana tamin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-24.-2° c) ;
- iii) sandany eo amin'ny fadintseranana ny entana mitovy na mitovitovy, arak'izay nofaritana tamin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-24.-2° d)

Amin'ny fampiharana ny fepetra etsy aloha, dia jerena tsara ny fahasamihafana naseho miharihary teo amin'ny ambaratongan'ny varotra, ny habetsahana, ny singa tanisaina ao amin'ny paragrafy 4° amin'ity andininy ity ary ny vidiny zakain'ny mpivarotra mandritra ny fivarotana izay tsy ifandraisan'ny mpivarotra sy ny mpividy sy izay tsy zakain'izy ireo mandritra ny fivarotana ifandraisan'ny mpivarotra sy ny mpividy.

c) Ny fepetre voalaza ao amin'ny paragrafy 2° b) dia hampiasaina araka ny fandraisan'andraikity ny mpanafatra entana avy any ivelany sy hanaovana fampitahàna fotsiny ihany. Tsy azo atao ny sandany fanoloana araka ny paragrafy 2° b)

3° a) Ny tena vidiny aloa na haloa dia ny fandoavana manontolo atao na hataon'ny mpividy amin'ny mpivarotra, na ho an'ny tombontsoan'izy io izany ho an'ny entana nafarana avy any ivelany sy ahitana ny fandoavana rehetra natao na hatao, ho toy ny fepetra momba ny fivarotana ny entana nafarana avy any ivelany, nataon'ny mpividy tamin'ny mpivarotra na nataon'ny mpividy tamin'olon-kafa mba hahafapo ny adidy aman'andraikity ny mpivarotra . Ny fandoavana dia tsy hoe tsy maintsy atao lelavola. Izany dia azo atao amin'ny alalan'ny taratasy fifampitokisana na fitaovana azo ifampiraharaha ary azo atao mivantana na ankolaka ;

b) Ny asa, tafiditra ao anatin'izany izay mifandraika amin'ny fanaovana varotra, ataon'ny mpividy na ho an'ny tenany manokana hafa noho ireo ilàna fanarenana voalaza ao amin'ny

paragrafy 4° amin'ity andininy ity dia tsy heverina ho toy ny fandoavana mivantana amin'ny mpivarotra, na dia azo heverina aza fa ny mpivarotra dia mahazo tombony amin'izany na natao miaraka amin'ny fanekenany izany, ary ny vidiny dia tsy ampiana amin'ny tena vidiny aloa na haloa ho an'ny famaritana ny sandany eo amin'ny Fadintseranana ny entana nafarana avy any ivelany.

4° mba hamaritana ny sandany ho amin'ny fadintseranana amin'ny alalan'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ity andininy ity, dia ampiana amin'ny tena vidiny aloa na haloa ho an'ireo entana nafarana avy any ivelany :

- a) ireto singa manaraka ireto raha toa izy ireo ka zakain'ny mpividy, nefa tsy nampidirina ao amin'ny tena vidiny aloa na haloa ho an'ireo entana :
 - i) tambin'iraka sy saran'ny fanaovan-draharaha, ankoatra ny tambin'ira-pividianana
 - ii) vidin'ny ao anatiny nokarakarina, handoavana Fadintseranana, toy ny mikambana ho iray amin'ny entana, vidin'ny fonosana, ahitana ihany koa ny asa manafo sy ny akora ;
- b) ny sandan'ny vokatra sy raharaha manaraka etoana, ampizakaina amin'ny fomba mifanentana, raha toa izy ireny ka omen'ny Mpividy mivantana na ankolaka sy ampiasaina mandritra ny famokarana sy ny fivarotana ho an'ny fanondranana ny entana nafarana avy any ivelany, raha toa io sanda io ka tsy nampidirina tao amin'ny vidiny tena aloa na haloa :
 - i) akora, ny ao anatiny, ampahany ary singa mitovitovy ampidirina ao amin'ny entana nafarana avy any ivelany,
 - ii) fitaovana, modely , lasitra sy zavatra mitovitovy ampiasaina ho an'ny famokarana ny entana nafarana avy any ivelany ,
 - iii) akora nojifaina tao amin'ny famokarana ny entana nafarana avy any ivelany ;
 - iv) asa momba ny taozava-baventy, ny fandinihana, ny hairaha sy ny "design", planina sy sary notanterahina tany ho any fa tsy teto Madagasikra ary ilaina ho an'ny famokarana ny entana nafarana avy any ivelany ;
- c) ny vola fandoa sy ny saran'ny fanomezan-dàlana mikasika ny entana hotombanana, izay tsy maintsy aloan'ny mpividy, na mivantana izany, na ankolaka, amin'ny maha-fepetra momba ny fivarotana ny entana hotombanana, raha toa ireo vola fandoa sy saran'ny fanomezan-dàlana ireo ka tsy nampidirina tao amin'ny tena vidiny aloa na haloa ;
- d) ny sandan'ny ampahany rehetra amin'ny vokatr'izay rehetra fivarotana indray, famoizana na fampiasana any aoriana ny entana nafarana avy any ivelany izay miverina mivantana na ankolaka amin'ny mpivarotra,
- e) ny sara, mikasika ny raharaha sy fisahanan'asa manaraka etoana, aloa hatreo amin'ny seranana na toerana fampidirana eto Madagasikara :
 - i) fitaterana sy fiantohana ny entana nafarana avy any ivelany, sy
 - ii) fampiakarana sy fitandremana mifandrohy amin'ny fitaterana ny entana nafarana avy any ivelany.

5° Ny singa rehetra izay ampiana, amin'ny alalan'ny fampiharana ny paragrafy 4° amin'ity andininy ity amin'ny tena vidiny aloa na haloa dia aorina manokana amin'ny antontan-java-pantatra misy zava-kendrena sy azo isaina

6° Amin'ny famaritana ny sandany eo amin'ny fadintseranana tsy misy mihitsy singa ampiana amin'ny tena vidiny aloa na haloa, ankoatra ireo izay voalaza ao amin'ny paragrafy 4° amin'ity andininy ity

7° Ny fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka manao ny fikarohana sy famotopotorana mba hanamarina raha toa ireo singa hanombanana ny sandany izay nambara na naseho tamin'ny fadintseranana mba hamaritana ny sandany eo amin'ny Fadintseranana ka feno sy marina. Manoloana izany, ny mpanafatra entana any ivelany dia tsy maintsy miara-miasa amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, raha tsy izany dia enjehina araka ny voalazan'ny andininy faha-286 amin'ity Fehezan-dalàna ity

And. 24. – 1° Raha toa ny sandany eo amin'ny fadintseranana ka tsy azo faritana amin'ny alalan'ny fampiharana ny andininy faha-23 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia tsy maintsy andalovana mifanarakaraka amin'ny andàlana a) , b), c) d) ary e) ao amin'ny paragrafy 2° amin'ity andininy ity, hatreo amin'ny voalohany amin'ireo andàlana ireo izay hahafahana mamaritra azy, **afatsy raha hoe ny laharam-pampiharana ny andàlana c) sy d) dia tsy maintsy avadika araka ny fangatahan'ny mpanao fanambaràna** ; rehefa tsy azo faritana io sandany eo amin'ny fadintseranana io amin'ny alalan'ny fampiharana ny andàlana iray nomena, izay vao ampiharina araka ny lalàna ny andàlana izay mitohy avy hatrany aorian'izy io, araka ny laharana natao araka ity paragrafy ity

2° Ireo sandany eo amin'ny fadintseranana nofaritana tamin'ny alalan'ny fampiharana ity andininy ity dia ireto manaraka ireto ;

- a) sandany eo amin'ny fifanakalozana ny entana mitovy , namidy mba haondrana eto Madagasikara ka mitovy na saika mitovy ny fotoana nanondranana azy sy ny entana hotombanana ;
- b) sandany eo amin'ny fifanakalozana ny entana mitovitovy namidy mba haondrana eto Madagasikara ka mitovy na saika mitovy ny fotoana nanondranana azy sy ny entana notombanana.
- c) sandany mifototra amin'ny vidin'ny iray mifanandrify amin'ny fivarotana eto Madagasikara ny entana nafarana avy any ivelany ny entana mitovy na mitovitovy nafarana avy any ivelany, mitontaly ny habetsahana avo indrindra, natao tamin'ny olona tsy mifandray amin'ny mpivarotra ;
- d) sandany kajiana, mitovy amin'ny fitambaran'ny :
 - vidiny na ny sandan'ny akora sy ny raharaha fanamboarana na hafa, nampiharina mba hamokarana ny entana nafarana avy any ivelany,
 - tetiny misolotena ny tombom-barotra sy ny sara ankapobe, mitovy amin'izay miditra amin'ny ankapobeny ao amin'ny fivarotana ny entana mitovy karazana amin'ny entana hotombanana, izay nataon'ny mpamokatra avy amin'ny firenena mpanondrana entana mba haondrana eto Madagasikara,
 - vidiny na sandan'ny singa voalaza ao amin'ny paragrafy **4° e)** amin'ny andininy faha- 23 ;
- e) sandany nofaritana miainga amin'ny antontan-java-pantatra azo raisina eto Madagasikara, amin'ny alalan'ny fomba tokony ho izy mifanerana amin'ny feni-kevitra sy ny fepetra ankapobe :
 - Ny Fifanarahana mikasika ny fampiharana ny andininy VII ao amin'ny Fifanarahana ankapobe momba ny lazam-bidy mikasika ny fadintseranana sy ny varotra tamin'ny taona 1994,
 - Ny andininy VII ao amin'ny Fifanarahana Ankapobe momba ny lazam-bidy mikasika ny fadintseranana sy ny varotra tamin'ny taona 1994,
 - Ny fepetra voalazan'ity sokajy ity

3° Ny sandany eo amin'ny fadintseranana tamin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2° e) amin'ity andininy ity dia tsy hifototra

- a) amin'ny vidin'ny fivarotana, eto Madagasikara, ny entana vokarina eto Madagasikara
- b) amin'ny rafitra itsinjovana ny fanekena ny fampiasan'ny fadintseranana ny sanda ambony indrindra amin'ireo roa ireo,
- c) amin'ny vidin'ny entana eo amin'ny tsena anatiny any amin'ny firenena mpanondrana entana any ivelany,
- d) amin'ny vidin'ny famokarana, hafa noho ireo sanda nokajiana izay nofaritana ho an'ny entana mitovy na **mitovitovy** araka ny andininy faha-24.-2° d) ,
- e) amin'ny vidin'ny entana namidy mba haondrana any amin'ny firenena hafa noho i Madagasikara,
- f) amin'ny sandany eo amin'ny fadintseranana ambony indrindra, na
- g) amin'ny sandany notombanana na noforonina

Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andalana f) etsy ambony, ny sandany ambony indrindra natao ofisialy dia azo tahirizina amin'ny fototra voafetra sy ho tetezamita

4° Raha toa ny singa notanana mba hamaritana ny sandany eo amin'ny fadintseranana ka atao amin'ny vola vahiny, ny fanakalozana dia tsy maintsy atao mifototra amin'ny tahan'ny fifanakalozana ofisialy navoakan'ny manampahefana malagasy mahefa sy mana-kery amin'ny vaninandro handraketana am-boky ny fanambarana

5° Ny sandany faritana araka ny fepetra etsy ambony dia tsy maintsy, raha ilaina izany, boroboriana amin'ny ventiny ambany.

And. 25. – 1° Afatsy raha hoe mandingana fepetra araka ny fanapahana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana ny fanambaràna ny singa mikasika ny sandany eo amin'ny fadintseranana dia tsy maintsy apetraka miaraka amin'ny fanambaràna amin'ny antsipiriany

2° Ny fanambaràna ny singa mikasika ny sandany eo amin'ny fadintseranana dia tsy maintsy soniavin'ny mpanafatra entana avy any ivelany sy ny mpanao fanambaràna.

3° Ny fomba sy ny filazana ny singa mikasika ny sandany eo amin'ny fadintseranana dia ferana araka ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana

§ 2 – Amin'ny fanondranana entana any ivelany

And. 26. – 1° Amin'ny fanondranana entana any ivelany, ny sandany hambara dia izay an'ny entana eo am-pivoahana, tataovana , raha ilaina izany, ny saran'ny fitaterana hatreo amin'ny sisin-tany nefa tsy tafiditra ny tetiny :

- a) Ny saram-pivoahana ,
- b) Ny haba anatin'ny sy loloha mitovitovy amin'ny izay nanalana arakaraka ny mpanondrana entana any ivelany

2° Ny taratasy firaketana takiana, ny matoan-tsoratry ny faktiora tafiditra., ampiarahina amin'ny fanambaràna dia tsy mamatotra ny fandanjalanjana tsy refesi-mandidy ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana na ny an'ny **Vomieran'ny Fampihavanana sy ny Fadinihina ataon'ny manamahay momba ny Fadintseranana**

Sokajy VI Lanjan'ny entana

And. 27. – Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no amerana ny fepetra izay tsy maintsy anaovana ny fanamarinana ny entana andoavana haba araka ny lanjany sy ny fitondrana ny mikasika ny fonosan'entana feno nafarana avy any ivelany. Ny lanjan'ny entana andoavan-ketra ka andoavana haba araka ny lanjan'ny afakaratsaka dia tsy azo faritana amin'ny fampiharana ny haba raikitra

TOKO VI : FANDRARANA

Sokajy voalohany

Ankapoben-javatra

And. 28.- 1° Ho fampiharana ity Fehezan-dalàna ity, heverina ho toy ny voarara ny entana rehetra izay ny fanafarana azy avy any ivelany na ny fanondranana azy any ivelany dia tsy azo atao na inona na inona fanamarinan-jo, na noho ny fameperana izany, na noho ny fitsipika momba ny hatsarana na ny fikarakarana izany, noho ny fahasalamana na noho ny fombafomba manokana.

2° Raha toa ny fanafarana entana avy any ivelany na ny fanondranana entana any ivelany ka tsy azo atao raha tsy mampiseho fahazoan-dàlana, fanomezan-dàlana, taratasy fanamarinana, sns ..., dia voarara ilay entana raha toa ka tsy ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinan-jo ara-dalàna na raha toa izany ka aroso miankina amin'ny taratasy fanamarinan-jo tsy azo ampiharina.

3° Ny raratasy rehetra fanamarinan-jo anomezan-dàlana ny fanafarana entana any ivelany na fanondranana entana any ivelany (fanomezan-dàlana na taratasy hafa fanamarinan-jo mitovitovy amin'ny) dia tsy azo ampindramina, amidy na afoy, na manao ahoana na manao ahoana ary, amin'ny ankapobeny, dia tsy azo anaovana fifampivarotana eo amin'ireo tompony izay nomena azy ireo ka misoratra amin'ny anarany.

Sokajy II Fandrarana mikasika ireo entana misy mari-panamboarana hosoka sy nangalarina

And. 29 – Voarara eo am-pidirana sy eo am-pamoahana :

a) Ny entana, ka anisan'izany ny fonony, misy mari-panamboarana na fivarotana mitovy amin'ny mari-panamboarana na fivarotana noraketina am-boky ara-dalàna momba izany entana izany :

b) Izay rehetra mari-panamboarana na fivarotana noforonina ka tsy nahazoan-dàlana hapetaka amin'ny entana, na dia aseho misaraka aza na tafiditra amin'ny toe-javatra mitovy amin'ny entana voalaza ao amin'ny a) ;

c) Izay rehetra famantarana na tambam-pamantarana, soritana manokana amin'izany ny teny, ka ao anatin'ny ny anaran'olona, ny soratra, ny tarehi-marika, ny singam-panondroana na kamban-doko ;

d) Izay rehetra endrim-pangalarana indrindra izay mikasika ny sorapeo (fandraisana horonampeo) ka amidy nefa tsy nahazoana alàlana avy amin'ny mpamorona, mpanakanto nanjoanina hampiasa na mpanatontosana, vahiny na teratany.

Araka ny fepetra mikasika ny paika arahina momba ny fadintserana ny amin'ny famaizana ny fanaovana hosoka, ny entana misy mari-panamboarana hosoka na ny entana nanaovana fangalarana, nogiazana, dia raofina rehefa manapaka ny fitsarana na misy fitsipika nifanarahana.

Ny Fandraharahana ny Fadintseranana no afaka hamotika izany ka tsy hisy onitra mihitsy na toy inona na toy inona na handefa izany any amin'ny toerana hafa voasoritra ho ao amin'ny tandrifim-pahefany, kanefa

tsy tokony ho tafiditra eo amin'ny tsena ka hamono antoka ny tompon'ny mari-panamboarana nahazoan-dàlana na mandetsy ny zon'ny mpamorona.

Ny fanondranana ny entana any ivelany indray misy mari-panamboarana hosoka na entana nasiam-pangalarana dia tsy azo atao.

Ny fandrarana toy izany dia mahakasika ny fanafarana entana avy any ivelany ka tsy ahitana endrika varotra .

Sokajy III

Fandrarana mikasika ny fiarovana ny marika sy ny fanondroana ny fiavian'ny entana

And. 30 - 1° Voarara eo am-pidirana, ka tsy ao anatiny ny fanobiana, ny fampandalovana sy ny famoahana izany eny an-tsena, ny entana rehetra vahiny, voajanahary na namboarina, misy eo amin'izy ireo, na eo amin'ny fonosana, kesika, antontan'entana madinika, valopy, soratra apetaka na fanamarihana apetaka, sns ... , mari-panamboarana na fivarotana, anarana, famantarana na filazana mety hiheverana fa namboarina teto Madagasikara **na malagasy ny fiaviany**.

2° Izany fepetra izany dia ampiharina ihany koa amin'ireo entana vahiny namboarina na voajanahary, nomena tao amin'ny toerana mitovy anarana amin'ny toerana eto Madagasikara, izay tsy ahitana, miaraka amin'ny anaran'izany toerana izany, ny anaran'ny firenena niavina sy ny filazana hoe « Nafarana », amin'ny soratra tena mazava.

And. 31. – Voarara eo am-pidirana ny entana vahiny rehetra izay tsy mahafeno ny fepetra voadidin'ny lalàna, mikasika ny fanondroana ny fiaviana.

TOKO VII

fanaraha-maso ny varotra ivelany sy ny fanakalozam-bola

And. 32. – Ankoatra ny adidy aman'andraikitra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, ny mpanafatra entana avy any ivelany sy ny mpanondrana entana any ivelany dia tsy maintsy manaraka ny didy amampitsipika momba ny fanaraha-maso ny varotra ivelany sy ny fanakalozam-bola.

LOHATENY II :

FANDAMINANA SY FAMPANDEHANANA NY FANDRAHARAHANA NY FADINTSERANANA

TOKO VOALOHANY

SEHATRA IASAN'NY FANDRAHARAHANA NY FADINTSERANANA

And. 33.- 1° Ny asa ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia ampiharina manerana ny faritra fehezin'ny fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna ity.

2° Ny faritra fanaraha-maso manokana dia alamina manaraka ny sisin-tany an-dranomasina. Izany no zary faritra iasan'ny Fadintseranana.

And. 34. – 1° Ny faritra iasan'ny fadintseranana dia misy faritra an-dranomasina sy faritra an-tanety

2° Ny faritra an-dranomasina dia tafiditra eo anelanelan'ny morontsiraka sy ny fetry ny fari-dranomasina malagasy manokana

3° Ny faritra an-tanety dia mivelatra :

- eo anelanelan'ny morontsiraka sy ny tsipika iray nofaritana any amin'ny enimpolo kilaometatra mihoatra ny moron-dranomasina ;
- ao anatin'ny tàna enimpolo kilometatra manodidina ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena.

4° **Mba hanamoràna ny famaizana ny hosoka, dia azo ampitomboana ny halalin'ny faritra an-tanety, amin'ny refy miovaova izay tsy tokony hihoatra ny 100 Kilaometatra, araka ny didimpitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana rehefa nanome ny heviny ny Minisitry ny Atitany.**

5° Ny halavirana dia kajiana amin'ny toratady, tsy hiheverana ny fiolakolaky ny lalàna.

TOKO II

TOMBON-JO, FIAROVANA ARY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY MPANDRAHARAHAN'NY FADINTSERANANA

And. 35. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia eo ambany fiarovana manokan'ny lalàna. Rarana ny olona tsy :

- a) hanompa, hamingavinga na hanakorontana azy ireo amin'ny fanatontosana ny asany ;
- b) hanohitra izany fanatontosana asa izany.

2° Ny manampahefana sivily sy miaramila dia tsy maintsy, harahan'ny fadintseranana amin'ny fanatontosana ny asany.

And. 36. – 1° Na dia eo aza ny fepetra momba ny taona napetraky ny lalàna manan-kery, ny mpandraharahan'ny fadintseranana na inona na inona laharana misy azy dia tsy maintsy manao fiainana eo anatrehan'ny tribonaly sivily ambaratonga voalohany miadidy ny toerana nanendrena azy ireo.

2° Ny fanaovana fianianana dia raketina am-boky tsy misy sarany any amin'ny firaketan-draharahan'ny tribonaly. Ny sora-panjakana momba ny io fianianana io dia tsy asiana hajia sy tsy andoavana sara-pandraketana am-boky. Adika maimaimpoana ao amin'ny fahazoan-dàlana hiasa voalaza ao amin'ny andininy manaraka izany.

And. 37. – Eo amin'ny fanatontosana ny asany, ny mpandraharahan'ny Fadintserana dia tsy mitondra ny fahazoan-dàlany hiasa misy ny fanamarihana ny nanaovany fianianana ; tsy maintsy mampiseho izany izy ireo raha vao misy taky.

And. 38. – Tsy maintsy mitàna ny tsiambaratelon'ny asa, araka ny fomba voalazan'ny fepetra ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana, ny mpandraharahan'ny fadintseranana ary koa ireo rehetra antsoina noho ny asany na noho ny andraikiny hanatontosa na inona na inona filazam-pahaizany amin'ny asa ao amin'ny Fitondran-draharaha foibe na any amin'ny sampandraharaha ivelan'ny fadintseranana na hirotsaka an-tsehatra amin'ny fampiharana ny lalàna momba ny Fadintseranana.

And. 39. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia manan-jo hitondra fitaovam-piadiana eo amin'ny fanatontosany ny asany.

2° Ankoatra ny trangan-javatra maha-ara-dalàna ny fiarovan-tena, dia azony atao ny mampiasa izany fitaovam-piadiana izany :

a) raha misy herisetra na hetraketra atao aminy na raha misy fandrahonana ataon'olona mirongo fiadiana aminy ;

b) raha tsy misy fomba hafa hampijanonany ny fiarakodia, sambo ary fitaovam-pitaterana hafa noho ny tsy faneken'ny mpitondra ny baiko fampijanonana ;

c) raha tsy misy fomba hafa hanoherana ny fandalovan'ny vondron'olona tsy manaiky ny hijanona na dia efa nanaovana fampitandremana aza.

d) Raha toa izy tsy afaka misambotra velona ny alika, ny soavaly ary ny biby hafa ampiasana ho amin'ny hosoka, na koa misy fanandramana hanafatra na hanondrana antsokosoko, na koa mivezivezy tsy ara-dalàna ao amin'ny faritra iasan'ny Fadintseranana

And. 40. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia omen-dalàna ihany koa hampiasa ny fitaovana vaventy rehetra sy fomba mifanentana toy ny fitaovam-pihosena, fitaovam-pifakoana, tariby vaventy, mba hanajanonana ny fitaovam-pitaterana raha toa ny mpitondra ka tsy mijanona amin'ny fampitandremana ataony.

2° Ny fepetra voalazan'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity ary koa ireo izay voalazan'ny andininy faha-39 etsy ambony dia ampiharina manerana ny faritra fehezin'ny Fadintseranana ary amin'ny trangan-javatra rehetra izay ahafahan'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana manatontosa ny asany araka ny lalàna.

And. 41. – Amin'ny fisahanany ny asany, ny mpandraharahan'ny fadintseranana dia manan-jo hitondra fanamiana.

Ny ho anisan'ny fanamiana sy ny fomba fitondrana azy dia ferana araka ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

And. 42.- Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana rehetra izay naongana tamin'ny asany na nandao ny asany dia tsy maintsy mamerina eo no ho eo any amin'ny fitondran-draharaha ny fahazoan-dàlana hiasa, ny rejisitra, kase, fitaovam-piadiana ary fitaovana izay niandraiketany tamin'ny asany ary tsy maintsy manao tatitra fanazavana.

And. 43. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy miala amin'ny faritra iasan'ny Fadintseranana mandritra ny roa taona, raha toa izy ireo ka voaroaka raha tsy hoe angaha izy ka miverina eo amin'ny fonenany tao amin'ny faritra, talohan'ny hidirany hiasa ao amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

2° Ny mpandraharaha voaroaka izay tsy manaiky, ao anatin'ny iray volana, ny fandidiana azy hiala amin'ny faritra dia enjehin'ny Mpampanao ao amin'ny tribonaly momba ny ady madio, tànana ary helohina amin'ny sazy mitovy amin'izay voafaritry ny andininy faha-271 sy 172 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana.

And. 44. – 1° Raràna ho an'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana fa raha tsy izany dia voasazy araka ny voalazan'ny Fehezan-dalàna famaizana mikasika ny mpiasam-panjakana izay mety hodrokidrokiana, tsy handray mivantana na ankolaka falim-po, fankasitrahana na tolotra.

2° Ilay meloka nilaza ny kolikoly dia afahana amin'ny sazy, lamandy ary fanagiazana.

And. 45 . – 1° Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia omen-dalàna hampahafantatra ny vaovao izay ananany mikasika ny varotra ivelany sy ny fifandraisana ara-bola amin'ny any ivelany any amin'ireo sampandraharaha miankina amin'ny departemantan'ny minisitara hafa sy ny banky foiben'i Madagasikara izay, noho ny asany, mandray anjara amin'ny andraikitra ny sampandraharahan-panjakana andraisan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana anjara. Ny vaovao nampitaina dia tsy maintsy ilaina amin'ny fanatontosana ireny andraikiny ireny na amin'ny fampiasana tsara kokoa ny fandaniam-bolam-panjakana natokana ho an'ny fampandrosoana ny varotra ivelany.

2° Ny fampitana ireny vaovao ireny dia tsy azo atao raha tsy aminà mpiasam-panjakana mahafeno ahay ny asa'ny Tale

3° Ny olona tokony hahafantatra sy hampiasa ny vaovao nampitaina toy izany araka ny fepetra raha tsy izany dia voasazin'ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna Famaizana, dia tsy maintsy mitàna ny tsiambaratelon'ny asa ny amin'izay mikasika rehetra ireny vaovao ireny.

TOKO III

FAHEFAN'NY MPANDRAHARAHAN'NY FADINTSERANANA

Sokajy voalohany

Zom-pitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana ary ny olona

And. 46. – amin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy hoenti-mikaroka ny hosoka, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao fitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana ary ny olona, na ao amin'ny birao any amin'ny faritra iasana izany na aiza na aiza eo amin'ny toerana ao amin'ny faritra. Amin'izany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mitaky ny fanomezana ny taratasy firaketana manamarina ny fiavian'ny entana notànana na notaterina

Ankoatra ny didy amam-pitsipika azo ampiharina ao amin'ny faritry ny fari-piasan'ny fadintseranana ary koa ireo entana voatondro ao amin'ny andininy faha-254 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana, raha tsy misy ny fanomezana ireo taratasy firaketana ireo amin'ny fitakiana voalohany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mamindra ny entana, ka ny tompon'ny entana no mandoa ny lany amin'izany, any amin'ny biraon'ny Fadintseranana akaiky indrindra na raha ilaina, mametraka azy ireny ho eo ambany fanaraha-mason'ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny fametrahana ny firamainty na eo

amin'ny vatavy lehibe fametrahana entana, na eo amin'ny fisokafan'ny toerana nametrahana azy, mba hisorohana ny fanodinkodinana ireny entana ireny.

And. 47. – 1° Izay rehetra mpitondra ny fitaovam-pitaterana dia tsy maintsy manaraka ny baikon'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana.

2° Ireo mpandraharahan'ny Fadintseranana ireo dia afaka mampiasa ny fitaovana vaventy rehetra mba tsy anetsehana ny fitaovam-pitaterana raha toa ny mpitondra ka tsy mijanona amin'ny baiko omeny.

And. 48. – Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao fitsirihana ny sambo rehetra mitondra latsaky ny 100 barika mifatra mazava ao anatin'ny faritra an-dranomasina ao amin'ny faritra iasan'ny fadintseranana.

And. 49. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia mahazo miakatra eny amin'ny sambo rehetra izay ao amin'ny seranan-tsambo na heli-drano na koa miakatra sy midina ny ony. Afaka mijanona ao izy ireo mandra-panalàna ny entana na mandra-piaingany :

2° Ny Kapiteny sy ny mpifehiny sambo dia tsy maintsy mandray ny mpandraharahan'ny Fadintseranana, Miaraka amin'izy ireo amin'ny fitsirihana ny sambo, tsy maintsy asehony amin'ireo mpandraharaha ireo koa ny famelabelarana ankapobe ny entana entin'ny sambo.

Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mangataka ny hanokafana ny drama, ny efitrano, ary larimoaran'ireo sambo ireo, ary koa ny entana voalaza fa hanaovana fitsirihana.

Raha misy ny fandavana, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia mangataka ny fanampian'ny mpanao fikarohana ny Fandikan-dalàna izay tsy maintsy mampanokatra ny drama, efitrano, larimoara ary entana.

Anaovana fitàna an-tsoratra ny Fandikan-dalàna sajian'ny andininy faha-35. - 1° sy faha-361 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ka tsy tohinina ny fandikan-dalàna hita fototra taorian'ny fanokafana ny drama, efitrano, larimoaran'ny sambony na entana.

Raha toa ny mpanao fikarohana fandikan-dalàna nalaina ho amin'izany dia mandà ny hanampy, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia mihoatra izany fandavana izany, ka mampahafantatra izany ary amin'ny Fampanoavana ary atao ao anaty fitàna an-tsoratra ny filazana ny zava-nitranga.

Na izany aza anefa, ny efitranon'ny mpanamory izay ampitoviana amin'ny trano fonenana, dia tsy maintsy mahazo taratasy manome baiko hisava avy amin'ny Mpampanoa, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 ao amin'ny Lalàmpanorenana

3° Ny mpandraharaha miandraikitra ny fanamarinana ny sambo sy entana dia afaka manidy ny drama izay tsy azo sokafana raha tsy eo anatrehany rehefa mody ny masoandro.

4° Eny amin'ny sambo mpiady, dia tsy azo atao ny fitsirihina aorian'ny fodian'ny masoandro

And. 50. – Amin'ny fisahanana ny zo hanao fitsirihana, ny fanamarinana, ny fanaraha-maso ary ny fanaovana andrimaso voalaza amin'ity Fehezan-dalàna ity sy ireo rijan-teny noraisina ho fampiharana azy, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mampiasa ny kase ka ny endriny sy ny toetoetrany dia faritana araka ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

Ny Antokon-draharaha nankatoavina irery ihany no afaka manome ny kase araka ny fepetra faritan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

Ireo Antokon-draharaha ireo dia azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana harahi-maso

And. 51. – Ao anatin'ny faritry ny fisahanana ny zo hanao fitsidihana ny olona, ary raha toa misy filazan-javatra matotra ahafantarana fa misy olona iray izay mandingana ny sisin-tany ka mitondra zava-mahadomelina nafenina tao anaty vatany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mandefa ilay olona hanaovana fandinihana ara-pitsaboana momba ny fitilina rehefa nahazo mialoha ny fanekena antsitraro. Raha misy ny fandavana, ny mpandraharahan'ny fadintseranana dia

mangataka any amin'ny Filohan'ny Fitarana manampahefana any amin'ny faritra ny fangatahana fahazoan-dàlana.

Ny mpitsara nampakarana ny raharaha dia afaka manome alàlana ny mpandraharahan'ny Fadintseranana hampanao ny fandinihana ara-pitsaboana, izy no manendry avy hatrany ny mpitsabo hiandraikitra ny fanaovana izany.

Ny vokatry ny fandinihana nampahafantariny mpitsabo, ny fanamarihana nataon'ilay olona voakasika ary ny fizotry ny paika arahina dia tsy maintsy soratana mazava ao amin'ny fitànan-tsoratra nalefa any amin'ny mpitsara ;

Ankoatr'izany, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka, any amin'ny toerana voalaza hanaovana izany, manao ny fisavana ny vatan'ny olona ahiana ho mitazona any amin'ny vatany any ny entana nanaovana hosoka.

Sokajy II Fitsirihana any an-trano

And. 52. 1° Eo amin'ny fikarohana ny entana tana tsy ara-dalana ao anatin'ny faritra iasan'ny fadintseranana, ary koa eo amin'ny fikarohana, na aiza na aiza toerana, ny entana feheziny fepetra voalazan'ny andininy faha-254 manaraka etoana, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manao ny fitsirihana any an-trano. **Afatsy ny toe-javatra mahatratra ambodiomby, ny fitsirihana tsirairay dia tsy maintsy nahazoana alàlana amin'ny alalan'ny didy ataon'ny manampahefana ara-pitsarana izay manendry ny Mpanao fikarohana ny Fandikan-dalana hiandraikitra ny fanotronana amin'ny raharaha atao**

2° Ny fitsirihana dia atao eo anatrehan'ny olona mipetraka eo amin'ny toerana na ny solontenany. Raha misy tsy fahafahana manao izany, ny Mpanao fikarohana ny fandikan-dalana dia mangataka vavolombelona roa nofidina ivelan'ny olona miankina amin'ny tandrifi-pahefany na ny an'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

3° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka mirotsaka an-tsehatra, tsy otronin'ny mpanao fikarohana fandikan-dalana, hiaroka ny entana izay, satria enjehin-tsy ankiato araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-275 manaraka etoana, nampidirina ao anaty trano iray na sambo iray hafa na dia ivelan'ny faritra iasana aza izany.

Na izany aza anefa, aorian'ny fizahana fototra, izy ireo dia tsy maintsy mampahafantatra izany avy hatrany any amin'ny Fampanoavana

4° Tsy azo atomboka alohan'ny amin'ny enina ora maraina na aorian'ny amin'ny enina ora hariva ny fitsirihana

Ny fitsirihana natomboka dia azo tohizana hatramin'ny fiakaran'ny raharaha

Sokajy III Fanaraha-maso any aoriana

And. 53. . – Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka, aorian'ny fanomezana ny fahazoan-dàlana momba ny fanalana tsatoka ny entana, manao ny fandinihana indray ny fanambaràna, ny fanaraha-maso ny taratasy firaketana ara-barotra mikasika ny entana na ny fanamarinana ireny entana ireny raha toa ka mbola azo aseho izy ireny.

Raha toa avy amin'ny fandinihana indray ny fanambaràna na ny fanaraha-maso tany aoriana ka nampiharina ny fepetra izay mifehy ny fitondrana ny Fadintseranana voakasika miainga amin'ny singa tsy marina na tsy feno, ny fandraharahana ny fadintseranana dia mandray ny fepetra ilaina mba hanarenana ny toe-javatra ka raisina amin'izany ireo singa vaovao ananany , ao anatin'ny fanajana ny fepetra araka ny lalana sy araka ny fitsipika manan-kery .

**Sokajy IV
Zo manokana momba ny fampitan-draharaha amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana**

And. 54. – 1° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana manana ahay ny laharan'ny inspecteur, na Officier des douanes, na miandraikitra ny asan'ny Receveur na ny Chef de poste des douanes, dia mahazo mitaky ny fampitana aminy ny taratasy sy antontan-taratasy samy hafa mikasika ny raharaha nahaliana ny sampandraharahany, **ao anatin'izany ny antontan-java-pantatra atao amin'ny fitaovana informatika :**

a) Any amin'ny fiantonan'ny fiaran-dalamby (taratasy momba ny fiara, faktiora, taratasim-pampiaharan'entana, boky, rejisitra, sns...);

b) Any amin'ny toerana misy ny Kaompania manao fifamoivoizana an-dranomasina sy an-dranomamy sy any amin'ireo tompon-tsambo, fampandalovana entana ary mpiasa an-dranomasina (taratasy manambara ny entana entin'ny sambo, taratasy manamarina ny entana alefa amin'ny sambo, tapakila entana eny an-tsambo, filizam-pandefasana, taratasy fandraisana entana sns ...);

c) Any amin'ny toerana misy ny Kaompania manao fifamoivoizana an'habakabaka (taratasy fandefasana entana, naoty sy taratasy fandraisana entana, rejisitry ny magazay, sns.);

d) Any amin'ny toerana misy ny orinasa manao fitaterana an-dalambe (rejisitra fandraisana antanana, boky fanoratana ny entana, boky fandraisan'entana, taratasy andefasana ilàlana, taratasy momba ny fiara, taratasy fandefasana, sns...);

e) Any amin'ny misy ny masoivoho, ao anatin'izany ireo izay antsoina hoe « fitaterana mailaka » izay miandraikitra ny fandraisana, ny fanangonana, ny fandefasana amin'ny fomba fitaterana rehetra (lalamby, arabe, ranomamy, an'habakabaka) ary ny fanaterana ny entana rehetra (famelabelarana amin'ny antsipiriany ny fandefasana iombonana, tapakila naharaisana, bokikelim-panaterana);

f) Any amin'ireo mpanalalana no fampandalovana ny entana tonga na aondrana ;

g) Any amin'ireo tompona fanobian'entana, toby ary magazay lehibe (rejisitra sy antontan-taratasy momba ny fametrahana entana, boky misy ny taratasim-piantohan'entana sy fanekena misy antoka, rejisitry ny fidirana sy ny fivohan'ny entana , fitoetry ny entana, fitanana kaontin'entana, sns...)

h) Any amin'ireo nandefasana na tena mpandefa ny entana nanaovana fanambarana tao amin'ny Fadintseranana,

i) Ary, amin'ny ankapobeny, any amin'ireo vatatenan'olona na fikambanana rehetra mivantana ny ankolaka amin'ny lahasa ara-dalana na tsy ara-dalana miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ;

2° Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana manana ahay ny laharan'ny contrôleur dia manana ihany koa ny zo amin'ny fampitan-draharaha voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony, raha toa izy ireo ka miasa araka ny baiko an-tsoratra avy aminà mpandraharaha manana ahay ny laharan'ny Inspecteur izay miadidy azy ireo mivantana. Io baiko io izay tsy maintsy atolotra ny olona voafehiny dia tsy maintsy manondro ny **anaran'ireo voakasika ireo.**

Ny mpandraharaha manana fahefana fampiasa ny zo amin'ny fampitan-draharaha voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia afaka miantso mpiasam-panjakana ambany laharana noho izy hanampy azy, voafehy toa azy ireo ary araka ny sazy mitovy, amin'ny tsiambaratelon'ny asa.

3° Ny taratasy firaketana isan-karazany voatanisa etsy ambony dia tsy maintsy tahirizin'ny olona voakasik'izany mandritra ny fe-potoana dimy taona, manomboka amin'ny vaninandro entin'ny fanambarana momba ny fadintseranana mikasika ny fanondranana any ivelany ny entana, ho an'ireo mpandefa, ary manomboka ny vaninandro entin'ny fanambarana momba ny fadintseranana nataon'izy ireo mikasika ny fanafarana entana avy any ivelany, ho an'ireo andefasana.

4° Mandritra ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana atao any amin'ireo olona na society voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity, ny mpandraharahan'ny Fadintseranana voatendry ao amin'io paragrafy io ihany dia afaka manao ny fanagiazana ny taratasy firaketana isan-karazany (fitanankaonty, faktiora, kopian'ny taratasy, bokikely misy sheky, Loavola tsikelikely, kaonty any amin'ny banky, **fitahirizana an-tantsora-trela ny antontan-java-pantatra informatika toy ny unité Centrale, disques ...**, sns) mety hanamora ny fanatontosany ny andraikiny.

5° Ao anatin'ny faritry ny Fifanampiana ara-pitondran-draharaha eo amin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena, ny Fandraharaha ny Fadintseranana dia omen-dalana, raha toa izany ka tsy

mandeha ila, hanome ny manampahefana tandrify izany any amin'ny firenena vahiny izay mety ho zava-pantatra rehetra, taratasy fanamarinana, ny fitàna an-tsoratra ary taratasy firaketana hafa mety hampiseho ny fandikàna ny lalàna sy fitsipika hampihatra eo am-pidirana na eo am-pivoahana ny taniny.

Sokajy V

Fanaraha-maso ataon'ny fadintseranana amin'ireo fandefasana amin'ny paositra

And. 55. 1° Ny mpiasam-panjakana amin'ny fadintseranana dia afaka miditra ao amin'ny biraon'ny paositra, ka anisan'izany ny efitra anaovana ny fanivanana, mifandray mivantana amin'ny any avelany, mba hiaroka, eo imason'ny mpandraharahan'ny paositra, ny entana mihidy na tsia, avy eto an-toerana na avy any ivelany, ankoatr'ireo entana ampandalovina, misy na tahakan'ny misy zavatra toy ireo izay voalazan'ity andininy ity.

2° Ny biraon'ny paositra dia omen-dàlana handroso mba hoharahin'ny Fadintseranana maso, araka ny fepetra voalazan'ny fifanekena sy fifanarahan'ny Vondron'ny paositra maneran-tany, ny entana voarara tsy hafarana any ivelany, ampiharana ny sara na haba raisin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana na nasiana fameperana na fombafomba eo am-pidirana.

3° Ny biraon'ny paositra dia omen-dàlana ihany koa handroso mba hoharahin'ny Fadintseranana maso ny entana voarara tsy haondrana any ivelany, ampiharana ny sara sy haba raisin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana na nasiana fameperana na fombafomba eo am-pivoahana.

4° Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy azo tohintonina ny tsiambaratelon'ny zavatra ifandefasana.

Sokajy VI

Fampisehoana ny pasipaoro

And. 56. – Ny mpandraharahan'ny Fadintseranana dia afaka manara-maso ny fombafomba ny olona izay miditra ao anatin'ny faritra feheziny ny Fadintseranana na mivoaka izany, na mivezevy ao amin'ny faritra iasan'ny Fadintseranana.

LOHATENY III

FITONDRANA IREO ENTANA AO AMIN'NY FADINTSERANANA

TOKO VOALOHANY

FANAFARANA ENTANA AVY ANY IVELANY

Sokajy voalohany

Fitaterana an-dranomasina

§ 1° Ankapoben-javatra

And. 57. – 1° Ny entana notaterina an-dranomasina dia tsy maintsy soratana ao amin'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo na famelabelarana ankapobe ny entana entin'ny sambo ;

2° Io taratasy firaketana io dia tsy maintsy soniavin'ny kapiteny ; izy io dia tsy maintsy milaza ny karazana sy ny isan'ny entana, ny mari-pamantarana azy sy laharany, ny momba azy, ny lanjan'ny entana mivaingana sy afakaratsaka, ny toerana sy vaninandro nanaovana ny fampiakarana azy ireo teny amin'ny sambo ;

3° Voarara ny manolotra ho toy ny iray ao amin'ny taratasy manambara ny entana, entana maromaro samy hafa mihidy natambatra na manao ahoana na manao ahoana ;

4° Ny entana voarara dia tsy maintsy atao anaty taratasy manambara ny entana entina amin'ny tena anarany, isaky ny karazany sy sokajiny.

And. 58.- Ny kapitenin'ny sambo iray tonga ao anatin'ny faritra an-dranomasina iasan'ny Fadintseranana dia tsy maintsy, amin'ny tany voalohany,

- a) manolotra ny matoan'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo hosoniavin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana izay tonga eny ambony sambo, fa tsy misy fiovany ;
- b) manome azy ireo kopian'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo.

And. 59. – 1° Ny sambo dia tsy afaka miantsona rahatsy eny amin'ny seranan-tsambo misy ny biraon'ny Fadintseranana afatsy raha misy antony tsy azo anoharana voamarina ara-dalàna. Amin'io toe-javatra io, raha vao miantsona izy, ny Kapiteny dia tsy maintsy miseho eo anatrehan'ny Lehiben'ny Sampandraharahan'ny sambom-barotra, na raha toy izany, ny Lehiben'ny Borigadin'ny Zandarimariam-pirenena, ny Kaomiseran'ny Polisy na ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina eo an-toerana, ary mandroso mba hosoniavina, ny taratasin-jotra izay tsy maintsy ametrahana, mialoha, ny anton'ny fiantsonana.

Ny biraon'ny fadintseranana akaiky indrindra dia tsy maintsy ilazana avy hatrany ny amin'ny zava-nitranga ka ny kapitenin-tsambo sy ny Manampahefana ara-panjakana izay nanao ny sonian'ny taratasin-jotra no manao izany

2° Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka manome alàlana ny raharaha ivelan'ireo toerana ireo ; izy no mametra amin'izany ny fepetra izay mifehy ireo raharaha ireo.

And. 60. – Raha vao miditra ny seranana, ny Kapitenin-tsambo dia tsy maintsy mampiseho ny taratasin-jotrany mba hosoniavin'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana.

And. 61. – 1° Raha tsy hoe angaha misy fe-potoana feran'ny rijan-tenin'ny didy enam-pitsipika ny misoratra amin'ny sambo, izay misolo tena ny Kapiteny eny an-tanety, dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny biraon'ny Fadintseranana, **manomboka amin'ny folo andro alohan'ny ahatongavan'ny sambo hatramin'ny vaninandro ahatongavan'ny sambo**

a) **Ho fanambaràna tsotsotra ;**

- ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo miaraka raha ilaina izany, amin'ny dikan-teniny marina, misy raha kely indrindra ny zavatra tokony ho fantatra mikasika ny mombamomba ilay entana, ny famantarana ny fasiana azy, ny isan'ny entana, ny fanondroana ara-barotra ny entana, ny filazana ny mpampiakatra ny entana, ny tompon'andraikitry ny fandraisana (Banky, ny tena nandefasana). Ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo dia hapetraka ka atao sosony an-soratra dimy miaraka amin'ny fitaovana « magnétiques » **na amin'ny alalan'ny fomba elektronika**, ireo farany ireo dia tsy takiana ho an'ny birao tsy manao informatika.

- Ny taratasy manokana manambara ny vatsy eny ambony sambo sy ny kojakojan'entana an'ny mpikambana ao amin'ny fanamoriana ;

b) Ny taratasy misy ny fifanarahana na taratasy milaza ny momba ilay entana, taratasy misy ny zom-pireneny ary ireo taratasy firaketana hafa rehetra izay mety ho takian'ny fandraharahana ny fadintseranana hoenti-mampihatra ny fepetra momba ny Fadintseranana ;

2° a) Raha toa ny sambo ka nofàn'ny mpanofa roa na maromaro, ireo farany ireo na ny solontenany nomem-pahefana ara-dalàna dia tsy maintsy, ao anatin'ny fe-potoana voalaza etsy ambony, mametraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana ny fanambaràna tsotsotra ny entana hampiakarina eny ambony sambo sy iandraiketany

b) ny fanambarana tsotsotra dia tsy maintsy apetraka na dia mbola misy vesatra aza ny sambo

c) Raha toa ny sambo ka tsy tokony hampiakatra entana mihitsy na raha toa izy tsy misy entana, ny fanambaràna tsotsotra dia ahitana manokana ny filazana ny entana hampiakarina « tsy misy » na misy vesatra

3° Ny fe-potoana voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia miato ny alahady sy ny andro tsy fiasana. Ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo hita fa tsy misy fiovàna irery ihany araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-58 paragrafy a) etsy ambony no azo raisina, afatsy izay rehatra mety ho taratasy manambara ny entana entin'ny sambo izay manitsy na mameno azy, napetraka tao anatin'ny ivelan'io fe-potoana io.

4° Ny fanambaràna tsotsotra napetraka mialoha, dia tsy manan-kery raha tsy aorian'ny vaninandro ahatongavan'io sambo io. Azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana foanana izany raha toa ny sambo ka tsy tonga ao anatin'ny fe-potoana feran'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

And. 62. – 1° Ny fampidirana ny entana entin'ny sambo dia tsy azo atao raha tsy ao anatin'ny seranan-tsambo misy ny biraon'ny Fadintseranana

2° Tsy misy mihitsy entana azo ampidirina na afindra raha tsy nahazoana alàlana an-tsoratra avy amin'ny mpandraharahan'ny Fadintseanana sy eo anatrehany. Ny fampidinana sy famindrana dia tsy maintsy atao mandritra ny ora sy araka ny fepetra faritan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

And. 63. – Ny mpifehy ny sambo any amin'ny sambo miaramila dia tsy maintsy mameno eo ampidirana, ny fombafomba rehetra izay tsy maintsy ataon'ny kapitenin'ny sambom-barotra afatsy ny fametrahana mialoha ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo.

§ 2 – *Fiatoana tsy satry*

And. 64. Ny kapitenin-tsambo izay voatery hampiato ny diany noho ny toetry ny ranomasina, ny fanenjehan'ny fahavalo na trangan-javatra hafa tsy nampiozina, dia tsy maintsy :

a. raha vantany vao miditra ao amin'ny farita an-dranomasina iasan'ny Fadintseranana, manaraka ny adidy aman'andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha-58 etsy ambony ;

b. ao anatin'ny efitra amby roapolo ora nahatongavany, manamarina, ao anaty tatitra, ny antony nahatonga ny fiatoana ary manaraka izay voadidi'ny andininy faha-61 etsy ambony.

And. 65. – Ny entana teny ambony sambo izay voamarina ara-dalàna fa tsy fidiny azy ny fiatoana dia tsy andoavana sara na haba na dia iray aza, raha tsy hoe angaha voatery nivarotra azy ireo ny kapiteny. Raha tsy izany na mitranga, ny entana dia azon'ny kapitenin-tsambo na tompon-tsambo ampidirina ary apetraka, ka izy ireo no hiantoka ny lany ao anaty toerana iray mihidy amin'ny fanalahidy roa samy hafa ka ny iray tànan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, mandra-pahatongan'ny fotoana hanondrana azy ireo indray.

Ny kapitenin-tsambo sy tompon-tsambo dia afaka mamindra azy ireo mihitsy aza amin'ny sambo hafa, rehafa vita ny fanambaràna araka ny fepetra momba ny didy amam-pitsipika.

§ 3. – *Entana voaavotra tamin'ny faharendrehana ; ambiny sisa azo raisina.*

And. 66. – Lazaina fa vahiny, raha tsy misy fanamarinana mifanohitra amin'izany , ny entana voaavotra tamin'ny faharendrehana sy ny amby sisa azo raisina isan-karazany voangona na azo noraisina teny amin'ny morontsiraka na tany an-dranomasina.

And. 67. – Ny entana na ny ambiny sisa azo raisina dia apetraka eo ambany fanaraha-maso iarahan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana sy ny Sampandraharahan'ny Sambom-barotra mandra-panomezana azy ny toerana tena ametrahana ny entana araka ny lalàna sy fitsipika manankery.

And. 68. – Ny entana voaavotra tamin'ny faharendrehana sy ny ambiny sisa azo raisina dia tsy azo alefa eny amin'ny tsena eo an-toerana raha tsy aorian'ny fandoavana ny sara sy haba takiana amin'ny fanafarana entana avy any ivelany.

Raha toa ka tsy nanaovan'ny manan-jo amin'izany fanambaràna ny amin'ny toerana ametrahana ny entana, izy ireo dia azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana hamidy araka fangatahana ataon'ny Fitondran-draharaha miandraikitra ny Sambom-barotra ho an'ny toerana rehetra ametrahana ny entana nahazoan-dàlana araka ny lalàna mana-kery.

Amin'io toe-javatra io, ny vokatry ny fivarotana dia atokana handoavana ny sara sy haba izay tsy maintsy aloa aorian'ny fanesorana ny fandania mifandraikitra amin'ny fanavotana, ny fametrahana ary ny fivarotana. Raha toa, aorian'ny fanesorana ny lany sy ny haba, ka misy ambiny, ity farany dia arotsaka any amin'ny fametrahana sy fitahirizam-bolan'ny Trésor izay apetraka hoan'ny tompony na ny manan-jo amin'izany ao anatin'ny fe-potoana herintaona. Dila io fe-potoana io, dia fananan'ny Fitehirizam-bolam-panjakana tanteraka izany.

Sokajy II
Fitaterana amin'ny alalan'ny fiaramanidina

And. 69. – 1° Ny fiaramanidina izay mivezivezy aminà zotra iraisampirenena dia tsy maintsy, mba handingana sisin-tany iray, manaraka ny lalam-pifamoivoizana an'habakabaka napetraka amin'izy ireo

2° Raha tsy hoe misy antony tsy azo anoharana na raharaha fanampiana na fanavotana, ny fiaramanidina izay mivezivezy eny amin'ny habakabaka iraisam-pirenena dia tsy afaka mitody raha tsy eny amin'ny seranam-piaramanidina feheziny Fadintseranana.

And. 70. – Ny entana entina amin'ny fiaramanidina dia tsy maintsy soratana ao anatin'ny taratasy manambara ny entana voasonian'ny mpifehy ny fiaramanidina ; io taratasy firaketana io dia tsy maintsy atao araka ny fepetra mitovy amin'izay voalaza ho an'ny sambo, ao amin'ny andininy faha- 57 etsy ambony .

And. 71. – 1° Ny mpifehy ny fiaramanidina dia tsy maintsy mampiseho amin'ny mpandraharahan'ny Fadintseranana raha vao mitaky izany voalohany izay ireo, ny taratasy manambara ny entana sy taratasy firaketana hafa rehetra eny ambony fiaramanidina izay mety ho takiana mba ho fampiharana ny fepetra momba ny Fadintseranana.

2° Tsy maintsy alefany io taratasy firaketana io, ho fanambaràna tsotsotra, any amin'ny biraon'ny Fadintseranana eny amin'ny seranam-piaramanidina miaraka, raha ilaina, amin'ny dikan-teniny marina, raha vao tonga ny fiaramanidina, na, raha tonga alohan'ny hisokafan'ny birao ilay fiaramanidina, raha vao misokatra io birao io.

3° Ny taratasy manambara ny entana dia azo koa ankoatr'izany alefa ary amin'ny Fandraharahana ny Fadintseanana amin'ny alalan'ny fandefasana amin'ny tambajotram-pifandraisan-davitra na taratasy ifandefasana elektornika mialohan'ny fahatongavan'ny fiaramanidina ho ampiasain'ny varotra iraisam-pirenena sy tsy maintsy harenina araka ny fepetra voalaza ery ambony amin'ity andininy ity.

4° Raha toa ny fiaramanidina ka hofain'ny mpanofa roa na maromaro, ireto farany ireto na ny solontenany nomem-pahefana ara-dalàna dia tsy maintsy, raha vantany vao tonga ny fiaramanidina, mametraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana ny fanambaràna tsotsotra ny entana izay iandraiketany.

5° Raha toa ny fiaramanidina ka tsy tokony fampidina entana mihitsy, ny fanambaràna tsotsotra dia ahitana manokana ny filazana entana hampidinina « tsy misy »

6° Na izany aza anefa, ny fametrahana ny fanambaràna tsotsotra dia azo atao alohan'ny ahatongavan'ny fiaramanidina. amin'io toe-javatra io, ny fanambaràna tsotsotra dia tsy manan-kery raha tsy aorian'ny vaninandro ahatongavan'ny fiaramanidina noheverina.

7° Raha toa amin'ny fahataperan'ny fe-potoana feran'ny Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana, ny fiaramandina noheverina ka tsy tonga, ny fanambaràna tsotsotra napetraka mialoha ny fotoana, dia foanan'ny Fitondran-draharaha

8° Ny fanambarana tsotsotra dia azo atao amin'ny ampahan'ny taratasy manambara ny entana mikasika izay entana hampidinina irery ihany.

And. 72 . – 1° Voarara ny fampidinana na fanariana entana eny am-pandehanana

2° Na izany aza anefa, ny mpifehy ny fiaramanidina dia manan-jo hampanary eny am-pandehanana ny vesatra, ny taratasin'ny paositra any amin'ny toerana voatondro ho amin'izany amin'ny fomba ofisialy, ary koa ireo entana mavesatra izay tena ilaina ny fanariana azy mba hanavotana ny fiaramanidina

And.73. – Ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2 ao amin'ny andininy faha- 62 Mikasika ny fampidinana sy famindrana dia azo ampiharina amin'ny fitaterana atao amin'ny alalan'ny fifamoivoizana an'habakabaka.

Sokajy III
Ny tsy maintsy ampisehoana ny entana izay nanaovana fanambaràna tsotsotra

And. 74 . – Ny entana nanaovana fanambaràna tsotsotra, araka ny fepera voalazan’ny andininy faha-61.- 1° sy faha-71.-1° amin’ity Fehezan-dalàna ity, dia tsy maintsy asehon’ny mpifehy ny sambo na ny solontenany any an-tanety, raha vao takian’ny Mpandraharahan’ny Fadintseranana any amin’ny voalohany izany , afatsy hoe hamarinina fa ireo entana ireo dia nalaina na nafindra na napetraka ara-dalàna tao amin’ny magazay na toerana andoavana ny Fadintseranana miaraka amin’ny fanekena antsitrabo ataon’ny mpampiasa io magazay na toerana andoavana ny fadintseranana io fa hiantsooka tanteraka izany andraikitra izany eo anatrehan’ny Fitondrandraharaha, araka ny fepetra voalazan’ity Fehezan-dalàna ity

**Sokajy IV
Fanitsiana ny fanambaràna tsotsotra**

And. 75 . – Tsy hanohinana izay mety ho tohiny ifanolanana, ny mpanao fanambaràna na ny nomem-pahefana dia azo omena alàlana hanitsy ny fahadisoana tsy mety hanohintohina ny anaran’ny entana.

**TOKO II
FANONDRANANA ENTANA ANY IVELANY**

And. 76 . – Ny entana natokana haondrana any ivelany dia tsy maintsy entina any amin’ny biraon’ny Fandintseranana na any amin’ny toerana tendren’ny Fandraharahana ny Fadintsaranana mba hanaovana fanambarana amin’ny antsipiriany ao .

**TOKO III
MAGAZAY SY TOERANA ANDOAVANA NY FADINTSERANANA**

And. 77. – Raha vantany vao tonga ao amin’ny fadintseranana, raha toa ny entana ka tsy nanaovana fanambarana amin’ny antsipiriany araka ny didy amam-pitsipika, izy ireo dia azo ampidinina any amin’ny toerana tendrena ho amin’izany mba hipetraka ao ho eo ambany fanaraha-mason’ny Fadintseranana mandra-piandry ny fametrahana io fanambaràna momba ny Fadintserana io. Ireo toerana ireo dia antsoina hoe magazay sy toerana andoavana ny fadintseranana.

Ny magazay sy toerana andoavana ny Fadintseranana dia afaka mandray ihany koa, mandra-piandrasana ny fanefasana, ny entana natokana haondrana na haondrana indray any ivelany izay nanaovana fanambaràna amin’ny antsipirihany sy nohamarinina.

And. 78. – Ny magazay sy toerana andoavana ny Fadintseranana dia azon’ny vatatena’olona na fikambanana atsongana

Ny fananganana azy, ny toerana misy azy, ny fanorenana azy ary ny fanajariana azy dia tsy maintsy ahazoana ny fankatoavana mialoha avy amin’ny Fandraharahana ny Fadintseranana

Ny adidy sy andraikitra ny mpampiasa eo antrehan’ny Fandraharahana ny Fadintseranana, dia anaovana fanekena isan-taona omban’antoka.

Ny fombafomba fitantanana ny magazay sy toerana andoavana fadintseranana sy ny lolohan’ny mpampiasa mikasika ny kojakoja , fikarakarana sy fanamboarana ny fanorenana, ilaina amin’ny fanatanterahana ny asa ary ny fepetra izay anaovana ny fanaraha-maso momba ny fadintseranana dia ferana araka ny fanapahana ataon’ny Tale Jeneralin’ny Fadintseranana.

And. 79. – Ny magazay sy toerana andoavana ny fadintseranana dia afaka misokatra ihany koa ho an’ny fampiasana manokana ataon’ny olona voafaritra.

Ny entana izay mampidi-doza na mety hanimba ny entana hafa na koa mitaky ny fametrahana manokana dia tsy azo ekena raha tsy any amin’ny magazay na toerana andoavana fadintseranana nohajariana manokana mba handray izany.

And. 80. – Ny faharetana farany ambony ipetrahan'ny entana ao amin'ny magazay sy toerana andoavana fadintseranana dia dimy ambin'ny folo (15) andro katroka.

Ny lahasa takiana mba hitahirizana amin'ny toetrany ny entana napetraka ao amin'ny magazay sy toerana andoavana fadintseranana toy ny fanadiovana, ny fanalàna vovoka, fifantenana, famerenana amin'ny toetrany na fanoloana ny fonosana misy fahasimbana dia azo atao aorian'ny faneken'ny Fandraharahana ny Fadintseranana

Azo omen-dàlana ihany koa ny lahasa fanao matetika toy ny fizarazarana, fandanjana, fametahana marika, fanambarana ny entana natokana halefa miaraka mba hanamoràna ny fanalàna azy ireo sy fandefasana any aoriana. Ireo lahasa samihafa ireo dia atao eo anatrehan'ny mpandraharahan'ny fadintseranana.

And. 81 - Ny entana simba na niharam-pahasimbana, noho ny loza voamarina ara-dalàna na noho ny antony tsy azo anoharana talohan'ny hamoahana azy ny magazay sy ny toerana anafahana ny fadintseranana, dia ekena ho afahana amin'ny fadintseranana amin'ny toetrany ahitana azy amin'ny vaninandro handraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany.

Na izany aza anefa, ireo fepetra ireo dia tsy ampiarina afa-tsy amin'ireo entana izay efa mipetraka hatrany teo ambany fanaraha-maso mikasika ny fadintseranana

And. 82 - Ny entana natoetra ao amin'ny magazay sy ny toerana anafahana ny fadintseranana izay simba noho ny loza hita fototra ara-dalàna na noho ny antony tsy azo anoharana, dia tsy fehezin'ny fampiharana ny sara sy haba.

Ny poti-javatra sy ny sisa tavela, raha misy, tamin'izany fahasimbana izany, dia fehezin'ny fandoavana ny sara sy haba fampihatra amin'ny sisa tavela sy poti-javatra nafarana araka izany, raha toa ka aroso hojifaina izany.

And. 83. - Rahefa dila ny fe-potoana fipetrahana ao amin'ny magazay sy toerana anafahana ny fadintseranana araka izay voalazan'ny andininy faha-80 etsy ambony, ny mpitrandraka dia tsy maintsy mitondra ny entana any amin'ny toerana tondroin'ny Fitondran-draharahan'ny Fadintseranana izay mahatonga azy ireo avy hatrany ho eo ambany fitondran'ny fametrahana entana amin'ny fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-236, faha-237 sy faha-238 ary faha-239 amin'izao fehezan-dalàna izao.

LOHATENY IV RAHARAHANA MOMBA NY FANAFAHANA NY FADINTSERANANA

TOKO VOALOHANY FANAMBARANA AMIN'NY ANTSIPIRIANY sokajy I

Tsy maintsy arahina amin'ny fanambarana amin'ny antsipiriany

And. 84- 1° Tsy maintsy anaovana fanambarana amin'ny antsipiriany ny entana rehetra afarana na aondrana.

2° Ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia sora-panekena, atao araka ny fomba voalazan'ny fepetra entin'izao Fehezan-dalàna izao, izay anondroan'ny mpanao fanambarana ny fitondrana mikasika ny fadintseranana ampiarina amin'ireo entana sy ampahalalainy ny zavatra takiana amin'ny fampiharana ny sara sy haba amin'izay ilaina mikasika ny fanaraha-maso momba ny fadintseranana.

3° Ny fanafahana ny sara sy haba, na eo am-pidiran'ny entana izany na eo amin'ny fivoahany, dia tsy manafaka amin'ny adidy amin'andraikitra voalazan'izao andininy izao.

And. 85- Amin'ny fanafarana entana, ny fandrosoana izany hojifaina dia ny fitondrana mikasika ny fadintseranana izay iankinan'ny fepetra fanafarana entana, afa-tsy amin'ireo raharaha omen-tombon-dahiny voalazan'izao Fehezan-dalàna izao, amin'ny fanefana ny sara sy haba, mba ahazoana mampiasa malalaka ny entana eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana.

Amin'ny fanondranana entana, ny fanondranana toy ny famoahana tsotra dia ny fanondranana tena raikitra entana iray nalaina teto amin'ny tsena anatin'ny

And. 86 - 1° Ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana nosokafana ho an'ny raharaha mikasika ny fadintseranana noeritreretina.

2° Amin'ny fanafarana entana, dia azo atolotra mialoha ny fahatongavan'ny entana ao amin'ny magazay sy toerana anafahana ny fadintseranana izany raha toa ny filazana mazava ny fahatongavan'ny sambo na ny fiaramanidina mitondra izany ka efa tonga ao ; tsy maintsy apetraka ao anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny folo andro katroka raha be indrindra izany aorian'ny fahatongavan'ny

entana ao amin'ny birao (tsy tafiditra ao anatiny ny alahady sy ny andro tsy iasana) ary mandritra ny ora fisokafan'ny birao afa-tsy raha misy fanomezan-dalana avy amin'ny Mpandray vola ao amin'ny fadintseranana.

Raha toa ka misy ny fanovana ny lazam-bidy taorian'izany fametrahana izany sy alohan'ny fahatongavan'ny sambo, ny sara sy haba dia takiana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13 sy faha-14 etsy ambony

3° Amin'ny fanondranana entana, ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia tsy maintsy apetraka raha vantany vao tonga ao amin'ny magazay sy ny toerana anafahana ny fadintseranana ny entana, na, raha toa ny entana tonga alohan'ny fisokafan'ny birao, raha vantany vao misokatra izany.

And. 87. Any amin'ny biraon'ny fadintseranana misy rafitra momba ny informatika ho an'ny fanafahana ny fadintseranana amin'ny entana, ny fametrahana ny fanambarana amin'ny antsipiriany, ny fanambarana tsotsotra ary ny filazana momba ny antoka voalazan'ny andininy faha-61, faha-71-1°, faha-84-1°, faha-86, 88, 101, 129, 131, 132, 136-1° amin'izao Fehezan-dalàna izao dia atao araka ny fomba elektronika na informatika, afa-tsy raha misy famelana handingana fepetra voalazan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana.

Ny fametrahana ny tahirin-kevitra mitovana amin'ny fanambarana tsotsotra, sy ny filazana momba ny antoka ary ny fanambarana amin'ny antsipiriany voalaza etsy ambony, araka ny fanomezan-dalana avy amin'ny Fitondrana ny Fadintseranana, dia azo atao amin'ny alalan'ny fomba elektronika na informatika.

Ny sonian'ny mpanao fanambarana atao sora-tanana dia azo soloina ny sonia natao tamin'ny fomba elektronika.

Ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny fombafomba fampiharana ireo fepetra ireo.

And. 88-1° Ny fanambarana napetraka mialoha ho fisitrahana ny famelana handingana fepetra voalazan'ny andininy faha-86-2° etsy ambony, dia tsy manan-kery, miaraka amin'ny vokatry rehetra mifandrohy amin'ny fandraiketana am-boky, raha tsy amin'ny andro ahafatongavan'ny entana ary raha toa ka mahafeno ny fepetra takian'ny andininy faha-98 etsy ambony ireo fanambarana ireo ;

2° ireo fanambarana ireo dia azo ahitsy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-103-2° sy 4° amin'izao Fehezan-dalàna izao.

Sokajy II

Olona nomen-dalana hanao ny fanambarana ny entana amin'ny antsipiriany : mpandraharahan'ny fadintseranana

And. 89-1° Ny entana afarana na aondrana dia tsy maintsy anaovan'ny tompony, ny tena mpanondrana na ny tena andefasana na ny vatantenan'olona na fikambanana nahazo ny fankatoavana ho mpandraharahan'ny fadintseranana na ny fahazoan-dalana hanafaka ny fadintseranana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-90 ka hatramin'ny faha-97 amin'izao Fehezan-dalana izao fanambarana amin'ny antsipiriany.

2° Heverina ho tompony, ireo mitàna sy mpandeha amin'izay mikasika ny entana manaraka azy kanefa tsy maintsy mifanandrify amin'ny toerana misy azy eo amin'ny fiaraha-monina.

And. 90-1° Tsy misy mihitsy afaka manatontosa ho an'olon-kafa ny fombafomba momba ny fadintseranana mikasika ny fanambarana ny entana amin'ny antsipiriany raha tsy efa nankatoavina ho mpandraharahan'ny fadintseranana, fa raha tsy izany dia iharan'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-361 amin'izao Fehezan-dalàna izao.

2° Io fankatoavana io dia omen'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana araka ny tolokevitra avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana. Ny fanapahana dia manondro ny na ireo biraon'ny fadintseranana izay mampanan-kery ny fankatoavana ;

Ny fampiasana ny fankatoavana dia miankina amin'ny famononana antoka izay mahasahana ny trosa manoloana ny Fitondrana ny Fadintseranana.

3° Ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana, araka ny paika arahina mitovy amin'ny voalazan'ny 2° etsy ambony, dia afaka misintona mandritra ny fe-potoana tsy maharitra na tanteraka ny fankatoavana.

And. 91-1° Izay rehetra andefasana na tena mpandefa entana izay mihevitra, noho ny indostria ataony na ny varotra ataony, hanao fanambarana amin'ny antsipiriany amin'ny anaran'ny tenany manokana, eny amin'ny fadintseranana, nefa tsy misahana ny asan'ny mpandraharahan'ny fadintseranana dia tsy

maintsy mahazo fanomezan-dalana hanafaka ny fadintseranana **nomen'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana.**

2° Io fanomezan-dalana io dia omena mandritra ny fotoana tsy maharitra sady azo foanana ary ho an'ny raharaha mikasika entana voafetra araka ny fepetra nofaritan'ny paragrafy 2° amin'ny andininy faha-90 etsy ambony.

And. 92-1° Ny fankatoavana ho mpandraharahan'ny fadintseranana dia omena amin'ny anaran'ny tena raha toa ka sosaiety, dia tsy maintsy azo ho an'ny sosaiety izany na ho an'izay rehetra olona omempahafana hisolo tena ny sosaiety.

2° Na manao ahoana na manao ahoana, ny fandavana na fisintonana mandritra ny fotoana tsy maharitra na tanteraka ny fankatoavana na ny fanomezan-dalana hanafaka ny fadintseranana dia tsy ahazoan-jo mihitsy hiandrindra onitra na tamby noho ny fahavoazana.

And. 93. Ny Mpandraharahan'ny Fadintseranana nankatoavina dia **afaka mijoro ho** fivondronana momba ny asa aman-draharaha ka ny fitsipi-pitondrana izany dia aroso hankatoavin'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana

And. 94. Ny fangatahana fankatoavana ho mpandraharahan'ny fadintseranana dia tsy maintsy ampiarahina, ankoatra izany, amin'ny fiantohana mahasahana, raha misy izany, manoloana ny Fitondrana ny Fadintseranana, ny trosan'ny Trésor amin'ireo mpandraharahan'ny fadintseranana sy ny antoka napetrany.

And. 95-1° Izay rehetra vatantenan'olona na fikambanana manatontosa ho an'ny olon-kafa **na ho an'ny tenany manokana** raharaha momba ny fadintseranana dia tsy maintsy manoratra izany ao amin'ny taratasy fitadidiana isan-taona araka ny fepetra nofaritan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

2° Tsy maintsy tehiriziny mandritra ny dimy taona manomboka ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana momba ny fadintseranana mifanandrify amin'izany ireo taratasy fitadidiana ireo ary koa ny taratasy ifandefasana sy tahirin-kevitra momba ny raharaha mikasika ny fadintseranana nataony

And. 96. Ny lazam-bidy momba ny fanaramana izay omen-dalana horaisin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana nankatoavina dia ferana ao anatin'ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika momba ny vidin-javatra.

And. 97-1° Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fadintseranana no hanatitra ny fepetra fampiharana ny andininy faha-89 ka hatramin'ny faha-96.

2° Ireo didim-pitondrana ireo no hanoritra ny fepetra izay ahafahan'ny orinasa izay tantanan'ny Fanjakana mivantana hanatontosa ho an'olon-kafa raharaha momba ny fanafahana ny fadintseranana sy ny adidy aman'andraikitra iantsorohany noho izany.

SOKAJY III

Endrika, fitanisana, fandraiketana am-boky ary fanafoanana ny fanambarana amin'ny antsipiriany

And. 98-1° Tsy maintsy atao an-tsoratra ny fanambarana amin'ny antsipiriany ka atao an-taratasy na amin'ny fomba elektronika izany.

Tsy maintsy hita ao ny ny fanonandroana rehetra ilaina ho fampiharana ny fepetra momba ny fadintseranana sy ho fanaovana ny antontanisa momba ny fadintseranana.

Tsy maintsy asian'ny mpanao fanambarana sonia izany.

2° **Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana no manoritra, amin'ny alalan'ny fanapahana :**
- **ny endriky ny fanambarana, ny fitanisana tsy maintsy hita ao ary ny tahirin-kevitra tsy maintsy atovana aminy ;**

- **ny fepetra sy ny fombafomba fanafahana ny entana amin'ny fadintseranana amin'ny rafitra informatika momba ny fadintseranana :**

Afaka manome alalana ny fanoloana ny fanambarana an-tsoratra amin'ny fanambarana am-bava na notsorina izy.

And. 99. Raha toa ka misy entana maromaro voaray ao amin'ny endrika mitovy nanaovana fanambarana, ny entana tsirairay dia heverina ho toy ny nanaovana fanambarana mitokana.

And. 100 - Tsy azo atao mihitsy ny manolotra ho singany iray ao anaty fanambarana fonosan'entana maromaro mihidy natambatra na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana.

And. 101-1° Ny olona nomem-pahefana hametraka ny fanambarana amin'ny antsipiriany, raha toa ka tsy eo am-pelatanany ny zavatra rehetra ilaina hanaovana izany, dia azo omen-dalana handinika ny entana alohan'ny fanambarana sy haka santionany. Azony atao araka izany ny manolotra amin'ny fadintseranana fanambarana vonjimaika izay tsy manafaka azy ireo, na ahoana na manao ahoana, amin'ny tsy hanaovana fanambarana amin'ny antsipiriany.

2° Tsy azo atao mihitsy izay rehetra fihetsika mety hanova ny endrika isehoan'ny entana nanaovana fanambarana vonjimaika.

3° Ny endriky ny fanambarana vonjimaika sy ny fepetra azo anaovana ny fandinihana mialoha ny entana dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

And. 102-1° Ny fanambarana amin'ny antsipiriany eken'ny mpiasan'ny fadintseranana fa azo raisina dia soratan'izy ireo avy hatrany amin'ny boky.

2° Heverina ho tsy azo raisina ny fanambarana tsy ara-dalàna eo amin'ny endriny na tsy nampiarahina amin'ny tahirin-kevitra izay tsy maintsy atao ny famononana azy.

And. 103-1° Aorian'ny fandraiketana azy ireo am-boky, dia tsy azo ovàna intsony ; zary lasa sora-panekena ara-dalàna mamatotra ilay mpanao fanambarana amin'ny Fitondrana ;

2° Na izany aza anefa, ny androtry ny fametrahana ny fanambarana amin'ny antsipiriany raha toa ka misolo tena ny isa mitovy momba ny fonosan'entana mitovy mari-pamantarana sy laharana amin'ireo voatanisa teo aloha ary koa entana mitovy karazana amin'izany.

3° Raha toa, noho ny antony heverina fa azon'ny Fitondrana ny Fadintseranana ekana, ny mpanao fanambarana ka afaka mampiseho avy hatrany ny tahirin-kevitra takiana ho fanohanana ny fanambarana, dia azo ekena izy, araka ny fepetra sy fombafomba feran'ny Fitondrana ny Fadintseranana, hametraka fanambarana mirakitra ny fanekeny hampiseho aty aoriana ny tahirin-kevitra tsy ampy ao anatin'ny fe-potoana feran'ny Fitondrana ny Fadintseranana.

4° Ankoatra izany, ny fanambarana napetraka mialoha dia azo ahitsy raha ela indrindra amin'ny fotoana voamarina fa ahatongavan'ny entana.

And. 104-1° Ny mpanao fanambarana dia afaka mangataka ny fanafoanana ny fanambarana :

a) amin'ny fanafarana,

Raha toa izy mitondra ny porofo fa ny entana dia nanaovana fanambarana amin'ny antsipiriany noho ny fahadisoana na raha toa ka, noho ny anton-javatra manokana, tsy mitombina intsony ilay fanambarana ;

b) amin'ny fanondranana

- raha toa ka voamariny fa tsy miala tao amin'ny faritry ny fadintseranana ny entana ;

- raha toa ka mifanontona amin'ny fanambarana hafa noraketina am-boky mialoha ilay fanambarana ;

2° Raha toa ny Fitondrana ny Fadintseranana ka nampahafantatra ny mpanao fanambarana ny fikasana hanao fanamarinana ny entana, ny fangatahana fanafoanana dia tsy azo ekena raha tsy efa vita izany fanamarinana izany ary hita fa nisy mihitsy fandikan-dalàna hita fototra ;

3° Fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana no hamaritra, raha ilaina, ny fombafomba fampiharana izao andininy izao.

And. 105 - Fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana no ahafahana mamaritra ny paika arahina notsorina amin'ny fanafahana ny fadintseranana izay milaza mialoha indrindra fa ny filazana sasantsasany ao amin'ny fanambarana amin'ny antsipiriany dia ho vononina any aoriana amin'ny endriky ny fanambarana famenony faobe, isam-banim-potoana ary famintinana.

And. 106. Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-105 etsy ambony dia azo ampiharina amin'izay mikasika ny fametrahana sy famoahana ny vokatra momba ny solitany ao amin'ireo toby andoavana hetra.

TOKO II
FANAMARINANA NY ENTANA
Sokajy I

Fepetra fanatanterahana ny fanamarinana ny entana

And. 107-1° Aorian'ny fandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany, ny Fitondrana ny Fadintseranana dia hanao, raha heveriny fa ilaina izany, ny fanamarinana manontolo na ampahany amin'ny entana naovana fanambarana ;

2° Raha toa ka misy fandavana izany, ny mpanao fanambarana dia manana zo hitsipaka ny vokatra ny fanamarinana ampahany sy hangataka ny fanamarinana manontolo ny filazana ao amin'ny fanambarana izay voakasiky ny fandavana.

And. 108- 1° Ny fanamarinana ny entana nanaovana fanambarana any amin'ny biraon'ny fadintseranana dia tsy azo atao afa-tsy any amin'ny magazay **sy ny toerana anafahana ny fadintseranana** na any amin'ireo toerana notondroin'ny Fitondrana ny Fadintseranana ho amin'izany.

2° Ny fitaterana ny entana mankany amin'ny toerana hanaovana ny fanamarinana, ny famborahana, ny famonosana indray ary ny fanetsehana hafa rehetra ilaina amin'ny fanamarinana dia atao eo ambany fiandraiketana'ny mpanao fanambarana ary izy no miantsoroka ny lany amin'izany.

3° Ny entana nentina any amin'ny magazay **sy toerana anafahana ny fadintseranana** na any amin'ny toerana anaovana ny fanamarinana dia tsy azo afindra raha tsy misy alalana avy amin'ny Fitondrana ny Fadintseranana

4° Ny olona ampiasain'ny mpanao fanambarana amin'ny fanetsehana ny entana ao amin'ny fadintseranana dia tsy maintsy ankatoavin'ny Fitondrana ny Fadintseranana ; raha tsy misy izany fankatoavana izany, dia tsy azon'izy ireo atao ny miditra amin'ny magazain'ny fadintseranana sy ny toerana anaovana ny fanamarinana.

And. 109- 1° Ny fanamarinana dia atao eo anatrehan'ny mpanao fanambarana

2° Raha toa ilay mpanao fanambarana ka tsy tonga hanatrika ny fanamarinana, dia ampahafantarina'ny Fitondrana ny Fadintseranana azy amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha ny fikasany hanomboka ny asa fitsirihana, na ny hanohy izany raha toa ka nahantony izany ; rahefa dila ny fepotoana valo andro aorian'ny fampahafantarina, ka mbola tsy nisy vokany izany, ny mpitsara, ao amin'ny fari-piadidiana misy ny biraon'ny fadintseranana, dia manondro avy hatrany, araka ny fangatahan'ny Mpandray vola ao amin'ny fadintseranana, olona iray hisolo tena ilay mpanao fanambarana tsy tonga sy hanatrika ny fanamarinana.

And. 110. Mba ahafahan'ny manamahy manao famakafakana ny fandalinana, ny mpiasan'ny fadintseranana dia afaka maka, eo anatrehan'ny mpanao fanambarana, santionany amin'ny entana nanaovana fanambarana, raha toa ny karazany, ny vidiny na ny fiaviany ka tsy azo amarina amin'ny fomba mahafa-po amin'ny fomba hafa.

Aorian'ny famakafakana na fandinihana, dia averina amin'ny mpanao fanambarana ny santionan'entana tsy potika.

Sokajy II

Fandaminana ny fanoherana mikasika ny karazana, ny fiaviana na ny vidin'entana

And. 111-1° Raha toa ny Fitondrana ny Fadintseranana ka manda, amin'ny fotoana anaovana ny fanamarinana ny entana, ny fitanisana ao amin'ny fanambarana mikasika ny karazana, ny fiaviana na ny vidiny sy na ny mpanao fanambarana ka tsy manaiky ny fandanjalanjana ny asa, ny fanoherana dia entina eo anatrehan'ny **"Vaomiera momba ny Fampihavanana sy Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana"** manana ny foiben-toerany ao Antananarivo.

2° Amin'ny fisehoan-javatra voazan'ny paragrafy 1° etsy ambony, dia atao ny sora-panekena hanaovana ny fandinihana lalina ary atao ny fakana santionanà entana ilaina hanaovana ny fandinihana lalina

3° Raha vantany vao nampahafantarina ny fampakaran-draharaha dia eken'ny Mpandray vola ny fanalàna tsatoka ny entana, fototry ny olana, raha toa :

- Ny fanalàna tsatoka ka tsy misakana ny fandinihan'ny Vaomiera ny santionanà entana ;
- Ny entana ka tsy iharan'ny fepetra fandràna mifanohitra amin'ny fanalàna tsatoka azy ireo ;

- Ny habetsahan'ny elenelan'ny sara sy haba takiana miainga amin'ny fanamarinan'ny mpiasan'ny fadintseranana sy izay ao amin'ny filazana efa napetraka na niantohana amin'ny alalan'ny fametrahana antoka

And. 112-1° Ny firafitry ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana dia voafaritry ny didimpanajakana atolotry ny Minisitra miandraikitra ny fadintseranana.

Ny Filohan'ny Vaomiera dia afaka miantso, raha ilaina, ny fanampian'izay rehetra olona heveriny fa ilaina ny fanampiany ara-teknika.

2° Ny Mpitsara ary koa ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana atolotry ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana. Ny mpisoloto toerana azy ireo dia tendrena toy izany ihany koa.

3° Ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera dia voafatotry ny tsiambaratelon'ny asa.

And. 113- Ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana dia azon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana ampakaran-draharaha raha toa ny mpandraharaha ara-toekarena na ny mpanao fanambarana ka tsy manaiky ny fandanjalanjana nataon'ny Fitondrana,

And. 114-1° Afa-tsy raha toa ka nanapa-kevitra ny tsy hanisy tohiny fanoherana ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, dia tsy maintsy mampahafantatra, ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka ny vaninandro entin'ny sora-panekena famaranana ny fandinihana lalina ny mpanao fanambarana izy ny amin'ny antony ifaharan'ny Fitondrana amin'ny fandanjalanjana nataony sy miangavy azy, na hanaiky izany na hanao fehinteny ho valiny, ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka ny vaninandro entin'ny fampahafantarana.

2° Raha toa ka mbola mitohy ny tsy fifanarahana, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka amin'ny vaninandro entin'ny valinteny na ny fahataperan'ny fe-potoana voalaza etsy aloha mba hanomezana valinteny, dia mampakatra ny raharaha eo amin'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana amin'ny alalan'ny fampitana amin'ny sekreterany ny antontan-taratasy momba ny raharaha

And. 115-1° Ny andaniny sy ankilany mpifanolana dia tsy maintsy mamonona ho an'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana ny sationany ilaina amin'ny fanaovana fandinihana lalina ary koa ny tahirin-kevitra sy zavatra tokony ho fantatra ao aminy mikasika ny fototry ny fifanolanana.

2° Ny Filohan'ny Vaomiera dia afaka mitaky ny fihainoana ny olona, ny fikarohana na famakafana heveriny fa ilaina amin'ny fikarakarana ny raharaha.

3° Raha toa ny fanoherana ka tsy mikasika ny momba ny karazana, ny fiaviana na ny vidin'ny entana, ny Filoha dia mizaha fototra, amin'ny alalan'ny fanapahana tsy azo anaovana fampakaran-draharaha intsony ny tsy fahaizan'asan'ny Vaomiera.

4° Aorian'ny fandinihana ny fehinteny mety ho novononina sy aorian'ny fiantsoana ny andaniny sy ankilany na ny solontenany mba hohenoana, miaraka sy mifanatrika eo amin'ny fanamarihana nataony, ny Vaomiera, afatsy raha hoe angaha misy fifanarahana eo amin'ny andaniny sy ankilany mametra ny fe-potoana, izay rahefa nifampidinina ampahafantariny ny fehinteny izay lanian'ny ankamaroan'ny mpikambana.

5° Raha toa ny andaniny sy ankilany ka mifanaraka, alohan'ny hahataperan'ny fe-potoana voalazan'ny 4° amin'izao andininy izao, ny Vaomiera dia manome azy ireo ny sora-panekena momba izany fifanarahana izany ka marihina tsara ny ao anatin'ny.

6° Eo amin'ny fehinteny ataony, ny Vaomiera dia tsy maintsy manondro indrindra ny anaran'ny mpikambana nandray ny fanapahan-kevitra, anton'ny fifanolanana, ny anarana sy fonenan'ny mpanao fanambarana, ny famelabelarana tsotsotra ny antony ifaharana, ny fifanolanana ara-teknika ary ny anton'ny vahaolana noliana. Raha toa ny fifanolanana ka mikasika ny karazana, dia tsy maintsy tondroina mazava ankoatra izany ny mombamomba ny lazam-bidin'ny entana nampifanolana.

7° Ampahafantarina ny andaniny sy ankilany ny fehintenin'ny Vaomiera

8° Raha toa ka tsy mifanaraka ny andaniny sy ankilany ny amin'ny fanehoan-kevitra avy amin'ny Vaomiera, dia entina eo anatrehan'ny fitsarana mahefa ny raharaha araka ny fepetra voalazan'ny lohateny X amin'izao Fehezan-dalàna izao.

And. 116 – Ny fizahana fototra eo fitaovana sy teknika nataon'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandalinana lalina mikasika ny fadintseranana, mikasika ny karazana na ny fiavian'ny entana mampifanolana na natao hamaritana ny vidin'ny entana, no hany azon'ny Tribonaly tanana.

And. 117-1° Raha toa ny fifanolanana mikasika ny karazana, ny fiaviana na ny vidin'ny entana ka nosinganina taorian'ny fanapahana ny entana amin'ny fadintseranana na tamin'ny fanaraha-maso sy famotorana natao araka ny fepetra raketin'izao Fehezan-dalàna izao ;

a) Ny andaniny na ny ankilany dia afaka, ao anatin'ny roa volana manaraka ny fampahafantarana ny sora-panekena ara-panjakana ahitana fototra ny fandikan-dalana, manontany ny hevitra ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana izay manana, mikasika izany, ny fahefana voafaritry ao amin'ny andininy faha-115 etsy ambony ;

b) Ny andaniny izay nandray andraikitra ny amin'io fakana hevitra io dia mampahafantatra miaraka ny ankilany na ny solontenany ny amin'ny fangatahana izany fakana hevitra izany ;

c) Ny fanehoan-kevitra avy amin'ny Vaomiera dia tsy maintsy ampahafantarina ny andaniny sy ankilany ao anatin'ny fe-potoana roa ambin'ny folo volana raha be indrindra, fe-potoana izay hampihantonana ny fizotry ny fepetra takian'ny voalazan'izao Fehezan-dalàna izao ;

d) Raha toa ka misy paikady aty aoriana manoloana ny tribonaly, ny fehinteny navoakan'ny Vaomiera ao anatin'ny fakana hevitra voalazan'ny andalana a) sy b) amin'izao andininy izao dia arotsaky ny filohan'ny Vaomiera ao amin'ny antontan-taratasy ara-pitsarana

2° Amin'ny fisehoan-javatra rehetra nampidirana paikady manoloana ny tribonaly, na nisy na tsy nisy fakana hevitra mialoha tamin'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana, ny fandinihana lalina ara-pitsarana, raha toa ka didian'ny ambaratongam-pitsarana mahefa hanapaka ny momba ny fifanolanana mikasika ny fadintseranana, dia ankinina amin'izany Vaomiera izany.

Sokay III

Fampiharana ny vokatry ny fanamarinana

And. 118-1° Ny sara sy haba ary ny fepetra hafa momba ny fadintseranana dia ampiharina, araka ny vokatry ny fanamarinana sy, raha misy izany, araka ny fehinteny tsy nisy nitsipaka nataon'ny Vaomiera momba ny Fampihavanana sy ny Fandinihana lalina mikasika ny fadintseranana na araka ny fanapahan'ny fitsarana manome ny lanjan'ny raharaha efa voatsara.

2° Raha toa ny Fandraharahana ka tsy nanao ny fanamarinana ny entana nanaovana fanambarana, ny sara sy haba ary fepetra hafa mikasika ny fadintseranana dia ampiharina araka ny fitanisana ao amin'ny fanambarana.

TOKO III :

***Faniliana sy fanefana ny sara sy haba
Sokajy I***

Faniliana ny sara sy haba

And. 119- Afatsy raha misy fampiharana ny fepetra tetezamita voalazan'ny andininy faha-13 etsy ambony, ny sara sy haba horaisina dia izay manankery amin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany.

And. 120. Raha misy fampihenana ny tahan'ny sara amin'ny fadintseranana, ny mpanao fanambarana dia afaka mangataka ny fampiharana ny lazam-bidy vaovao azo ihoriranana kokoa noho ilay nanan-kery tamin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana ho amin'ny fanjifana, raha toa ny fanomezan-dalana voalazan'ny andininy faha-125 amin'izao Fehezan-dalàna izao ka tsy mbola nomena.

And. 121. Boriboriana amin'ny Ariary aty ambany ny sara sy haba takiana mikasika ny entana tsirairay ao amin'ny fanambarana iray.

Sokajy II **Fanefana tolobotsotra**

And. 122- 1° Azo aloa tolobotsotra ny sara sy haba nofaranan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ;

2° Tsy maintsy manome tapakila momba izany ny mpandraharaha miandraikitra ny fandraisana ny sara sy haba ;

3° Ny rejisitra fandoavana ny sara sy haba dia atao amin'ny takela-taratasy madinika natao araka ny fomba ampiasain-tanana na araka ny fomba elektronika sy natambatra avy eo.

And. 123-1° Tsy aloa amin'ireo entana izay eken'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ny famoizana azy ho azy ny sara sy haba ;

2° Ny entana izay neken'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ny famoizana azy dia amidin'ity farany amin'ny lavanty ampahibemaso araka ny fepetra mitovy amin'ny entana nafoy amin'ny alalan'ny fifanakalozana.

Sokajy III **Fameran-ketra PIP na ivelan'ny PIP**

And. 124bis- Ny vokatra miendrika fanomezana na fanampiana mivaingana, azo avy any lvelany na vatsiam-bola amin'ny tahiry isan-karazany avy any ivelany (tahiry fampisamborana, fanampiana, tahiry fanampiana, sns..) miditra eto amin'ny tanim-pirenena, dia andoavana ho an'ny Fanjakana ny sara sy haba voalazan'ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika manan-kery.

Ny antokon-draharaham-panjakana, iraisana amin'ny fanjakana na tsy miankina amin'ny fanjakana nahazo izany dia manefa ao amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, amin'ny tetibolany, ny sara sy haba tsy maintsy aloa amin'ny fanafahana ny fadintseranana amin'ireo entana ireo.

Raha toa ka misy antokon-draharaha iray misolo toerana ny antokon-draharaha nahazo tombontsoa amin'ny fanefana ny sara tokony aloa, ilay antokon-draharaha mpisolo toerana dia manefa ny sara tokony aloa mialoha ny vokatra voakasika araka ny fepetra mitovy amin'ny etsy ambony.

Raha toa ny Fanjakana ka misolo toerana ny antokon-draharaha mahazo tombontsoa amin'ny fanefana ny sara tokony aloa, dia atao, araka ny fampisehoana ny faneken'ny Fanjakana miaraka amin'ny fanondroana ny laharana ao amin'ny tetibola tsy hiantsoroka ny fanefana, ny fanombanana izany sara izany eo amin'ny famelabelarana miloko manga. Ny fanefana ny famelabelarana miloko manga natao araka izany dia atao mandritra ny taona anaovana azy amin'ny alalan'ny sorabola voasoratra ka tsy maintsy tsinjavina ao amin'ny tetibola ho famononana sy fanombanana ivelan'ny faritra momba ny toekarena amin'ny fanaovana ny tetibolam-panjakana.

Ny fanarenana izay mety ho fihoarana ny sorabola ao amin'ny laharana ao amin'ny tetibola novinavinaina araka izany dia atao amin'ny lalàna itantanana ny Volam-panjakana manaraka na raha ela indrindra amin'ny lalàna fandravonana.

Ny fombafomba iatrehana izany dia faritana amin'ny alalan'ny tenimita ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Tetibola.

TOKO IV : **FAKANA NY ENTANA** **Sokajy I** **Fitsipika ankapobe**

And. 125.-1° Tsy misy mihitsy entana azo esorina tao amin'ny biraon'ny fadintseranana raha tsy efa naloa mialoha, napetraka na niantohana ny sara sy haba

2° Tsy azo atao ny maka ny entana raha tsy misy fanomezan-dalana avy amin'ny Fandraharaha ny Fadintseranana

3° Raha vao azo io fanomezan-dalana io dia tsy alaina ny entana

sokajy II **fampitrosana momba ny fakàna ny entana**

And. 126.-1° Ireo Mpandray vola momba ny fadintseranana dia afaka mamela ho alaina ny entana araka ny fizotry ny fanamarinana, sy alohan'ny famaranana sy fanefana ny sara sy haba tsy maintsy aloa, rahefa misy fametrahana antoka ara-dalàna ataon'ireo mpandoa vola ;

- a) ny fanefana ny sara sy haba tsy maintsy aloa sy ireo vola hafa rehetra tokony aloa amin'ny Fandraharahana ao anatin'ny havaloa raha ela indrindra
- b) ny fanefana, ambonin'ny sara sy haba, ny saram-panelanelanana izay kajiana amin'ny habetsahan'izany sara sy haba izany.

2° Ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana ny fombafomba fampiharana izao andininy izao.

Sokajy III

Fampakarana sy fitondrana mankany ivelany ireo entana natao aondrana

And. 127.- Rahefa vita ny fombafomba momba ny fadintseranana, ny entana natao aondrana na amin'ny sambo na amin'ny fiaramanidina dia tsy maintsy aterina avy hatrany eny ambony sambo na eny ambony fiaramanidina.

And. 128.- Ny fampakarana sy ny famindrana ny entana natokana aondrana dia feheziny ny fepetra mitovy amin'izay voalaza :

- a) ao amin'ny paragrafy 1° sy 2° amin'ny andininy faha-62 etsy ambony raha toa ka fanondranana an-dranomasina
- b) ao amin'ny paragrafy 2° amin'io andininy io ihany raha toa ka fanondranana an'habakabaka

And. 129.-1° Tsy misy sambo, feno entana na tsy entana, afa-mivoaka ny seranana alohan'ny ahavitana ny fombafomba momba ny fadintseranana sy raha tsy manana :

- ny taratasy fandefasana entana mikasika ny fadintseranana momba ilay sambo sy ny entana entiny ;
- ny taratasy milaza mazava ny entana voamarin'ny fadintseranana
- **ny antontan-taratasy famantarana ny sambo eny an-dranomasina.**

2° Ny taratasy milaza mazava ny entana, ny taratasy mitanisa ny entana ary ny taratasy fandefasana ny sambo dia tsy maintsy aseho amin'izay rehetra fitakiana ataon'ny mpiasan'ny fadintseranana

And. 130. Ny Mpifehy ny sambo miaramila miala ny seranana dia tsy maintsy mameno ny fepetra rehetra izay tsy maintsy arahin'ny Kapitenin'ny sambom-barotra

And. 131.1° Ny fiaramanidina sivily sy miaramila izay miala ny faritry ny fadintseranana dia tsy afa-miainga raha tsy avy amin'ny seranana ao amin'ny fadintseranana ;

2° Ampiharina amin'ireo fiaramanidina sy amin'ny entana entiny ny fepetra mitovy amin'izay voalazan'ny andininy faha-69.1°, faha-70, faha-71.-1° ary faha-72 amin'izao Fehezan-dalàna izao

LOHATENY VI

FAMPANDALOVANA SY FITONDRANA ARA-TOEKARENA

TOKO VOALOHANY

FITONDRANA ANKAPOBE NY TARATASY FILAZANA ANTOKA

And. 132.-1° Ny entana dia tsy maintsy atoetra ho arovan'ny taratasy filazana antoka raha toa izany ka taterina ety an-tanety, eny an-dranomasina na eny an'habakabaka, avy amin'ny toerana iray mankamin'ny toerana iray hafa ao amin'ny faritry ny fadintseranana ho fampihantonana ny sara sy haba, na fandrarana

2° Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka mandidy ny fanaovana ny taratasy filazana antoka hiantohana ny fahatongavan'ny entana sasantsasany na ny fahavitany ny fombafomba sasantsasany.

And. 133. Ny taratasy filazana antoka dia ahitana, ankoatry ny fanambarana **tsotsotra** na amin'ny antsipiriany ny entana, ny fanekena **miaraka sy** itambarana ataon'ny tena tompon'adidy sy ny fiantohana ataony fa hanatanteraka, ao anatin'ny fe-potoana voafetra sy araka ny sazy momba ny zo, ny adidy aman'andraikitra voalazan'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika.

And. 134. Raha toa ny entana ka tsy voarara, ny fiantohan'ny antoka dia azo soloina ny fametrahana ny sara sy haba.

And. 135.-1° Rahefa hita fototra fa voahaja ny fanekena natao, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia manao ny fanonerana ny sara sy haba mety ho efa napetraka, manafaoana ny fanekena ary manala rakaraka ny nanao ny fanekena.

2° Ny fandraharahana ny Fadintserana dia afaka mampiankina ny fanalana arakaraka ny taratasy filazana antoka na ny tahirin-kevitra ara-dalàna mahasolo izany, amin'ny famononana taratasy fanamarinana nomen'ny Manampahefana notondroina, manamarina fa ny entana dia tena nahazo ny fitondrana mikasika ny fadintseranana izay nanokanana azy mialoha.

3° mba hisorohana ny hosoka, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka mampiankina ny fanalana arakaraka ny taratasy filazana antoka notononina hiantohana ny fanondranana ny entana sasantsasany, amin'ny famononana taratasy fanamarinana, na nomen'ny

Manampahefana any amin'ny consulat, na ny fadintseranana any amin'ny tany anefasana ny entana;

And. 136.1° Ny fanalàna arakaraka dia tsy omena afa-tsy ho an'ny habetsahana voalaza ao amin'ny toerana handefasana

2° Ny habetsahana tsy voalaza dia azo ampandoavina ny sara sy haba manan-kery amin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny taratasy filazana antoka sy ny sazy ampiharina dia ferana, raha ilaina, araka ireo sara sy haba ireo ihany. Raha toa ka voarara ny entana, ilay tena tompon'adidy sy ny antoka nataony dia tsy maintsy manefa ny sandany.

3° Raha toa ka misy fahaverezana noho ny fisian'ny anton-javatra tsy azo anoharana hita fototra ara-dalàna, dia azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana atao ny manafaka ilay tena tompon'adidy sy ny fiantohana nataony amin'ny fanefana ny sara sy haba fidirana na, raha toa ny entana ka voarara, ny fanefana ny vidiny.

And. 137 - Ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana ny fombafomba fampiharana ny andininy faha-132 ka hatramin'ny 136 etsy ambony

And. 138 - ampiharina amin'ny taratasy filazana antoka rehetra izay tsy ahitana fitsipika momba izany hafa ao amin'izao Fehezan-dalàna izao ny fepetra voalazan'izao toko izao

TOKO II

FAMPANDALOVANA

Sokajy I

Fepetra ankapobe

And. 139.- 1° Ny fampandalovana dia ny fitondrana mikasika ny fadintseranana izay nametrahana ny entana notaterina ho eo ambany fanaraha-maso mikasika ny fadintseranana ataon'ny birao iray amin'ny iray hafa amin'ny fampihantonana ny sara sy haba ary ny fepetra fandràna.

2° Mba hisitrahana ny fampandalovana, ny mpanonona dia tsy maintsy manonona fanambarana amin'ny antsipiriany ahitana ny fanekena misy antoka anekeny fa, mba tsy iharan'ny sazy momba ny zo, hanao izay ahatongavan'ny entana nanaovana fanambarana any amin'ny birao voatondro, ka mbola tsy rava ny kase, ao anatin'ny fe-potoana voafetra sy hanaraka ny lalàna voadidy tsy maintsy aleha.

And. 140. - Tsy tafiditra ao anatin'ny fampandalovana tsy misy fepetra ny entana mitondra famantarana fiaviana malagasy diso sy izay mijanona ho fehezin'ny andininy faha-29 sy faha-30 etsy ambony.

And. 141. N- entana nalefa amin'ny fampandalovana nambara fa aroso hojifaina tao amin'ny biraon'ny fadinteranana nandefasana azy dia fehezin'ny sara sy haba manan-kery tamin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany ho amin'ny fanjifana

An. 142. - Fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana no hamaritana ny fepetra voalazan'izao toko izao.

Sokajy II

Fampandalovana tsotra

And. 143. - Ny entana andoavana sara sy haba na voarara ny fanafarana azy dia alefa any amin'ny fampandalovana ka anaovana taratasy filazana antoka.

And. 144-1° Eo amin'ny fidirana, ny entana nalefa ka fehezin'ny fitondrana ny fampandalovana tsotra dia ambara amin'ny antsipiriany sy hamarinina araka ny fepetra mitovy amin'ny entana nambara fa hojifaina.

2° Amin'izay mikasika ny entana nambara fa aondrana, ny fampandalovana dia miantoka, ankoatra izany, ny fanatanterahana ny fepetra izay iankinan'ny vokany mifandrohy amin'ny fanondranana

3° Ny entana naseho Fandraharahana ny Fadintseranana teo am-piangana dia tsy maintsy aseho indray miaraka amin'ny taratasy filazana antoka na ny tahirin-kevitra mahasolo izany :

a) eny an-dalana amin'izay rehetra fitakiana ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ;

b) eo am-pahatongavana, any amin'ny biraon'ny fadintseranana na ny amin'ny toerana notondroin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

And. 145.- 1° Raha vantany vao tonga any amin'ny toerana anefasana azy, ny entana sy ny fanambarana dia tsy maintsy aseho ao amin'ny biraon'ny fadintseranana ary tsy maintsy atao ny fanambarana ny fitondrana ny fadintseranana ampiharina amin'ny entana. Eo am-piandrasana ny

fametrahana ity farany ity, dia azo ampudinina any amin'ny magazay sy toerana anefana ny fadintseranana ny entana ho fiantohana fa ara-dalàna ny fitondrana ny fampandalovana.

2° Ny mpanonona sy ny antoka ataony dia samy miara-tompon'andraikitra sy miombon'antoka amin'izany manoloana ny Fandraharahana ny Fadintseranana mikasika ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra avy amin'ny fitondrana ny fampandalovana.

3° Ny fanolorana hojifaina ny entana nahazoana ny fitondrana momba ny fampandalovana dia atao araka ny fepetra mitovy amin'ny an'ireo nafarana mivantana avy any ivelany.

Sokajy III

Ny fampandalovana an'arabe eto amin'ny firenena

Fandefasana avy amin'ny biraon'ny fadintseranana voalohany mankamin'ny birao faharoa aorian'ny fanambarana tsotsotra

And. 146. - Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka tsy mampanao ny fanambarana amin'ny antsipiriany ao amin'ny biraon'ny fadintseranana voalohany ny entana izay tsy maintsy alefa any amin'ny birao faharoa mba hampanarahana izany fombafomba izany.

And. 147.- Amin'ny fitrangan-javatra voalaza ao amin'ny andininy faha-146 etsy ambony, ny mpitatitra ny entana dia tsy maintsy, ao amin'ny birao voalohany hidirana :

a) mamonona ny taratasy filazam-pitaterana mikasika ny entana,

b) mamonona taratasy filazana antoka izay tsy maintsy anambarany, ny isa sy karazan'ny fonosan'entana, ny mari-pamantarana sy ny laharany, ary koa ny lanjan'ny tsirairay amin'izany sy ny karazan'ny entana ao anatiny.

And. 148. Ny Mpiasan'ny fadintseranana ao amin'ny birao voalohany fidirana dia afaka manao ny fanamarinana ny fitanisana ao amin'ny taratasy filazana antoka. Ny taratasy filazam-pitaterana dia tsy maintsy atovana io taratasy filazana antoka io.

And. 149. Ny fanambarana tsotsotra dia azo ahitsy amin'ny alalan'ny fanambarana amin'ny antsipiriany napetraka ao amin'ny birao fitodiana

And. 150. Ny fampandalovana an'arabe eto amin'ny firenena dia omena ny orinasa afa-kaba, ny mpitrandraka ny toeram-piantsonan'ny conteneurs miorina eto Madagasikara **ary koa ireo orinasa sy sosaiety nanao volavolam-pifanarahana tamin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana**, momba ny fandefasana ilalana ny entany ao anaty conteneurs

a) amin'ny fanafarana, avy amin'ny biraon'ny fadintseranana nampidinina ny entana hatrany amin'ny birao iankinany ho an'ny mpitrandraka ny toeram-piantsonan'ny conteneurs mba hanatontosana ao ny fombafomba ara-dalàna fanefana ny fadintseranana, na hatrany amin'ny orinasan'izy ireo ho an'ny ZFI, ny Orinasa afa-kaba **na orinasa sy sosaiety nanao volavolam-pifanarahana tamin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana** eo am-piandrasana ny fahavitan'ny fombafomba ara-dalàna fanefana ny fadintseranana ;

b) amin'ny fanondranana, avy amin'ny birao iankinany, rahefa vita tao amin'ny fombafomba ara-dalàna mikasika ny fanondranana hatrany amin'ny biraon'ny fadintseranana tena hampakarana ny entana. Ny misitraka ny fitondrana ny fampandalovana an'arabe eto amin'ny firenena dia tsy maintsy :

a) manonona fanekena omban'antoka isan-taona hiantsohona izay mety ho sazy voalaza mikasika ny taratasy filazana antoka raha sendra misy fandikan-dalàna.

b) Manana fitaovam-pitaterana an'arabe ankatoavin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana azo fantarina amin'ny alalan'ny takelaka TNR

Ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana ny fombafomba fampiharana izao andininy izao.

Sokajy IV

Fampandalovana iraisam-pirenena

And. 151. - 1° Ny fitondrana voalaza ao amin'ny III amin'izao toko izao dia azo omena amin'ny ankapobeny ireo orinasam-pitaterana tondroin'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana. Amin'izany dia mandray ny anarana fampandalovana iraisam-pirenena izy.

2° Ny orinasa misitraka ny Fampandalovana iraisam-pirenena dia tsy maintsy mametraka ho ampiasain'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ny magazay izay handraisana ny entana mandra-piandry fitondrana raikitra momba ny fadintseranana mifehy izany ary koa ny fanorenana sy fitaovana ilaina amin'ny fanefana ny fadintseranana mikasika azy ireo. Io adidy aman'andraikitra io dia azo afindra aminà antokon-draharaha hafa nankatoavin'ny Fanjakana, amin'ny alalan'ny fifanarahana na fifanekena.

TOKO III

ANKAPOBEN-JAVATRA MOMBA NY FITONDRANA ARA-TOEKARENA

And. 152.-1° Ny fitondrana ara-toekarena dia ahafahana manao ny fanobiana, ny fanodinana, ny fampiasana ny entana izay nahantona ny saran'ny fadintseranana ary koa ireo sara sy haba hafa rehetra sy ny fepetra fandraràna eo ara-toekarena izay azo ampiharina aminy.

2° Ny fitondrana mikasika ny fadintseranana eo toekarena dia ahitana :

- ny fametrahana entana eo Fadintseranana
- ny fametrahana entana eo indostria ; ny fampidirana entana mandritra ny fotoana tsy maharitra ;
- ny fampidirana entana mandritra ny fotoana tsy maharitra ho fanatsarana mavitrika ny entimihetsika
- ny fanondranana entana mandritra ny fotoana tsy maharitra
- ny fanondranana entana mandritra sy fotoana tsy maharitra ho fanatsarana miandry fotsiny ny hana
- ny fanodirana tsy andoavana Fadintseranana
- ny fanafarana sy fanondranana mandritra ny fotoana tsy maharitra ny zavatra an'olon-tokana an'ny mpandeha ;
- ny ozinina tazonina

And. 153. – Tsy tohinina ny fanavahana manokana ho an'ny tsirairay amin'ireo fitondrana eo toekarena mikasika ny fadintseranana, tsy tafiditra ao anatin'ireo fitondrana ireo ny entana nanaovana fameperana na fandraràna mifototra amin'ny fiheverana momba ny fahasalamana, na ny fandriam-pahalemana, ny filaminam-bahoaka, ny fitandroana ny fahasalamana na ny fahasalamam-bahoaka, na ny fiheverana momba ny fitsaboana ny biby na ny fitsaboana miankina amin'ny zavamaniry, na mikasika ny fiarovana ny birendy, mari-panamboarana, zon'ny mpamorona sy hamoaka indray na manao ahoana na manao ahoana ny habetsahany, ny firenena nihaviany, nipoirany na andefasana izany.

And.154. – Mba hisahanana ny fizohina ny raharaha manana endrika varotra atao anatin'ny fitondrana eo toekarena, ny Fandraharahana sy ny mpanao fanononana dia samy mitana ary sarotra izay ahitana :

- andaniny, ny karazana, ny habetsahana ary ny sandan'ny entana natoetra ho feheziny fitondrana eo toekarena ;
- ankilany ny karazana, ny habetsahana ary sandany vokatry fanova sy ny entana ekena hiantohana ny fahamarinana ary koa, raha ilaina, ny karazana, ny habetsahana ary ny sandany faika.

Ny sora-bola tanan'ny mpanonona dia tsy maintsy ahafahana mamantatra isaky ny karazany, ny habetsahany ary ny sandany, ny entana tehirizina any amin'ny toerany sy ireo izay mety averina hafindra tanana indray araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-197 etsy ambany.

Didim-pitondrana ataon'ny minisitry miandraikitra ny Fadintseranana no hametra ny endrika sy ny fombafomba fitanana izany sorabola izany.

And. 155. – Ny mpanonona sy ny antoka dia afahana tanteraka na, raha misy izany, ny vola napetra dia averina tontolo, rehefa hita ny fanamarinana fanalana arakaraka voamarina ara-dalàna nomen'ny mpiasan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana

Na izany aza anefa, raha misy apurement fanefana ampahany mifanesy ao amin'ny Kaontin'ny fitondrana eo toekarena izay nametrahana ny entana, ny mpanonona sy ny antoka dia afahana ampahany amin'ny fiantohana na ameranana ny sara sy haba napetraka, rehefa hita ny fanamarinana ny fanalana arakaraka voamarina ara-dalàna, nomen'ny mpiasan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, amin'ny fiafaran'ny raharaha fanefana ampahany tsirairay sy hatramin'ny habetsahany nefaina.

And. 156. – Ny biraon'ny Fadintseranana mahefa nosokafana ho amin'ny fanafarana sy fanondranana ny entana nanaovana fanambarana hofeheziny iray amin'ireo fitondrana eo toekarena momba ny fadintseranana ireo dia tondroina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny minisitry miandraikitra ny Fadintseranana.

TOKO IV
Fametrahana entana amin'ny fadintseranana
Sokajy I
Ankapoben-javatra

And. 157. – 1° Ny fametrahana entana amin'ny fadintseranana dia ny fitondrana momba ny fadintseranana izay ahafahana manoby entana eo ambany fanaraha-maso ataon'ny fadintseranana any amin'ireo toerana ankatoavin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ka ampihantonana ny sara sy haba ary ny fepetra ara-toekarena

2° misy sokajiny efatra ny fametrahana entana amin'ny fadintseranana :

- ny fametrahana ho an'ny besinimaro ;
- ny fametrahana manokana ;
- ny fametrahana ho an'ny tsy miankina amin'ny fanjakana ;
- ny fametrahana eo indostria

And. 158. – Ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia misokatra ho an'ireo rehetra mpampiasa ho fanobiana ny entana na inona na inona karazany afa-tsy ireo izay navahana ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-153 amin'izao Fehezan-dalàna izao

Ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia atao hoe manokana raha toa ka ampiasaina amin'ny fanobiana ny entana ;

- izay mety hitera-doza na mety hanimba ny fahatsaran'ny entana hafa ny fipetrahana ao amin'ny toeram-panobiana ;
- izay mila fanorenana manokana ny fitehirizana azy

SOKAJY II
Fametrahana ho an'ny besinimaro

And. 159. – Azo raisina ho ao amin'ny fametrahana ho an'ny besinimaro ny entana ;

- nafarana, eo amin'ny fivoahany ny magazay na toerana hanefana ny Fadintseranana ;
- natoetra ho fehezin'ny fitondrana mikasika ny fadintseranana eo toekarena
- natokana aondrana hahazoana ny famerenana ny sara sy haba sy raha misy izany, ny tombontsoa avy amin'izany fanondranana izany

And.160. – Ankoatra ny fanavahana voalazan'ny andininy faha-153 etsy ambony, ny entana sasantsasany dia azo avahana ihany koa tsy ho ao amin'ny fametrahana araka ny didim-pitondrana ataon'ny minisitra miandraikitra ny Fadintseranana, rahefa nanome ny heviny ireo minisitra voakasika.

§ 1 – Famoizana ny fametrahana ho an'ny besinimaro

And. 161 – 1° Ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia afoy amin'ny alalan'ny didim-panjakana ary araka ny zom-pialohana ho an'ny kaominina na ny antenimieram-barotra ;

2° Ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia ekena raha toa ka mifanitsy amin'izay zavatra ilaina ankapobe hita fatora ara-dalàna izany ; amin'io fisehoan-javatra io dia Fanjakana no miantSOROKA ny saram-panatontosana ny asa, azo atao ihany ho ny mamoy azy ka anjaran'ilay namoizna no mizaka manontolo na ampahany ihany ny saram-panatontosana ny asa, ka jerena amin'izany ny ambaratongan'ny tombontsoa ankapobe hita ao aminy ;

3° Ny didim-panjakana momba ny famoizana no mamaritra ny fepetra takiana amin'ilay namoizana sy mametra, raha ilaina, ny ampahany aty am-boalohany amin'ny saram-panatontosana ny asa izay tsy maintsy hiantSOROHANY ;

4° Ilay namoizana dia mandray ny haba momba ny fanobiana entana amin'ny magazay ka ny lazam-bidy dia tsy maintsy ankatoavina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny minisitra miandraikitra ny Fadintseranana rahefa nakana hevitra ny vondrombahoaka sy antokon-draharaha voalaza ao amin'ny paragrafy 1° etsy ambony ;

5° Ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia azo atao varo-maty amin'ny alalan'ny lavanty ka ifampisongonana sy anaovana dokambarotra ;

6° Fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka ihany koa mampanjary ho fametrahana **ho an'ny besinimaro** momba ny fadintseranana, mandritra ny fotoana tsy maharitra, ny toerana natokana handraisana ny entana ho an'ny fifaninanana, fampirantiana, foara momba ny santionan-javatra na hihetsiketsehana hafa mitovy karazana amin'izany

§ 2. – *Fanorenana sy fananganana ny fametrahana ho an'ny **besinimaro***

And. 162. – 1° Ny toerana, ny fanorenana ary ny fanajariana ireo toerana hisy ny fametrahana ho an'ny besinimaro dia tsy maintsy ankatoavin'ny minisitra miandraikitra ny Fadintseranana.

2° Ny fametrahana dia ahitana ny fananganana, maimaimpoana , ny andian'ny mpiambina, ny birao ary ny trano fonenana natokana ho an'ny mpiasan'ny Fadintseranana

3° Ny fandania momba ny fanorenana, ny fanambarana ary ny fikojakojana dia hiantsohohan'ilay namoizana

§ 3. – *Fanaraha-maso ny fametrahana ho an'ny **besinimaro***

And. 163. – 1° Ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** dia eo ambany fanarahamaso ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana nefa eo ambany fiambenana mivantana ataon'ilay namoizana ny magazay

2° Ny varavarana rehetra ao amin'ny fametrahana entana dia hidina amin'ny lakile roa samy hafa, ka ny iray dia tazonin'ny mpiasanan'ny fadintseranana

§ 4. – *Fijanonan'ny entana ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** sy fanetrehana omen-dalana*

And. 164. – Azo ajaona eo amin'ny fametrahana entana ho an'ny besinimaro mandritra ny herintaona ny entana

And.165. – 1° didim-pitondrana ataon'ny minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no mamaritra ny fanetsehana izay atao amin'ny entana natoetra ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** ary koa ny fepetra iankinan'izany fanetsehana izany.

2° Ireo didim-pitondrana ireo dia afaka, ho fitandroana ny tombontsoan'ny varotra amin'ny fanondranana na fanondranana indray, mandingana ny fandraisana voalazan'ny lalana na ny didy amam-pitsipika manokana.

And. 166. – 1° Ny mpametrika entana dia tsy maintsy manefa ny sara sy haba Momba ny entana izay tsy azony atolotra amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana amin'ny habetsahany mitovy. Raha voarara ny entana dia tsy maintsy manefa ny vidiny izy ireo.

2° Na izany aza anefa, ny fatiantoka ateraka, na ny fanesorana ny vovoka, vato sy loto, na ny antony voajanahary dia afahana amin'ny haba

3° Raha toa ny fahaverezan'ny entana natoetra ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** ka avy amin'ny antony tsy azo anoharana hita fototra ara-dalana, dia afahana amin'ny fanefana ny sara sy haba ny mpametrika entana, na, raha toa ny entana ka voarara, amin'ny fanefany ny sandany

4° Raha toa ka misy halatra mikasika ny entana natoetra ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro**, dia afahana ihany koa amin'ny fanefana ny sara sy haba na ny sandany ny mpametrika entana, arakaraka ny fisehoan-javatra, raha toa ka vita ara-dalana ny porofo momba ny fisian'ny halatra.

5° Raha toa ka nanaovana ny fiantohana ny entana, dia tsy maintsy hamarinina fa ny fiantohana dia tsy misahana afa-tsy ny sandany eo amin'ny fametrahana ; raha tsy misy izany fanamarinana izany dia tsy azo ampiharina ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3° sy 4° amin'izao andininy izao

§ 5. – *Entana mijanona ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** amin'ny fahataperan'ny fepotoana*

And. 167. – 1° amin'ny fahataperan'ny fe-potoana feran'ny andininy faha-164, ny entana natoetra ao amin'ny fametrahana ho an'ny **besinimaro** dia tsy maintsy aondrana indray na, raha toa ny entana ka voarara, dia feheziny ny sara sy haba tsy maintsy aloa amin'ny fanafarana ;

2° Raha tsy misy izany dia fanerena no atao amin'ny mpametraka entana, any amin'ny fonenany raha ao izy, na any amin'ny biraon'ny ben'ny tanàna na ny distrika raha toa ka tsy ao izy, mba hanatontosana ny iray amin'ireo adidy ireo . Raha tsy misy vokany izany fanerena izany ao anatin'ny fe-potoana iray volana, ny entana dia amidin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny lavanty ampahibemaso

Ny vokatra ny lavanty, rahefa nesorina ny sara sy haba raha toa ka misy fanolorana ho jifaina, sy ny saram-pametrakana entana sy ny karazany hafa rehetra, dia arotsaka ho tehirizina ao amin'ny Trésor amba averina amin'ny tompony raha toa ka misy fitakiana izany ao anatin'ny roa taona manomboka ny andro nanaovana ny lavanty na, raha toa ka tsy misy ny fitakiana ao anatin'io fe-potoana io, dia arotsaka tanteraka ao amin'ny tetibolam-panjakana. Ny entana izay voarara ny fanafarana azy dia tsy azo amidy raha tsy haondrana indray

Sokajy III Fametrakana manokana

§1. Fanokafana ny fametrakana manokana

And. 168.-1° Ny fametrakana manokana dia omen-dalana :

a) ho an'ny entana izay mety hitera-doza, na mety hanimba ny fahatsaran'ny entana hafa ny fametrakana azy ao amin'ny fametrakana ho an'ny **besinimaro**

b) ho an'ny entana izay mila fanorenana manokana ny fitehirizana azy.

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no manondro ireo vokatra azo ampidirina ao amin'ny fametrakana manokana.

2° Ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana no manome ny fahazoan-dalana hanokatra fametrakana entana manokana

3° Ny toerana ao amin'ny fametrakana manokana dia vononon'ny namoizana ; tsy maintsy ankatoavin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ary hidina araka ny fepetra mitovy amin'ny fametrakana entana ho an'ny besinimaro

4° Ny saram-panatontosana ny fametrakana entana manokana dia hiantsohohan'ilay namoizana. Ampiharina amin'ny fametrakana entana manokana ny fepetra voatondro ho an'ny fametrakana ho an'ny **besinimaro** ao amin'ny andininy faha-162.-2° etsy ambony.

And. 169. - Ny mpametraka entana dia tsy maintsy mandray ny fanekena misy antoka hanondranana indray ny entana na, raha toa izany ka tsy voarara izany, manefa ny sara sy haba manankery amin'ny fotoana handefasana azy hojifaina, ary izany, dia ao anatin'ny fe-potoana noferan'ny andininy faha-170.

§2. Fijanonan'ny entana ao amin'ny fametrakana manokana

And. 170. Azo ajanona ao amin'ny fametrakana manokana mandritra ny herintaona ny entana.

And. 171. Ny fitsipika noferana ho an'ny fametrakana entana hita vatana ao amin'ny andininy faha-165 sy faha-166.1°, 2°, 3° sy 5° dia ampiharina amin'ny fametrakana entana manokana.

Sokajy IV Fametrakana entana tsy miankina amin'ny fanjakana

And. 172.-1° Ny fametrakana entana tsy miankina amin'ny fanjakana dia azo ekena ho an'ny vatantenan'olona na fikambanana mba ho am-piasainy samy irery hametrakana ny entana mifandraika amin'ny asa ataony eo am-piandrasana ny fitondrana hafa momba ny fadintseranana nekena ampizakaina azy ireo.

2° Ny fametrakana tsy miankina amin'ny fanjakana dia atao trosa raha toa izany ka nafoy ho an'ny vatantenan'olona na fikambanana manao ho anton-draharaha, tena ifotorana na saikiny, ny fametrakana entana ho an'ny olon-kafa

Ny famoizana dia omena araka ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana, rahefa nanome ny heviny ireo Minisitra voakasika.

3° Ny fametrakana tsy miankina amin'ny fanjakana dia atao hoe manokana raha toa izany ka omena ny orinasa eo amin'ny sehatry ny indostria na ny varotra mba hampiasainy samy irery. Ny fanomezan-dalana hanokatra fametrakana tsy miankina amin'ny fanjakana manokana dia omen'ny

Tale Jeneralin'ny Fadintseranana. Io fanomezan-dalana io no mametra ny loloha zakain'ilay nahazo tombontsoa noho ny fanaraha-maso izany fametrahana entana izany.

4° ny vatantenan'olona na fikambanana misitraka ny didim-pitondrana famoizana toeram-panobiana dia antsoina hoe "namoizana ny fametrahana"

And. 173. Ny paika narahina amin'ny famoizana na fanomezana ary koa ny fepetra fananganana, fanaraha-maso, fanaovana andrimaso ary fampandehanana ny toeram-panobiana dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana

§1- Fananganana fametrahana entana tsy miankina amin'ny fanjakana

And. 174.-1° Didim-pitondrana ataon'ny Minisitara miandraikitra ny Fadintseranana no manondro ny entana azo ampidirina ao amin'ny fametrahana **tsy miankina amin'ny fanjakana** sy ny toerana azo ananganana ny fametrahana **tsy miankina amin'ny fanjakana**.

2° Ny fametrahana entana **tsy miankina amin'ny fanjakana** dia aorina any amin'ny magazay fivarotana, eo ambany fiantohana ny fanekena misy antoka ny hanondrana indray ny entana, na, raha toa izany ka tsy voarara, ny hanefana ny sara sy haba manan-kery amin'ny fotoana andefasana izany hojifaina, ary izany dia, ao anatin'ny fe-potoana noferan'ny andininy faha-175 etsy aoriana.

§2. Fijanonan'ny entana ao amin'ny fametrahana tsy miankina amin'ny fanjakana sy fanetsehana omen-dalana

And. 175. Azo ajanona ao amin'ny fametrahana **tsy miankina amin'ny fanjakana** mandritra ny fe-potoana enim-bolana azo avaozina indray mandeha ihany ho an'ny fe-potoana mitovy amin'izany ny entana.

And. 176. Ny fitsipika noferana ho an'ny fametrahana **miankina amin'ny fanjakana** ao amin'ny paragrafy 1° amin'ny andininy faha-166 etsy ambony, dia ampiharina amin'ny fametrahana entana tsy miankina amin'ny fanjakana, eny fa na dia misy halatra sy loza miseho aza.

And 177. Didim-pitondrana ataon'ny Minisitara miandraikitra ny Fadintseranana , araka ny fepetra sasantsasany, manome alalàna ny fikirakirana ny trano fametrahana entana **tsy miankina amin'ny fanjakana** ,ary raha misy ilana izany,manome fanafahana amin'ny sara sy haba ny fatiantoka vokatr'ireny lahasa ireny

Sokajy V

Trano fametrahana entana ara-indostria

And 178- Ny trano fametrahana entana ara-indostria no mamorona ny fitondrana momba ny fadintseranana ampiharina amin'ireo orinasa izay, miasa ho amin'ny fanondranana na ny fanondranana sy ny tsena anatin'ny miaraka, dia azo omen-dàlana hanao ny fampiasana ny entana nahazoana fampihantonana amin'ny saran'ny fadintseranana sy ny haba izay tokony mihatra amin'ny noho ny fanafarana entana

Amin'izany, ireo orinasa ireo dia apetraka eo ambanin'ny fanaraha-mason'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana

And 179- Ny tombontsoa amin'ny fitondrana ny fametrahana entana ara-indostria dia azo omena araka ny fanapahana ataon'ny Minisitara miandraikitra ny Fadintseranana

Ny fanapahana no mametra ny faharetana anomezana ny fitondrana, ary raha ilaina, ny habetsahan'ny entana mety ahazo izany tombontsoa izany, ny fe-potoana ijanonany ao amin'ny trano fametrahana entana, ny isan-jaton'ireo vokatra atao setriny avy izay tsy maintsy ahondrana ary ireo izay azo alefa ho amin'ny fanjifana

Amin'ny fahataperan'ny fe-potoana ijanonana ao amin'ny trano fametrahana entana ara-indostria ary raha tsy misy fanalavana, ny sara sy haba mifandraika amin'ny entana izay mbola fehezina'io fitondrana io ihany dia takiana avy hatrany

And 180. Raha tsy hoe fanomezan-dàlana avy amin'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana, ny entana nafarana tamin'ny fitondrana ny fametrahana entana ara-indostria sy ny vokatra azo amin'ny fampiasana izany dia tsy azo anaovana famindrana mandritry ny fotoana ijanonany amin'io fitondrana io

And 181. Raha sendra misy ny fandefasana amin'ny fanjifana ny vokatra atao setriny, ny sara sy haba halaina dia ireo izay mifandraika amin'ny entana nafarana nampiasaina mba ahazoana izany vokatra atao setriny izany, arakaraky ny karazany sy ny toetran'ireny entana ireny teo amin'ny fidirany ao amin'ny trano fametrahana entana ara-indostria ireny.

Ny sara sy haba ampiharina dia izay manan-kery amin'ny vanin'andro nandraiketana am-boky ny fanambarana fandefasana amin'ny fanjifana

And 182. Ny fombafomba fampiharana ireo fepetra voalazan'ity toko ity dia ho faritana amin'ny didim-pitondrana atao'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana.

Sokajy VI

Fepetra samihafa ampiharina amin'ireo trano fametrahana entana rehetra

And 183- Mandritry ny fijanonany ao amin'ny trano fametrahana entana, ny entana dia tsy maintsy aseho amin'ny fangatahana rehetra ataon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana izay afaka manao ny fanaraha-maso sy fanisana rehetra heveriny fa ilaina

And 184- Manokana fotsiny ihany sy raha toa ny entana ka amin'ny toetrany tsara, ny fe-potoana faritan'ny andininy faha-164, faha-170, ary faha-175 etsy ambony dia azo halavain'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana, araka ny fangatahana ataon'ny mpametraka entana

And 185- Ny fandefasana ny entana ao amin'ny trano fametrahana entana iray mankany amin'ny trano iray hafa, na any amin'ny biraon'ny fadintseranana dia tanterahina araka ny fitondrana momba ny fampiseranana

And 186- 1° Raha misy fandefasana ho amin'ny fanjifana aorian'ny fametrahana ny entana, ny sara sy haba ampiharina dia izay mana-kery amin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany ho amin'ny fanjifana

2° Raha toa izany ka tsy maintsy efaina amin'ny fatiantoka, ny sara sy haba ampiharina dia izay manan-kery amin'ny vaninandro ivoahana farany ao amin'ny trano fametrahana entana

3° Raha toa izany ka tsy maintsy efaina amin'ireo entana nesorina tao amin'ny toerana fametrahana entana, ny sara sy haba ampiharina dia izay manan-kery amin'ny vaninandro fizahana fototra ny fanesorana

4° Ho an'ny entana notataovana arakaraky ny sandany na norarana, ny sanda ho raisina , arakaraky ny toe-java-misy, dia ny an'izany entana voalaza izany amin'ny iray amin'ireo vaninandro voatondro ao amin'ny paragrafy 1°, 2°, ary 3° amin'ity andininy ity; faritana araka ny fepetra soritana ao amin'ny andininy faha-23 sy faha-24 etsy ambony izany

And 187- 1° Raha toa ny entana ka niharan'ny fikirakirana na fanodinana any amin'ny trano fametrahana entana ka nambara fa alefa ho amin'ny fanjifana, ny fandraisana ny sara sy haba dia afaka omen-dàlana isaky ny sokajy arakaraky ny karazan'ireny entana ireny sy mifototra amin'ny habetsany fantatra sy eken'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana amin'ny vaninandro hidiran'izy ireo ao amin'ny trano fametrahana entana.

2° Raha toa ny entana napetraka tao amin'ny trano fitahirizana entana any amin'ny taratasy fanalana andraikitra ao amin'ny kaonty momba ny fampidirana entana tsy maharitra ka nambara ho amin'ny fanjifana, ny fakana ny sara sy ny haba dia azo omen-dàlana isaky ny sokajim-bokatra sy arakaraky ny karazan'ireny entana ireny ary mifototra amin'ny habetsahana nankatoavina sy nomen'ny Fandraharahan'ny fadintseranana amin'ny vaninandro anekena azy ireo hiditra tsy maharitra.

3° Raha toa ka ampiharina ny fepetra voalazan'ny paragrafy voalohany sy faha-2 amin'ity andininy ity, ny sara sy haba ampiharina dia ireo izay manan-kery amin'ny vaninandro fanoratana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany ho amin'ny famelana hojifaina, ny sandany horaisina amin'ny fampiharana ireo sara sy haba voalaza ireo, raha toa izy entana notataovana haba araka ny vidin'ny vokatra

na voarara amin'ny endriny andoavany hetra, dia faritana amin'io vaninandro io ihany koa, araka ny fepetra faritana ao amin'ny andininy faha-23 sy faha-24 etsy ambony.

4° Ny fahazoan-dàlana ilaina ahazoana tombontsoa voalazan'ity andininy ity dia omen'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana

And. 188- Ny nomen-dàlana amin'ny trano fitahirizana entana dia manana andraikitra manoloana ny Fandraharahana hatramin'ny fotoana tena hanalana ny entana, amin'ny alalan'ny fahazoan-dàlana ara-pitsipika omen'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana

And 189- Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no mamaritra ny fomba fampiharana ny fepetra lazain'izao toko izao.

TOKO V **FAMPIDIRANA ENTANA TSY MAHARITRA**

And.190- 1° Ny atao hoe «fampidirana tsy maharitra », dia ny fitondran' ny fadintseranana izay ahafahana miditra eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, amin'ny fampihantonana ny sara sy haba, ka tsy misy fampiharana fandrarana miendrika ara-toekarena, ireo entana nafarana manana tanjona voafaritra sy natao ho aondrana indray ao anatin'ny fe-potoana voafetra :

- a) na amin'ny toetrany, tsy niharan'ny fanovàna ankoatry ny fihenana'ny lanjan'ny entana vokatry ny fampiasana izay natao araka ny fepetra faritan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana araka ny tolokevitra avy amin'ireo Minisitra voakasika.
- b) na rehefa niharan'ny fanodinana, fanamboarana, famenon'ny mpiasa na fanamboarana ny simba ao anatin'ny fanatasarana ny ho enti-miasa

2° Na izany aza, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka manome ao anatin'ny fepetra faritana miaraka amin'ireo Minisitra voakasika, fahazoan-dàlana momba ny fampidirana entana tsy maharitra amin'ireto toe-javatra manaraka ireto :

- fampidirana zavatra hamboarina, hanaovana andrana na fanazarana
- fampidirana fitaovana sy fiara mikodia ao anatin'ny fifanekena na fifanarahana nifanaovana teo amin'ny vahiny sy i Madagasikara.
- fampidirana fitaovana, fiasana sy/na kojakoja ao anatin'ny sehatry ny tsenabe iraisam-pirenena ;
- fampidirana fitaovana miendrika an'olon-tokana sy manokana tsy azo atao ankapoben-javatra
- fampidirana fonosana feno izay aondrana foana indray
- fampidirana fitaovana natokana hanatanterahana asa vaventy

Amin'ireo tranga ireo, ny didim-pitondrana sy ny fanapahana manaiky ny fampidirana entana tsy maharitra dia mety tsy afaka mampihantona afa-tsy ampahany amin'ny tentin'ny sara sy haba

3° Ny didim-pitondrana na ny fanapahana amin'izao andininy izao dia manondro :

- a) ny fepetra izay tokony hampiasana ny entana amin'ny toetrany
- b) ny endriky ny famenon'ny mpiasa, ny fanamboarana na fanodinana izay ampiharana ny entana ary, amin'io tranga farany io, ny vokatry ekena atao setriny amin'ny kaonty fampidirana entana tsy maharitra ary koa ny fepetra izay anaovana io fanonerana io

And. 191- Mba ahazoana misitraka ny fampidirana entana tsy maharitra, ny mpanafatra entana dia tsy maintsy manao filazana omban'antoka izay anaovany fanekena :

- a) fa hanondrana indray na hametraka amin'ny trano fitahirizana entana, ny vokatry ampidirana vonjimaika, ao anatin'ny fe-potoana **roa ambinifolo volana; azon'ny Fandraharahana halavaina io fe-potoana io araka ny fangatahana voamarina ara-dalàna ataon'ilay olona fototra tsy maintsy manao izany**
- b) fa hanatanteraka ireo adidy aman'andraikitra voadidin'ny fitsipika mikasika ny fampidirana entana tsy maharitra sy hizaka ny sazy ampiharana raha sendra fandikan-dalàna na tsy fanefana ireo filazana fandoavam-bola

And. 192- Ny fizahana fototra ataon'ny laboratoaram-panjakana ara-dalàna mikasika ny firafitry ny entana naseho tamin'ny fanefana ny filazana fandoavam-bola momba ny fampidirana entana tsy maharitra dia tena raikitra

And. 193- 1° Afa-tsy fanomezan-dalàna avy amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, ny entana nafarana tamin'ny alalan'ny fitondrana fampidirana entana tsy maharitra ary raha misy ilana

izany, ny vokatra avy amin'ny fanodinana na ny fanamboaran'azy ireo dia tsy azo amidy mandritry ny fotoana ipetrahan'izy ireo amin'io fitondrana io

2° Ny fanodinkodinana ireo entana misitraka fampidirana tsy maharitra amin'ny tanjony manokana dia iharan'ny fepetra voalazan'ny andininy faha 358.-5° sy 370-4° amin'ity Fehezan-dalàna ity avy hatrany

TOKO VI

FAMPIDIRANA ENTANA TSY MAHARITRA HO AMIN'NY FANATSARANA NY HO ENTI-MIHETSIKA

And. 194- 1° Ny fampidirana tsy maharitra ho amin'ny fahatsarana ny ho enti-mihetsika dia fitondrana ahazoan'ny olona mampiasa na afaka mampiasa fitaovana ilaina amin'ny famoronana, na fanamboarana na famenon'ny mpiasa, manafatra amin'ny fampihantonana ny sara sy haba izay ampiharina aminy, ny entana kendrena ho amin'ny fanodinana, fanamboarana na famenon'ny mpiasa ary koa ireo entana izay ny lisitra dia navaoka tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana rehefa nakana ny heviny ny Minisitra voakasika, entana izay tsy hita ao amin'ireo vokatra atao setriny nefa ahafahana mahazo ireny vokatra ireny, na dia tsy hita tanteraka na ny amin'ny ampahany aza mandritra ny fampiasana azy

Na izany aza anefa, ny entana mila fitandremana sy mitana ny laka izay ny fanafarana dia iharan'ny fanomezan-dàlana manokana sy hita ao amin'ny lisitra feran'ny didy amam-pitsipika dia tsy afa-misitraka io fitondrana io raha tsy misy fahazoan-dàlana nomena araka ny fepetra faritan'ny didy amam-pitsipika

2° Raha tsy famelana handingana fepetra neken'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana, ny faharetan'ny fijanonan'ny entana farafahalavany amin'ny fitondrana fidirana vonjimaika hisian'ny fahombiazana mavitrika dia roambinifolo volana manomboka amin'ny vaninandro nanoratana am-boky ny fanambarana ny fanafarana entana

3° Raha tsy famelana handingana fepetra neken'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ny fanambarana momba ny fampidirana entana tsy maharitra misy vaninandro dia tsy maintsy atao amin'ny anaran'ilay olona izay hanatanteraka na hampiasa ny entana nafarana

4° Ireny entana ireny, aorian'ny nisian'ny fanodinana, fanamboarana na famenon'ny mpiasa, dia tsy maintsy, na aondrana indray na atao ao amin'ny trano fitahirizana entana alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana voatondro eo amin'ny 2° etsy ambony, raha tsy hoe nisy famelana handingana fepetra nomen'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana

5° Raha toa amin'ny fahataperan'ny fe-potoana nekena, ka tsy naondrana na nalefa ho jifaina ireo entana ireo taorian'ny fanomezan-dàlana, na tsy natao ao amin'ny trano fitahirizana entana, ny sara sy haba ara-dalàna tokony hihatra amin'ireo entana ireo amin'ny fanafarana dia takiana avy hatrany

6° Noho ny famelana handingana ny fepetra 4° amin'ity andininy ity, ampahany iray amin'ny vokatra atao setriny dia azo alefa ho jifaina araka ny fepetra sy ny fifandanjana faritan'ny didy amam-pitsipika

7° Ny fanomezan-dàlana dia azo foanana araka ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana raha toa izany ka nomena avy amin'ny singan-javatra tsy marina na tsy feno na nofoanana raha ny fepetra fanomezana ny fitondrana ka tsy tanteraka na raha toa ny tompony ka tsy manaraka ireo adidy aman'andraikitra

And 195- 1° Ny kaonty momba ny fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika dia azo hamarinina amin'ireo singan-javatra nambaran'ny mpanao tonom-bola

Na izany aza anefa, ho an'ny entana hita eo amin'ny lisitra feran'ny didy amam-pitsipika, ny faniliana ny trosa amin' ireo kaonty ireo dia azo atao araka ny safidin'ny mpanao tonom-bola:

- a) na araka ny voalazan'ny andalàna voalohany amin'ity andininy ity
- b) na araka ny fepetra faritan'ny didy amam-pitsipika

2° Ny singan-javatra mikasika ireo fepetra faniliana ny trosa nambaran'ny mpanao tonom-bola dia arahin'ny Fandraharahana maso, ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatry ny roa volana manaraka ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana ny fanondranana indray izay napetraka vokatra ny fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-miasa voakasika

3° Raha toa ny fanaraha-maso voatondro etsy ambony mampiseho fepetra faniliana ny trosa hafa noho izay nambaran'ny mpanao tonom-bola, ny vokatr'ireny fanaraha-maso ireny dia manolo avy hatrany ny singan-javatra nanaovana fanambarana, na eo amin'ny habetsahany sisa ho hampiasaina na ho an'ireo efa nampiasaina na inona na inona fitondran'ny fadintseranana efa natokana ho an'ireo vokatra fanonerana

And . 196-1° Mba ahafahana manatanteraka ny fanamboarana mitsinjarazara, ny famoizana ny vokatra atao setriny, na manao ahoana ny ambaratongam-pamolavolana tratran'ireo vokatra ireo, dia azo atao arak'ireto fepetra manaraka ireto:

- a) fahazoan-dàlana avy amin'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana;

- b) fametrahana ao amin'ny Fandraharahana ny fanalana arakaraka misy anto-bola ahitana ny faneken'ny olona namoy ary koa ny fifanekena mitambatra sy atao omby sisa mita ataon'ny mpivarotra sy ny antoka fa hanatanteraka ny fepetra voalazan'ny lalàna, ny fitsipika ary ny fanapahana manokan' ny fitondrana momba ny fadintseranana fampihantonana ho tombontsoan'ireo entana izay nanaovana fanambarana ireo

Ny antoka, raha toa ka takiana, dia afaka soloina na ho amin'ny fametrahana ny entana izay ny sandany dia tsy hihoatry ny tentin'ny sara sy haba takiana, na amin'izay antoka hafa neken'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana. Raha toa ny antoka ka manana endrika antoka ara-bola ankapobe, ny filazana eo amin'ny taratasy fanalana arakaraka momba ny anto-bola eo amin'ny laharam-pankatoavan'izany antoka izany dia midika ho fanekena ny anto-bola

2° Ny mpivarotra dia tsy maintsy mahafeno ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-194-1° etsy ambony na nahazo alalàna arak'izay lazain'izany andininy izany

3° Ny famoizana ireo vokatra atao setriny izay voavoatra tanteraka mba ho varotana any am-pita ataon'olon-kafa dia mety azo atao araka ny fepetra tondroina ao amin'ny 1°a) sy 1°b) etsy ambony

And 197- Ny entana nanaovana fanambarana araka ny fitondrana fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika dia azo atolotra, eo ambanin'ny fiandraiketan'ny mpanao tonom-bola, ho sahanin'olon-kafa manana fiasana ilaina, ka io olona io dia manome taratasy filazam-paharaisana amin'ny alalan'ny taratasy fanolorana entam-barotra izay ho tehirizin'ny mpanao tonom-bola. Ity farany dia tsy maintsy mandrakitra an-tsoratra ao amin'ny bokiny, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-145 etsy ambony, ny taratasy fanolorana entana natao.

And.198- Raha toa ny habetsahana sy ny hatsaran'ny firafitr'ireo vokatra aondrana ka tsy maintsy faritan'ny laboratoara, dia tsy maintsy ataon'ny laboratoara tendren'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintserana izany.

And.199-1° Noho ny famelana handingana ny fepetra andininy faha 194 etsy ambony, ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana dia afaka manome alalàna ny fanarenana ny kaonty momba ny fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika, ka tsy tohinina ny fampiharana ny fepetra mikasika ireo fandikana ny lalàna manan-kery momba izany.

- a) ny amin'ny fametrahana ho amin'ny fanjifana na izany ny entana amin'ny toetrany izay nanafarana azy, na izany vokatra atao setriny avy amin'ny fanodinana ny entana nafarana teo aloha, ka tsy tohinina indrindra indrindra, ny fanatanterahana ireo fombafomba fanaraha-maso ny varotra ivelany sy ny fifanakalozana ampiharina amin'ireo entana voalaza ireo

- b) ny amin'ny fanondranana indray na ny fametrahana any amin'ny tranao fitahirizana entana, amin'ny toetrany izay nanafarana azy, ny entana tsy afaka nahodina, ny fanamboarana na ny famenon'ny mpiasa voalaza ao amin'ny fanambarana momba ny fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika.

2° Raha toa mampihatra 1° a) izao andininy izao ary na dia eo aza ny fepetra 4° sy 5° ary 6° manaraka ireto, ny sara sy haba dia takiana arakaraky ny karazany sy ny habetsahan'ny entana nekena hampidirina tsy maharitra sy arakaraky ny ampahany amin'ny sara sy haba manan-kery amin'ny andro andraiketana am-boky ny fanambarana momba ny fampidirana entana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana ny ho enti-mihetsika nampitomboina, raha toa izany sara sy haba izany ka tsy napetraka ho antoka voalaza mikasika ny zana-bola amin'ny fahatarana izay ny tentiny dia feran'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana.

Izany zana-bola amin'ny fahatarana izany dia tokony aloa manomboka ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana fampidirana tsy maharitra ho fanatsarana ny ho enti-mihetsika hatramin'ny andro fandraisam-bola katroka.

3° Ny sanda ho raisina dia ny sandan'ireo entana amin'ny vaninandro nandraiketana am-boky izany fanambarana izany.

4° Noho ny famelana handingana ny fepetra 2° sy 3° amin'ity andininy ity, raha toa natao ho amin'ny fanjifana ny vokatra atao setriny voatondron'ny 5° amin'ny andininy faha 194 etsy ambony, ny sara sy haba takiana arakaraky ny karazany sy ny habetsahany nekena hampidirina tsy maharitra sy arakaraky ny ampahan'ny sara sy haba manan-kery amin'ny vaninandro andraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany ny fandefasana ho amin'ny fanjifana.

Ny sandany ho raisina dia ny sandan'ireo entana nafarana teo aloha, amin'ny andro andraiketana am-boky ny fanambarana antsipiriany momba ny fandefasana ho amin'ny fanjifana.

5° Raha toa ny toe-java-misy ka manamarina izany, ny mpanao tonom-bola dia tsy afaka hanao ny fanondranana indray na ny fandefasana ho amin'ny fanjifana ny vokatra atao setriny na ny entana nafarana teo aloha, ireny vokatra ireny dia azo avela ho an'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana na potehina eo anatrehan'ny mpandraharahan'ito farany. Ny mpangataka no miantoka ny lany amin'ny fanapotohana

6° Ny Fandraharahana dia afaka, ao anatin'ny fepetra faritan'ny didy amam-pitsipika, manome alalàna ny fametrahana ho amin'ny fanjifana, amin'ny fanafahana ny sara sy haba ny tsinjara farany sy izay sisa tavela omena ny Fanjakana, ny vondrom-bahoaka eo an-toerana, ny antokon-draharaham-panjakana ary ny fikambanana mpanao soa fantatra fa ilain'ny besinimaro tamin'ny alalan'ny Didim-panjakana.

TOKO VII

FANONDRANANA ENTANA TSY MAHARITRA

And. 200- 1° Antsoina hoe “fanondranana entana tsy maharitra”, dia ny fitondran'ny fadintseranana izay mamela ny fanondranana tsy maharitra, ka tsy ampiharina ny fepetra fandrarana miendrika ara-toekarena sy ao anatin'ny tanjona voafaritry mazava, ny entana natokana ho hafarana indray ao anatin'ny fe-potoana voafetra:

- a) na amin'ny toetrany, tsy niharan'ny fanovana, ankoatry ny fihenan-danja ara-dalàna vokatry ny fampiasana nanaovana azy
- b) na ao anatin'ny *fanatsarana ny vola miala*, taorian'ny fanodinana, fanamboarana, famenon'ny mpiasa na fanamboarana ny simba

- 2° Ny tombontsoa amin'ny fitondrana momba ny fanondranana vonjimaika dia miankina amin'ny fangatahana mialoha atao eo amin'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana manoritra ny karazana fampiasana, ny fanamboarana na ny fanodinana tsy maintsy atao amin'ny entana any ivelany.

And. 201.- Didim-pitondrana ataon'ny Minisitry misahana ny Fadintseranana no mametra ny fomba fampiharana ny andininy faha 200 amin'ity Fehezan-dalàna ity sy ny fepetra izay ny songom-bidin'ny entana vokatry ny fanamboarana na fanodinana dia iharan'ny fandoavana sara sy haba amin'ny fotoana hanafarana azy ireo indray.

And. 202.-Ny entana alefa any ivelany hampiasaina amin'ny toetrany na ho fanatsarana ny vola miala, ho amin'ny fampirantiana any amin'ny tsenabe na fihetsiketsehana hafa mitovitovy amin'izany dia azo aondrana tanteraka any ivelany araky ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery

And. 203.- Ny fe-potoana farany izay tsy maintsy hanafarana tanteraka indray ny entana aondrana tsy maharitra ho fampiharana ny andininy faha-200 etsy ambony, dia ferana arakaraky ny faharetana ilaina amin'ny fanatanterahana ny lahasa nokendrena

TOKO VIII

FANONDRANANA ENTANA TSY MAHARITRA HO FANATSARANA NY VOLA MIALA

And. 204- 1° Ny fanondranana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala dia fitondrana iray ahafahana manondrana tsy maharitra, ny vokatry sy entana, vita malagasy na natao ho amin'ny fanjifana na hafarana amin'ny fampidirana entana tsy maharitra ho amin'ny fanatsarana ny vola miditra, izay alefa ivelan'ny faritra tsy maintsy handray ny fanamboarana na ny fanodinana.

2°-Amin'ny fanafaran'azy ireo indray, ny vokatry sy ny entana izay nanaovana fanondranana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala dia, na izany ekena indray ao amin'ny fampidirana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala izay notononina tamboalohany, na apetraka ho amin'ny fanjifana araka ny fepetra voalazan'ny 3° etsy ambony sy ny andininy faha-199 etsy ambony

3° Rahefa apetraka ho amin'ny fanjifana izany amin'ny fotoana hanafarana azy ireo indray, ireo vokatry sy entana voalaza ireo dia tsy maintsy mandoa ny saran'ny fadintseranana sy ny sara hafa ary ny haba takiana arakaraky ny karazan'ny vokatry sy entana nafarana

Ny saran'ny fadintseranana sy haba hafa dia izay manan-kery amin'ny andro handraiketana am-boky ny fanambarana ny fanafarana entana indray

Ny sanda ho raisina dia ny an'ireo vokatry sy entana amin'ny toetrany izay nanafarana azy ireo, anenàna ny sandan'izany vokatry sy entana naondrana teo aloha izany

Na izany aza, ny fametrahana ho amin'ny fanjifana dia atao amin'ny fanafahana tanteraka ny sara sy haba amin'ny fanafarana raha toa ka ny fanamboarana na ny fanodinana tanterahina dia mila fanamboarana atao maimaim-poana, na noho ny adidy aman'andraikitra ifanarahana na araky ny lalàna misy antoka, na vokatry ny fisian'ny fahavoazana tamin'ny fanamboarana.

4° Raha toa voaporofa fa ilain'ny toe-karena na ny varotra, dia azo ampiharina ny fepetra voalazan'ny 3° etsy ambony, ka mitovy amin'ny fepetra, mikasika ireo vokatry sy entana miendrika ara-teknika mitovitovy amin'ireo vokatry sy entana naondrana teo aloha

5° Tsy tohinina ny vokatry ny fifanolanana, ny tsy fanatanterahana ny fanafarana indray ao anatin'ny fé-potoana faritan'ny didy amam-pitsipika, ireo vokatry sy entana aondrana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala dia heverina ho toy ny fanondranana raikitra ary mitarika ny

fametrahana'ny mpanao tonom-bola fanambarana iray vaovao amin'ny fadintseranana, amin'ny fanilihana ny trosa izay noraiketina am-boky tam-boalohany, miaraka amin'izay rehetra mety ho vokatra ny fitondrana mifehy ny fanondranana entana.

6° Ny fomba fampiharana izao andininy izao dia feran'ny didy amam-pitsipika

TOKO IX

FANODINANA TSY ANDOAVANA HABAN-TSERANANA

And 205- 1° Ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia fitondrana ahafahana manafatra amin'ny fampihantonana ny sara sy haba , ny entana mba hampiharana azy ny lahasa izay manova ny karazany na ny toetrany, arak'ireto fepetra faritana manaraka ireto:

- a) ny sara sy haba takiana dia izay manan-kery amin'ny vaninandro handraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany
- b) arakaraky ny karazana lazam-bidy sy ny habetsahan'ny vokatra nahodina hapetraka amin'ny fanjifana;
- c) ny sanda ho raisina dia ny an'ireo entana tamin'ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana hidirana amin'izany entana izany araka ny fitondrana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana

2° Ny vokatra azo dia antsoina hoe vokatra voahodina

And. 206-Tsy mahazo misitraka izany fitondrana izany raha tsy ny olona nampiasa na afaka mampiasa fitaovana ilaina amin'ny fanodinana noheverina sy arak'ireto fepetra manaraka ireto:

- ny vokatra voahodina dia tsy maintsy mahazo, araka ny fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika manokana, fanafahana manontolo na ampahany amin'ny sara sy haba amin'ny fanafarana na ny fanaovana lazam-bidy nisy fampihenana raha oharina amin'ny an'ny entana mbola ho karakaraina ;
- ny fangatahana ny fitondrana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia tsy tokony hiteraka familiviliana ny fiantraikan'ny fitsipika mikasika ny fampihenana ny habetsahana ampiharina amin'ireo entana nafarana
- ny entana ampiasaina dia tsy maintsy fantarina ao anatin'ny vokatra ahodina

And. 207- 1° Ny fitondrana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia omena amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, taorian'ny fakana ny hevitra ny Minisitry voakasika, raha toa ny vokatra voahodina ka misitraka ny fanafahana manontolo na ampahany amin'ny sara sy haba amin'ny fanafarana araka ny fepe-dalàna ;

2° Io fitondrana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana voalaza io dia omena araka ny fanapahana miaraka ataon'ny Minisitry misahana ny Fadintseranana sy ny Minisitry voakasika, raha toa ny vokatra voahodina ka misitraka ny fanaovana ny lazam-bidy nahena raha oharina amin'ny an'ny entana hampiasaina

And. 208- 1° Raha tsy famelana handingana fepetra nomen'ny Minisitry misahana ny Fadintseranana taorian'ny fakana ny hevitra ny Minisitry voakasika, ny faharetan'ny fijanonan'ny entana farafahaelany araka ny fitondrana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia roambinifolo volana manomboka ny vaninandro andraiketana am-boky ny fanambarana ny fidiran'ny entana amin'io fitondrana io.

2° Ny fepetra fanomezana io fanalavana io dia faritan'ny didy amam-pitsipika

3° Raha toa amin'ny fiakaran'ny fe-potoana nekena ka tsy nalefa ho amin'ny fanjifana ny vokatra voahodina, na raha misy ilana izany, ny entana napetraka amin'io fitondrana voalaza io, dia takiana avy hatrany ny sara sy haba tokony ho nefainy.

And. 209- 1° Ny tahan'ny fanilihana ny trosa amin'ny kaonty momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana dia faritana ao amin'ny fanapahana fanomezana ny fitondrana, voalazan'ny andininy faha-207 etsy ambony

2° Izany taha izany dia faritana araka ny fepetra marina izay hanatanterahana na tokony hanatanterahana ny lahasa fanodinana

And. 210 – Amin'ny fametrahana ho amin'ny fanjifana ny entana amin'ny toetra nanafarana azy na ireo vokatra izay eo amin'ny ambaratonga elanelany raha oharina amin'izay voalazan'ny fanapahana fanomezana votondro ao amin'ny andininy faha-207, ny sara sy haba dia takiana arakaraky ny karazany sy ny habetsahan'ny entana napetraka tamin'ny fitondrana fanodinana ary arakaraky ny ampahan'ny sara sy haba manan-kery amin'ny andro nandraiketana am-boky ny fanambarana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana nampitomboina, raha toa izany

sara sy haba voalaza izany ka tsy napetraka ho antoka, ny zana-bola noho ny fahatarana izay ny tentiny dia feran'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana.

Izany zana-bola noho ny fahatarana izany dia efaina manomboka ny vaninandro nandraiketana am-boky ny fanambarana momba ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana hatramin'ny andro fandraisana ny vola

Ny sanda ho raisina dia ny sandan'ireo entana ireo tamin'ny vaninandro nandraiketana izany fanambarana izany

And. 211- Raha toa ny firafitra sy ny singan-javatra hafa rehetra mampiavaka ny vokatra ahodina ka tsy maintsy arahi-maso sy fantarin'ny laboratoara iray, dia tokony ataon'ny laboratoara izay tendren'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana izany

And. 212- Ny fepetra fampiharana ity toko ity dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO X

FANAFARANA SY FANONDRANANA TSY MAHARITRA IREO ZAVATRA MANOKANA AN'NY MPANDEHA

Sokajy 1

Fanafarana tsy maharitra

And. 213-1° Ny mpandeha izay tonga mijanona tsy maharitra eo amin'ny faritra fehezin' ny fadintseranana dia afaka mampiditra amin'ny alalan'ny fampihantonana ny sara sy haba fidirana ireo zavatra ampiasainy manokana izay entiny manaraka azy, afa-tsy ireo zavatra voarara hampidirina

Ireo zavatra ireo dia tsy maintsy averina ahondrana amin'ny endriny teo ihany amin'ny fiafaran'ny fivahiniana, raha tsy napetraka ho amin'ny fanjifana araka ny fitsipika manan-kery

2° Ny mpandeha dia mahazo alalàna hanao fanambarana am-bava mikasika ireo entam-barotra izay miaraka aminy

Na izany aza, raha hitany fa manana endrika ara-barotra ny entana, dia afaka mitaky fanambarana an-tsoratra ny Fandraharahana ny fadintseranana

3° Ny fepetra fampiharana ity andininy ity dia faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana.

And. 214- Ny tompon'ny taratasy fanafarana entana tsy maharitra dia azo omen-dàlana manokana hitazona eto Madagasikara mba ho ampiasainy manokana, zavatra nafarany amin'ny fotoana tsy maharitra amin'ny alalan'ny fandoavana sara sy haba manan-kery amin'ny vaninandro nandraisana an-tànana ny taratasy, tataovana zana-bola noho ny fahatarana raha toa ny sara sy haba ka tsy nametrahana antoka araka ny voalazan'ny andininy faha-210 etsy ambony, kajiana manomboka amin'io vaninandro io ihany.

Sokajy II

Fanondranana entana tsy maharitra

And 215- 1° Ny mpandeha izay manana ny tena fonenany na ny fitoerany fototra ao amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana ka handeha hivahiny tsy maharitra ivelan'io faritra io, dia afaka **manondrana zavatra ampiasain'izy tenany manokana izay entiny miaraka aminy, afa-tsy ireo entana voarara haondrana**

2° Ny fanondranana ireo zavatra voalaza ireo dia hanomezana taratasy famisavisana

3° Ary raha toa ao anatin'ny herintaoana ka nafaran'ilay olona nanondrana azy ihany, ireo zavatra voatondron'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity dia tsy iharan'ny sara, haba ary fandrarana hiditra amin'ny fotoana hanafarana azy ireo indray ao amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana

4° Ny fepetra fampiharana izao andininy izao dia faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra misahana ny Fadintseranana

TOKO XI

OZININA IASANA

And. 216- Ny fitondrana ny fadintseranana amin'ny ozinina iasana dia natokana ho an'ireo antokon-draharaha sy mpandraharaha izay manao:

- a) ny fitrandrahana, ny fanangonana ary ny fitaterana ny ilon-tsolika tsy voavoatra na ny akoram-bato misy tara, ny entona avy amin'ny solika ary ny akoranafo ranony na entona ;
- b) ny fikarakarana sy fanadiovana ny ilo tsy voavoatra avy amin'ny solika na ny akoram-bato misy tara ary ireo akoranafo hafa misy entona mba ahazoana vokatra avy amin'ny solika sy ny mitovitovy aminy iharan'ny sara anatin'ny momba ny fanjifana sy ireo haba na vola fandoa hafa rehetra ;

- c) ny fampanjariana ho ranony ny akoranafo entona
- d) ny famokarana vokatry ny solika sy ny mitovitovy aminy iharan'ny sara anatin'ny momba ny fanjifana sy ireo haba na vola fandoa hafa rehetra
- e) ny famokarana sy fanamboarana vokatry simika sy ny mitovitovy aminy, ny vokatry avy amin'ny solika
- f) ny fanamboarana mifandray amin'ireo vokatry hafa avy amin'ny solika
- g) ny fanatanterahana na fampiasana ny entana izay misitraka ny fitondrana manokana ny fadintseranana na ny hetra

And 217- Ny entana ao amin'ny fitondrana ny ozinina iasana dia ekena hiditra amin'ny fampihantonana ny sara sy haba ary ny famerana ara-toekarena sy ny fombafomba ara-panjakana hafa

And 218- Ny entana nivoaka avy ao amin'ny ozinina iasana dia andoavana fadintseranana araka ireto fepetra manaraka ireto:

- ireo izay natokana amin'ny fanondranana, amin'ny fanafahana ny sara sy haba;
- ireo izay natokana amin'ny tsena anatin'ny alalan'ny fandoavana ny sara sy haba takiana izay ny sanda famerana ny asa dia feran'ny didy amam-pitsipika

And 219- Raha toa ny entana voatondron'ny andininy faha-216 amin'ity Fehezan-dalàna ity ka ampiasaina amin'ny tanjona hafa noho izay nanomezana ny fampihantonana ny sara sy haba na ny fampiharana na ny fanaovana lazam-bidy nomena tombony, ny sara sy haba ary ny fombafomba izay tokony aloa ara-dalàna dia takiana avy hatranay araka ny fitsipika voalaza raha toa misy ny fandefasana ho amin'ny fanjifana

And 220- Fanapahana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana no mametra ny fomba fomba mifehy ny ozinina iasana sy mamaritry ny fepetra izay tokony tanterahin'ny antokon-draharaha sy ny fanjaranana apetraka amin'io fitondrana io ary koa ny adidy aman'andraikitra sy ny loloha vokatry izany ho an'ny mpampiasa

And 221- Apetraka amin'ny fitondrana ny ozinina iasana ny tsangan'asa sy antokon-draharaha izay manao ireto lahasa manaraka ireto:

- a) fikarakarana na fanadiovana menaka tsy voavoatra avy amin'ny solika
- b) famokarana sy fanamboarana vokatry ny "pétroléochimie" sy ny vokatry simika sy mitovitovy aminy avy amin'ny solika

And 222- Amin'ny fidirana ao amin'ny ozinina iasana, ny fampihantonana ny sara sy haba ary ny fandrana miendrika ara-toekarena tokony aloany dia voatokana amin'ireto entana manaraka ireto:

a) ireo menaka tsy voavoatra avy amin'ny solika, ireo tsy voavoatra nanesorana solika, ireo akoram-bato misy tara ary akoranafo misy entona hafa natokana ho karakaraina na ho diovinina;

b) ireo vokatry voatondro ao amin'ny andininy faha-216 f)

And 223- Ny fidirana ao amin'ny ozinina iasana momba ny vokatry nafarana ankoatr'izay voatondron'ny andininy teo aloha, dia atoetra:

1. na amin'ny fitondrana fandefasana ho amin'ny fanjifana;
2. na amin'ny fitondrana fampidirana entana tsy maharitra.

And 224- Didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana no afaka mametraka amin'ny fitondrana ozinina iasana, ny antokon-draharaha ankoatry ny voatondro ao amin'ny andininy faha-220 sy faha-221 amin'ity Fehezan-dalàna ity izay nanaovana ny fanatontosana na ny fampiasana ny entana misitraka ny fitondrana manokana ny fadintseranana na ny hetra

TOKO XII

FARITRA AFA-KABA INDUSTRIALY

And 225- Ny atao hoe Faritra afa-kaba indostrialy (ZFI) dia ireo toerana rehetra tafiditra amin'ny faritra iray natao mba hiheverana ireo entana izay ao aminy ho toy ny tsy eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana amin'ny fampiharana ny saran'ny fadintserana sy haba izay tokony ampiharina aminy noho ny fanafarana entana, ary koa ny fameperana ny habetsahany

And 226- Ny fananganana ireo sokajinà orinasa mamorona ny orinasa ZFI faritan'ny andininy faha-3 ao amin'ny lalàna fananganana na izany ao anatin'ny faritra voafaritra na ivelan'ny faritra, ka amin'izany ny

orinasa indostrialy fanodinana dia mitondra ny anarana hoe Orinasa Afakaba (EF), dia omen-dàlana amin'ny alalan'ny didim-panjakana, araka ny tolokevity ny Minisitra miandraikitra ny Indostria

And 227-1° Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2° sy 3° etsy ambony, ary koa izay voalazan' andininy faha-40 ao amin'ny lalàna fananganana , dia ekena hiditra ao amin'ny ZFI ny entana rehetra isan-karazany, na toy inona na toy inona ny habetsahany ary na avy aiza na avy aiza ny firenena niaingany, ny fiaviany ary ny andefasana azy

2° Ny fepetra etsy ambony dia tsy manakana ny fampiharana ny fandraranà na ny fameperana voamarina noho ny antony ara-pitsipi-pitondran-tena heverin'ny vahoaka fa tsara, ny mikasika ny vahoaka, ny filaminam-bahoaka, ny fiarovam-pahasalamana ary ny fiainan'ny olona sy ny biby na ny fikajiana ny zavamaniry, ny fiarovana ny raki-tsarobidin'ny firenena mana-danja ara-java-kanto, ara-tantara na momba ny arkeolojika na fiarovana ny fitompoana -indostrialy sy ara-barotra

3° Ny fidirana ao amin'ny ZFI dia azo ferana, amin'ny alalan'ny didim-panjakana ho an'ireo entana sasantsasany noho ny antony ara-teknika na ara-panjakana

And 228- Ny entana apetraka amin'ny ZFI na amin'ny EF dia afaka manao:

- a) asa famatrarana , fampidinana, famindrana amin'ny fitaterana hafa na fitehirizana
- b) fikirakirana
- c) fanodinana, fanamboarana na fameno mpiasa araka ny fepetra sy arakaraky ny fombafomba voalaza ao amin'ny ozinina iasana na trano fitehirizana entana indostrialy

And 229- 1° Ny entana apetraka any amin'ny ZFI na amin'ny EF dia tsy azo aondrana indray na atolotra amin'ny fanjifana, na afindra amin'ny fitondrana hafa fampihantonana araka ny toetrany

Na izany aza anefa , dia azo atao ny:

3. mamerina any amin'ny mpandefa na any amin'ny mpanome baiko ny fitaovana , ny akora sy/na kojakoja nafarana tsy mifanaraka amin'ny zavatra nafarana na tsy nampiasana ary ny ambin'ireo tsangan'asa sy ny fitaovam-panorenana nafarana , tsy natsangana sy/na tsy nampiasaina
4. manondrana indray any amin'ny mpandefa ny fitaovana nohofaina na nafarana tamin'ny alalan'ny fampindramana
5. manondrana indray any amin'ny orinasa afakaba mitsangana ao amin'ny tanim-pirenena, ao anatin'ny fampisahanan'olon-kafa eto amin'ny firenena, na any amin'ny orinasa indostrialy mitsangana any ivelan'ny tanim-pirenena, amin'ny alalan'ny fifarimbon'asa amin'ny an'ny ivelany, na afindra vonjimaika any amin'ny orinasa eo an-toerana feheziny lalàna ifampitondran'ny daholobe, ny akora sy/na kojakoja ho amin'ny fanodinana, fanamboarana na famenon'ny mpiasa

2° Ny entana ao amin'ny ZFI araky ny voalazan'ny c ao amin'ny andininy faha-228 etsy ambony, ny fanodinana, ny fanamboarana na famenon'ny mpiasa dia tsy maintsy aondrana indray

Na izany aza, na dia noraisin'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana aza ireo entana ireo tamin'ny nampidiran'azy ao amin'ny ZFI, ny fametrahana azy ireo ho amin'ny fanjifana dia azo atao noho ny antony manokana, izay neken'ny didy amam-pitsipika.

Ny sara sy haba horaisina dia ireo izay mifandraika amin'ireo vokatra atao setriny voavoatra sy nasiam-panamboarana, araka ny karazany sy ny toetran'ireo entana ireo nozahana fototra amin'ny fotoana fivoahany ao amin'ny ZFI

Ny taha azo ampiharina dia ireo izay manan-kery amin'ny vaninandro andraiketana am-boky ny famelana ho amin'ny fanjifana. Ny sanda hambara dia ny an'ny vokatra voavoatra na nasiam-panamboarana voasoritra ao amin'ny fepetra faritan'ny andininy faha-23 sy faha-24 etsy ambony

3° Ny faharetan'ny fotoana ijanonan'ny entana ao amin'ny ZFI sy ny EF:

- dia tsy voafetra ho an'ny fitaovana sy fampitaovana ny ozinina
- nefa roambinifolo volana kosa ho an'ny kojakoja sy ny akoran-javatra

And 230-Ireo fepetra voalazan'ity toko ity dia tsy mahakasika ireo fitsipika nanaovana fifanarahana iraisam-pirenena manan-kery

LOHATENY VI

FAMETRAHANA ENTANA ANY AMIN'NY FADINTSERANANA

And 231- Antsoina hoe “fametrahana entana any amin'ny fadintseranana”, ny fitondrana izay anobiana ny entana ao amin'ny toerana tondroin'ny fadintseranana mandritry ny fe-potoana voafaritra, izay amin'ny fotoana fiafarany, ireo entana ireo dia amidy araka ny fepetra faritan'ity fehezan-dalàna

And 232- Ny fametrahana entana amin'ny fadintseranana dia, na ao amin'ny magazay an'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, na ao amin'ny toerana ankatoaviny; ireny toerana ireny dia azo atsangana ihany koa any amin'ny trano fametrahana entana an'ny fanjakana na ny magazay na faritra andoavana haba

LOHATENY VOALOHANY

NY ANISAN'NY ENTANA HATOBY

And 233- 1° Ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ao amin'ny fametrahana entana avy hatrany:

- a) ireo entana izay, ny fanafarana azy dia tsy nambara tamin'ny antsipiriany tao anatin'ny fe-potoana arad-alàna
- b) ireo entana izay nijanona ao amin'ny fadintseranana noho ny antony hafa

2° Raha toa ireo entana ka tsy misy sandany ara-bola, ny fadintseranana dia afaka mampanao fanapotohana azy ireo

And 234. Ny entana natao any amin'ny fametrahana entana any amin'ny fadintseranana dia soratana ao amin'ny rejisitra manokana iray

And 235- 1° Zakain'ny tompony tanteraka ireo entana napetraka any amin'ny fadintseranana; ny fahasimbana sy ny fahalovana ary ny fahaverezan'izy ireo mandritry ny fotoana ijanonany ao amin'ny fametrahana entana, dia tsy ahazoana onitra na inona na inona antony

2° Ny vola lany na inona na inona karazany vokatry ny fananganana sy ny fijanonana ao amin'ny fanobiana dia zakain'ny lany amin'ny entana

And 236- Ny mpandraharahan'ny fadintseranana dia tsy afaka manao ny fanokafana ny fonosana natao ao amin'ny fametrahana entan'ny fadintseranany ny fanamarianna ny ao anatin'ny raha tsy eo anatrehan'ny tompony na ny olona andefasana azy, na raha tsy misy izany, dia olona tendren'ny mpitsara eo amin'ny toerana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-109 etsy ambony

TOKO II

FIVAROTANA NY ENTANA ANY AMIN'NY FAMETRAHANA ENTANA

And 237- 1° Ny entana izay tsy nalaina tao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka amin'ny vaninandro nanoratana izany tao amin'ny rejisitry ny fametrahana entana dia varotana amin'ny alalan'ny lavanty atao ampahibemaso

2° Ny entana mora simba na ratsy eo am-pitehirizana, ary koa ireo izay ny fijanonany ao amin'ny toeram-panobiana dia miteraka loza ho an'ny fitandroam-pahasalamana na ny filaminan'ny manodidina na mety manimba ny hatsaran'ireo entana hafa ao amin'ny fametrahana entana, dia azo amidy amin'ny alalan'ny fifampiraharahana ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana avy hatrany aorian'ny fanomezan-dàlan'ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany na ny Filohan'ny Sampam-pitsarana

3° Ny entana latsaky ny 10 000 Ariary ny sandany ka tsy nalaina tamin'ny fahataperan'ny fe-potoana roa volana voatondro ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia heverina ho toy ny nafoy .Azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranaan atao ny mivarotra izany amin'ny alalan'ny lavanty atao

ampahibemaso na manolotra izany ho fanomezana any amin'ny hopitaly, toerana fitaizana ny beantitra na antokon-draharaha hafa manao asa fanasoavana

And 238- 1° Ny fivarotana ny entana dia ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ho an'izay mahasaky ambony indrindra

2° Ny entana dia amidy malalaka tsy andoavana sara sy haba amin'ny fadintseranana, miaraka amin'ny fahazoan'ilay mpividy mampiasa izany amin'izay rehetra anaovany azy ka eken'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery

And 239- 1° Ny vokatry ny fivarotana dia atokana, arakaraky ny laharam-pialohavana sy rehefa nanaovana fifaninana:

a) amin'ny fanefana ny sara sy ny kojakojam-pandaniana rehetra isan-karazany, eken'ny fadintseranana ho amin'ny famononana sy ny fijanonana ao amin'ny fametrahana entana ary koa amin'ny fivarotana ny entana

b) amin'ny fandraisana ny sara sy haba ampiharina amin'ny entana noho ny toerana nomena azy ireo

2° Raha toa ka ampy ny vokatry ny fivarotana, dia atao ny fanefana ireo lany rehetra mety nateraky ny entana. Ny mety ho ambiny dia arotsaka ao amin'ny fitahirizam-bolan'ny Tésor izay ijanonany mandritry ny herintaona ho ampiasain'ny tompon'entana na ny manan-jo amin'izany. Dila io fepotoana io, dia lasan'ny tetibolam-panjakana izany. Na izany aza, raha toa ka latsaky ny 400 Ariary, ny ambiny dia raisina tsy misy hatak'andro ho vola miditra raikitra ao amin'ny tetim-bolam-panjakana izany

3° Raha toa ka tsy ampy ny vokatra azo amin'ny fivarotana mba hanefana ny trosa voatanisa ao amin'ny paragrafy etsy ambony, dia arotsaka ao amin'ny fitehirizam-bolan'ny Trésor ny vola, ary tsinjaraina, raha misy izany, arakaraky ny fomba arahina amin'ny fizarana ny fanampiana ka ny Fandraharahana no hikarakara izany. Ny mpitsara eo an-toerana misy ny fametrahana ny entana no manam-pahefana amin'izany

LOHATENY VII

RAHARAHANA OMENA TOMBON-DAHINY

TOKO VOALOHANY

FANAFAHANA AMIN'NY SARA SY HABA

And 240-1° Noho ny fandinganana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-7, faha-8 ary faha-9 etsy ambony, ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana dia afaka manome alalana amin'ny fanafarana entana ka ahazoana fanafahana amin'ny sara sy haba mikasika:

- a) ny fanomezana atolotry ny Filoham-pirenena
- b) ny fanomezana atolotry ny antokon-draharaham-panjakana vahiny ho an'ireo Minisitra sy Parlemanta am-perinasa, noho ny dia ara-panjakana tany ivelany
- c) ny entana alefa ho an'ireo ambasadaoro, ireo sampan-daharahan'ny "consulats" ary ho an'ireo mpikambana vahiny amin'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenenana sasantsasany ara-dalàna monina eto Madagasikara
- d) ny entana alefa ho an'ny Vokovoko Mena sy ireo asa fiaraha-mientana vatsian'ny tahiry avy any ivelany
- e) ny entana alefa ho an'ireo asam-panasoavana najoro ara-dalàna sy nekena fa fanasoavam-bahoaka araka ny didim-panjakana
- f) ny fanomezana fiasana sy fitaovana ho an'ny faritra sy kaominina,
- g) ny fitaovana sy vokatra manokana tafiditra ao amin'ny sehatry ny fitsirihina, fikarohana ary fizahana taratra akoranafo
- h) ny entana **madinidinika** alefa manokana tsy manan'endrika mihitsy ara-toekarena

2° Ny fepetra fampiharana ity andininy ity ary koa ny lisitry ny antokon-draharaha iraisam-pirenena ara-dalàna sy ireo fanaovana asa fiaraha-mientana voalazan'ny paragrafy 1° etsy ambony, dia faritan'ny didim-pitondrana soniavin'ny Minisitry ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny ary ny Minisitry ny Mponina

TOKO II
FAMATSIANA IREO SAMBO SY IREO FIARAMANIDINA
Sokajy voalohany
Fepetra manokana ho an'ny sambo

And 241- Ahafahana amin'ny sara sy haba aloa eo am-pidirana , **ny vokatry ny solika, ny arintany, ny kojakoja fanolo, ny fiasana sy fitaovana natokana hamatsiana ny sambo manao fivezivezena iraisam-pirenena sy ireo sambo ari-fitaovana amin'ny fanjonoana vaventy, ny fanjonoana miala amin'ny morona ary ny fanjonoana amin'ny sisin-dranomasina faritra 2.**

And 242- 1°Ny sakafo sy ny vatsy entina eny an-tsambo ka tsy mihoatra ny tokony ilain'ny sambo avy any ivelany dia tsy iharany sara sy haba fidirana raha toa izy ireny ka mijanona eny an-tsambo

2°Ireny sakafo sy vatsy entina eny an-tsambo ireny dia tsy azo arotsaka eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana raha tsy aorian'ny fanambarana amin'ny antsipiriany sy aorian'ny fanefana ny sara sy haba notakiana

And 243- 1° Ny sakafo sy ny vatsy eny an-tsambo tsy mihoatry ny ilaina, entina amin'ny sambo mankany ivelany dia tsy iharan'ny sara sy haba amin'ny fivoahany

2° Ny isan'ny tantsambo, ny mpandeha, ary ny habetsahana sy ny karazan'ny sakafo entina dia adika ao amin'ny fahazoan-dàlana fiondranana izay tsy maintsy soniavin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana

And 244- Ny sakafo sy ny vatsy eny ambony sambo izay iondrana any amin'ny seranana hafa noho ny seranana niaingana ho any ivelany dia lazaina ao amin'ny fahazoan-dàlana hiondrana ,afa-tsy hoe raha misy fahasaratany ny amin'ny famaritana ny habetsahany, dia manaraka ireo fepetra voalazan'ny andininy etsy aloha

And 245- Ireo sambo tsy voalaza amin'ny andininy 241 etsy ambony dia tsy afaka vatsiana vokatry ny solika, ny arintany, sakafo sy vatsy hafa entina an-tsambo raha tsy amin'ny alalan'ny vokatra natao amin'ny fanjifana eo an-toerana: ireo lahasa ireo dia tsy iharan'ny fitondrana sy haba na ho raràna amin'ny fivoahany

Sokajy II

fepetra manokana ho an'ny fiaramanidina

And 246- Ahafahana amin'ny sara sy haba aloa eo am-pidirana ny akoranafo natokana hamatsiana fiaramanidina miaramila na sivily, izay manatanteraka fivezivezena lavitry ny sisin-tany

And 247- Izay rehetra famoizana sy fivarotana ny fitaovana, fiasana ary entana napetraka amin'ny fitondrana ara-toekarena na nisitraka ny fitondrana ahazoana tombon-dahiny ka mbola tsy naloa ny sara sy haba tao aorian'ny fiafaran'ny fe-potoana voadidy, dia raràna raha tsy misy fanomezan-dalàna mialoha avy amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana

TOKO III

FITONDRANA NY FIVERENANA

And 248- Mba hisitrahana ny fitondrana ny fiverenana sy ny fanafahana amin'ny sara sy haba amin'ny fanafarana, ny entana naondrana voalohany ivelan'ny faritra dia tsy maintsy:

6. na averin'ny mpandefa noho ny tsy fifanarahan'ny entana nafarana na tsy arifomba,
7. na lavina noho ny antony avy amin'ny fitsipika ampiarina eo amin'ilay firenena andefasana

And 249- Ny fitondrana nofaritana teo aloha dia omena ho an'ny mpanondrana entana na dia eo aza ny:

8. fanamarinana ny fanafarana mialoha ny entana ,

9. fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra manokana soritan'ny andininy faha-248 etsy ambony

And 250- Ny tombontsoan'ny fitondrana ny fiverenana dia atokana ho an'ny mpanondrana entana tam-boalohany. Ny fangatahana fanafarana entana indray dia tokony apetraka ao anatin'ny roa taona manomboka ny vaninandro fanondranana

**LOHATENY VIII
FIVEZIVEZENA SY FITAZONANA IREO ENTANA AO ANATIN'NY FARITRA FEHEZIN'NY
FADINTSERANANA**

**TOKO VOALOHANY
FIVEZIVEZENA SY FITAZONANA IREO ENTANA AO AMIN'NY FARITRA AN-TANETY MISY NY FARI-
PIASAN'NY FADINTSERANANA**

**Sokajy I
Fivezivezen'ny entana**

And 251-1° Misy entana sasantsasany tsy afaka mivezevy ao anatin'ny faritra an-tanety misy ny fari-piasan'ny fadintseranana raha tsy ampiarahina amin'ny fahazoan-dàlana mivezevy na taratasin'ny fadintseranana mahasolo izany;

2° Ny lisitr'ireo entana ireo dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana. Ireo didim-pitondrana ireo dia mamaritra ihany koa ny fepetra fampiharana ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity.

And 252- 1° Ny mpitatitra entana dia tsy mahazo misintaka mihitsy amin'ny lalàna voatondro ao amin'ny fahazoan-dàkana mivezevy, afa-tsy noho ny antony tsy azo anoharana voamarina ara-dalàna

2° Izy ireo dia tsy maintsy mampiseho ny entana ary koa ny fahazoan-dàlan'ny entana mivezevy sy ireo taratasy hafa mahasolo izany amin'ny

a) biraon'ny fadintseranana samihafa izay hita eny amin'ny lalàna alehan'izy ireo

b) ankoatry ny birao, izay rehetra fisavana ataon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana sy ny **hetra** na izay rehetra solontenan'ny mpitandro filaminana

**Sokajy II
Fitazonana entana**

And 253- Voarara eo amin'ny fari-piasan'ny fadintseranana:

a) Ny fitazonana ireo entana voarara na andoavana haba betsaka eo amin'ny fidirana izay tsy nahafahana nampiseho, tamin'ny fisavana voalohany nataon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana, na ny tapakilam-pandoavana manamarina fa ireo entana ireo dia nafarana ara-dalàna, na ny taratasy milaza ny entana novidiana, ny taratasy milaza ny fanamboarana na izay rehetra taratasy manamarina ny fiaviana avy amin'ny olona na sosaiety mipetraka ara-dalàna ao anatin'ny faritra feheziny fadintseranana.

b) Ny fitazonana ny tahirin'entana hafa noho ireo vokatra eo amin'ny firenenana, voarara na andoavana haba betsaka eo amin'ny fivoahany, ka tsy voamarin'ny zavatra ilainy ara-dalàna amin'ny fitrandrahana, na ny habeny dia mihoatra lavitra noho izay ilainy momba ny famatsiana ny fianakaviana ekena noho ny fampiasana eo an-toerana

TOKO II

**FITSIPIKA MANOKANA AZO AMPIHARINA MANERANA NY FARITRA FEHEZIN'NY FADIN-TSERANANA
AMIN'IREO SOKAJIN'ENTANA SASANTSASANY**

And 254.- 1° Ireo izay mitazona na mitatitra entana notondroin'ny Minisitry miandraikitra ny Fadintseranana manokana dia tsy maintsy, amin'ny fitakian'ny mpandraharahan'ny fadintseranana am-boalohany, mampiseho na ny tapakilam-pandoavana manamarina fa ireo entana ireo dia nafarana ara-dalàna, na ny taratasy milaza ny entana novidiana, ny taratasy milaza ny fanamboarana na izay rehetra taratasy hafa manamarina ny fiaviany avy amin'olona na avy amin'ny sosaiety mipetaka ara-dalàna ao anatin'ny faritra feheziny fadintseranana

2° Ireo izay nitazona, nitatitra, nivarotra, namoy na nanakalo ireny entana voalaza ireny sy ireo izay nanao ny fanamarinana momba ny fiaviany dia tsy maintsy mampiseho ihany koa ireo taratasy firaketana tondroin'ny paragrafy voalohany etsy ambony amin'izay rehetra fitakiana ataon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana, atao ao anatin'ny efa-taona, na manomboka ny fotoana izay tsy naha teo am-pelatànanay intsony ny entana, na manomboka ny vaninandro nanomezana ny fanamarinana ny fiaviany

Na izany aza anefa, raha toa ilay olona nitazona na nitatitra manambara fa manana ny fanamarinana takiana any amin'ny toeran-kafa, dia azon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana ny miaraka aminy mba ahafahany mampiseho izany fanamarinana izany na manome azy ireo izay ahazoana mampiseho ireny fanamarinana ireny ao anatin'ny fe-potoana valo ambiny efapolo (48) ora

TOKO III

FANAMBOARANA AN-DRANOMASINA SY AN'HABAKABAKA

And. 255- Izay entana tafiditra ao amin'ny sambo na fiaramanidina mizaka ny zom-pirenena malagasy ivelan'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, dia tsy maintsy anaovana fanambarana amin'ny antsipiriany ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manaraka ny fahatongavany ao amin'ny biraon'ny fadintseranana, mikasika ny fanamboarana na fanajariana atao any ivelany.

And 256- Ny entana nafarana mba hampiasaina amin'ny toetrany na aorian'ny fanodinana amin'ny fanorenana, fampitaovana, fomban-tsambo, amin'ny fanamboarana na amin'ny fanodinana ny sambo vaventy an'ny sambom-barotra na ho an'ny fanjonoana, dia ekena amin'ny fampihantonana sara sy haba

Aorianan'ny fanaraha-maso, ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, ny amin'ny fandefasana ny entana eny amin'ny sambo vaventy, ny fitondarana dia afahana tanteraka arakaraky ny zavamitranga, amin'ny alalan'ny fanondranana indray ho an'ireo sambo voalaza amin'ny andininy 241 etsy ambony, ary amin'ny fametrahana ho amin'ny fanjifana araka ny fepetra ara-pitsipika, ho an'ireo sambo hafa.

LOHATENY IX

HABA SAMIHAFIFA ALAIN'NY FADINTSERANANA

TOKO VOALOHANY

HETRA TSY MIVANTANA

And 257- Ny vokatry sasantsasany jifaina eo amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana, na nampidirina, nangonina na namboarina tao, dia tsy maintsy mandoa haban-ketra antsoina hoe "hetra tsy mivantana"

Io haba io dia arafitra araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-3, faha-9 ary faha-16 etsy ambony

Ho an'ireo vokatry nafarana, ny hetra tsy mivantana dia efaina sy raisin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana, araka ny fepetra sy ny fitsipika faritan'ity Fehezan-dalàna ity

And 258-Ankoatr'ireo fanafarana entana voatondro ao amin'ny andininy faha-240 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia azo afahana amin'ny hetra tsy mivantana (DA) amin'ny fotoana fanafarana:

1°- Ireo vokatry izay tsy maintsy miditra ao amin'ny fanamboarana ny vokatry izay tsy maintsy handoavana hetra tsy mivantana ihany koa

2°- Ireo vokatry iandraiketan'ny Fandraharahana ny hetra eo ambanin'ny fifehezan'ny filazana omban'antoka, izay hiantoka aoriana ny fandraisana ny hetra tsy mivantana araka ny fitsipika azy manokana

3°-Ireo zavatra tsy voavoatra any amin'ny ozinina na nasiam-panamboarana, nafarana avy any ivelany mba asiana fanampim-panamboarana ahafahana manangana azy avy eo na ny fanamboarana zavatra voavoatra ataon'ny manafo eo an-toerana

4°- Ireo fitaovam-pamovoizana an'habakabaka sasantsasany sy ireo kojakoja fanolo momba izany, ny vokatry ny solika ary ny vokatry simika sasantsasany ho famatsiana ireny fitaovana ireny, ny fitaovana

miorim-paka natokana ho fampitaovana ara-teknika ny seranam-piaramanidina sy ireo tsatopamantaran'ireo zotram-pifamoivizana an'habakabaka

5°-Ny motera feno ho an'ny trakitera, ny kojakoja fanolo sy ny kodiarana manokana ho an'ny trakitera, na dia eo aza ny fampiasana amin'ireo fitrandrahana ara-pambolena na ny ala

6°-Ireo fitaovana sy vokatra natokana ho an'ny orinasam-pikarohana sy fitrandrahana akoranafo mitsiranoka na mientona, ny tara, ny "asphalte", ny "grès" ary ny "schistes bitumineux"

7°- Ny fitaovana natokana amin'ny fanatanterahana ny tsangan'asa sy fitrandrahana ataon'ny orinasa mpanala, mpanasaraka ary mpikarakara ny mineraly ilain'ny fasika amoron-dranomasina(monazite, ilménite, zircon);

8°- Ny fitaovana avy amin'ny fiaviana samihafa ilaina amin'ny fananganana orinasa taloha raha toa ireny orinasa ireny ka nahazoana fankatoavana amin'ny maha-mpandray anjara azy eo amin'ny fanatanterahana ny drafitra fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy

9°- Ny akoran-javatra, vokatra nahodina na nasiam-panamboarana izay ilana fanafarana na eo amin'ny fanamboarana na eo amin'ny fikarakarana ary koa ny ny fonosana ho fitsinjovana ny fitaterana azy, ny entana namboarin'ny orinasa nankatoavina tondroin'ny 8° etsy ambony

10°-Ny alikaola tsy mitapoka natao hikarakarana fanafody na ampiasain'ny antokon-draharaha arapahasalamana na ara-tsiansa ary koa ny alikaola efa mifangaro araka ny fepetra ara-pitsipika

Ny fepetra fampiharana izao andininy izao dia faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana. Ireo didim-pitondrana ireo dia mamaritra, raha ilaina, ny sokajin'ny mpisitraka amin'ny fanafahana

And 259- Ny vola fandoa ho an'ny birao ankapobe fividianana sy fivarotana sigara, aloa amin'ny sigara namboarina sy nafaran'ny olona manokana dia efaina sy raisin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana araka ny fepetra sy fitsipika mitovy amin'ny hetra tsy mivantana ihany; raisina ho toy ny vola miditra mifanongoa aminy izany

TOKO II SARAM-PIVOAHANA

And 260- Ny vokatra sasantsasany avy amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana nanaovana fanambarana ho amin'ny fanondranana dia andoavana, na aiza alehany na aiza alehany, saran-ketra antsoina hoe "saram-pivoahana"

Io sara io dia atao araka ny fepetra faritan'ny andininy faha- 3, faha-9 ary faha-16 etsy ambony Efaina ary raisin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana izany araka ny fepetra sy ny fitsipika faritan'ity Fehezan-dalàna ity

Ny orinasa nanaovana fankatoavana amin'ny maha mpandray anjara azy amin'ny fanatanterahana ny drafitra momba ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy, dia afaka hisitraka ny fanafahana tanteraka na ampahany amin'ny saram-pivoahana ampiharina amin'ireo vokatra avy amin'ny fitrandrahana na fanamboarana azy ireo. Ny fanapaham-pankatoavana no hamaritra ny isan-jaton'ny fikajiana ny saram-pivoahana omena ny orinasa tsirairay avy

TOKO III HABA AMIN'NY TONGOAMBIDIN'ENTANA

And 261- Akana Haba amin'ny Tongoambidin'entana (TVA) ny entana nafarana na inona fiaviany ary na avy aiza na avy aiza, ary izany, dia arakaraky ny lazam-bidin'ny sara sy haban'ny fadintseranana

Izany haba izany dia efaina, raisina, voriana ary tanan'ny mpandraharahan'ny fadintseranana kaonty araka ny fepetra sy fitsipika faritan'ity Fehezan-dalàna ity

TOKO IV SARAM-PIFAMOIVOIZANA

And 262 – Alaina amin'izay sambo rehetra avy any ivelany ny saram-pifamoivizana ankapobe natao araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-3 sy faha-9 etsy ambony

Io sara io dia efaina sy raisin'ny mpandraharahan'ny fadintseranana araka ny fepetra sy ny fitsipika faritan'ity Fehezan-dalàna ity

Ny sandan'io sara io dia ferana ho 18 Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka sy isaky ny mandeha

Ahena an-tsasany io sanda io ho an'ny sambo miditra nohamaivanina ary mivoaka misy entana, na miditra miaraka amin'ny entana ary mivoaka tsy misy entana. Heverina fa tsy mitondra entana ny sambo izay ny entana hoentiny dia tsy mihoatry ny hadirin'ny ampaharoapolon'ny tokony ho zakany. Ny kapiteny maniry ny hisitraka io sanda nahena io dia tokony hanao fangatahana amin'ny Mpandray volan'ny Fadintseranana, hamononana ny fanamarinana rehetra ilaina ary hametraka ny sambony amin'izay fitsirihana rehetra ilaina.

Ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy ambony fa ho toy ny dia iray, dia heverina ny fitambaran'ny fitetezan-tseranana ataon'ny sambo any amin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana na any Comores mandritra ny zotra "mandroso sy miverina". Mandritra io dia io, ny zotra dia mety ahitana fijanona kely iray na maromaro any amin'ny seranantsambon'ny nosin'i la Réunion, ny nosy Maurice sy ireo izay miankina aminy, ny Union Sud -Africaine, Mozambique, Tanzanie ary Kenya ,atao eo anelanelan'ny hitetezany ny seranan-tsambo eto Madagasikara.

Ireo sambo natokana irery ihany amin'ny fifamovoizana eo amin'ireo faritra fehezin'ny fadintseranana na ny Comores dia tsy maintsy mandoa sara isan-taona izay 36 Ariary isaky ny barika famarana afa-karatsaka. Io sara io, efaina mba hanaovan'ny kapiteny fanambarana, dia aloan'ity farany amin'ny voalohan'ny taona, ao amin'ny biraon'ny fadintseranana. Tsy misy na dia kely aza saram-pifamoivoizana azo takiana raha toa ilay sambo manara-morona ka, mandritry ny taona sivily, mahavita fivezivezena farafahabetsany folo mankany amin'ny seranantsambon'ny nosy la Réunion, ny nosy Maurice sy ireo miankina aminy, ny Union Sud- Africaine, Mozambique, Tanzanie, ary Kenya na maromaro amin'ireo firenena ireo. Raha toa ny sambo nekena hisitraka ny sara isan-taona ka mahavita, ao antin'ny taona sivily, mihoatry ny fivezivezena folo, mankany amin'ireo firenena voatanisa eo ambony ireo, na ihany koa fivezivezena mankany amin'ny firenena hafa, ny sara voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ity andiany ity dia tsy maintsy takiana eny amin'ny seranantsambom-pitodiana, mandritra ny fiverenana any amin'ny seranantsambo misy ny faritra fehezin'ny fadintseranana

Raha toa noho ny antony samihafa, ka tsy afa-mihetsika eo amin'ny seranana ny sambo mandritry ny enim-bolana tsy tapaka amin'ny taona, ny mpandoa hetra dia afaka mahazo ny famerenana ny vola naloany

Ny lanja andoavam-bola dia ny lanja afa-karatsaka, tondroin'ny taratasy firaketana ofisialin'ny sambo, boriboriana amin'ny tafolo akaiky indrindra. Ao anatin'ny efatra ambiniroapolo ora nahatongavan'ny sambo, ny kapiteny (na ny solontenany eny an-tanety) dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana, fanambarana mifanaraka amin'ny modely feran'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ahitana ny ireo fepetra ilaina mba hanefana ny haba

Ny sambo sy ny entana entiny dia tsy maintsy mahafeno ny saram-pifamoivoizana, izay tsy maintsy iantohana na aloa ao amin'ny seranantsambo andalovana voalohany eto Madagasikara .Na izany aza, ny sambo miditra nohamaivanina na feno hipoka arina, dia mahazo miala malalaka eo amin'ny seranantsambom-pivoahana, raha toa ka mamatratra entana izy .

And 263- Afahana amin'ny saram-pifamovoizana:

- 1°- ny sambo mpiady (anatin'izany ny sambo entina hitsaboana) na inona na inona zom-pireneny
- 2°-ny sambo vaventy mifamoivoy manokana fotsiny ihany ao amin'ny seranantsambo sy ny sahan-driaka iantsonan'ny sambo
- 3° - ny sambo miditra sy mivoaka tsy mitondra entana
- 4°- ny sambo mijanona amin'ny asa sy tsy manao asa ara-barotra na dia kely aza ankoatry ny famatsiana na ny fampidinana na famatrarana entana ilain'ny toetry ny sambo
- 5°-ny sambo miditra izay feno hipoka arintany sy mivoaka tsy mitondra entana
- 6°- ny sambo fialam-boly sy ny sambo manao fitsangatsanganana ara-pizahan-tany

TOKO V SARA SY HABA HABA

And 264- Ny fandraharahana ny Fadintseranana dia miandraikitra ihany koa, mikasika ny fanefana ataon'ny sampan-draharaha mahefa, ny fandraisana na fampanaovana antoka ny fandraisana ny sara sy haba rehetra takiana amin'ny fanafarana na fanondranana entana, indrindra indrindra ny:

- haba amin'ny fanamarinana, fanidiana amin'ny firaka ary ny fotoana handinihan'ny sampan-draharahan'ny fanaraha-maso momba ny fonosan'entana
 - saram-pitsidihana sy ny fiarovana ny sambo
 - saram-pitsaboana eny an-dranomasina

Izy no miantoka, raha misy izany, ny fandraisana ny saran'ny hajia, indrindra indrindra mikasika ny taratasy milaza ny momba momba ilay entana

TOKO VI VOLA FANDOA AMIN'NY INFORMATIKA

And 265- Vola fandoa raikitra, feran'ny didy amam-pitsipika, no alaina amin'ny lahasa rehetra anaovana fanambarana ara-dalàna amin'ny fadintseranana ao amin'ny biraon'ny fadintseranana efa nampiasana informatika

LOHATENY X FIFANOLANANA

TOKO VOALOHANY FAMARITANA NY FADIKAN-DALÀNA AMIN'NY FADINTSERANANA

And 266- Ny atao hoe fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia ny fandikan-dalàna ao amin'nireo fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity sy ny fandikana ireo lalàna sy ny fitsipika momba ny fadintseranana voasoritra ao amin'ny andininy voalohany etsy ambony

TOKO II FIZAHANA FOTOTRA NY FADIKAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA

Sokajy I Fizahana fototra amin'ny alalan'ny fitàna an-tsoratra ny fanagiazam-pananana

§1er- *Olona nantsoina hanao ny fanagiazana ny entana. Sara sy ny adidy aman'andraikitr'ilay nogiazam-pananana*

And.267- 1° Ny fandikan-dalàna momba ny fandikan-dalàna dia azon'ny mpandraharahan'ny fadintseranana fototra;

2° Ireo izay mizaha fototra ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana dia manan-jo handray ny zavatra rehetra mety iharan'ny famaboana, hitana ny taratasy fandefasana ary ny taratasy firaketana hafa rehetra mikasika ireo zavatra notanana ireo sy hanao ny fitazonana ho fisorohana ny zavatra napetraka iantohana ny sazy

3° Tsy azony atao ny misambotra ny voampanga raha tsy amin'ny fahatratrarana ambodiomby, **miaraka amin'ny fanaovana andrimaso araka ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka malagasy.**

§2.- Fombafomba ankapobe sy tsy maintsy atao mba tsy ahafoana ny sazy mikasika ny fampandriana an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra ny fanagiazana.

And. 268.- 1° a) Raha ahafahana manao izany ny zava-mitranga, ny entana sy ny fitaovam-pitaterana nogiazana dia entina sy apetraka ao amin'ny birao na ao amin'ny toeram-piasana momba ny fadintseranana akaiky indrindra ny toerana nanaovana ny fanagiazana. Raha toa ka misy, ao amin'ny toerana iray ihany, birao na toeram-piasana maromaro momba ny fadintseranana, ny zavatra nogiazana dia azo taterina tsy misy fanavahana any amin'ny iray amin'izy ireny ;

b) Raha toa tsy azo atao ny mitondra azy avy hatrany any amin'ny birao na ny toeram-piasana, na raha toa tsy misy birao na toeram-piasana eo an-toerana, ny zavatra nogiazana dia azo

ankinina amin'ny mpiambina ny voampanga na olon-kafa, eo amin'ny toerana nanaovana ny fanagiazana na any amin'ny toeran-kafa ;

Amin'izany tranga izany, ny voampanga na ny olon-kafa no miantoka ny fitazonana sy ny fitehirizana ny zavatra nogiazana ary tàmàna ho tompon'andraikitra raha toa ka misy ny fahaverezan'ireo zavatra voalaza ireo. Raràna izy tsy hivarotra, ny hamindra toerana, ny hanolo, ny hampiasa ho an'ny tenany manokana izany ;

Ny tsy fanajana ireo fepetra ireo dia zary fandikan-dalàna izay voalaza ary faizina araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-406 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka malagasy (fanolorana avy hatrany ny voampanga manoloana ny fampanoavana) ; tsy tohinina ny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

2° Ny mpiasa izay mizaha fototra ny fandikan-dalàna dia mampandry an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra ary tsy hampifangaro izany amin'ny taratasim-panjakana hafa, farafahatarany, aorian'ny fitaterana sy ny fametrahana avy hatrany ny zavatra nogiazana ;

3° a) Ny fitànana an-tsoratra dia azo ampandriana an-tsoratra eo amin'ny toerana fametrahana ny zavatra nogiazana, na eo amin'ny toerana nizahana fototra ny fandikan-dalàna.

Azo atao ihany koa ny mampandry an-tsoratra izany any amin'ny foiben-toeran'ny borigadin'ny zandarimaria, any amin'ny biraon'ny mpiasam-panjakana iray momba ny Fitantanam-bola na any amin'ny distrikan'ny ara-pitondran-draharaha eo amin'ilay toerana na ao amin'ny lapan'ny tananan'ny Kaominina

b) Raha toa fanagiazana any an-trano, dia azo ekena tsara ny fampandriana an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra

And. 269.- Ny fitànana an-tsoratra dia milaza ny vaninandro sy ny anton'ny fanagiazana ; ny fanambarana izay natao ho an'ny voampanga, ny anarana, asa ary fonenan'ny mpanao fanagiazana sy ny olona misahana ny fitoriana ; ny karazan-javatra nogiazana sy ny habetsahany ; ny fahatongavan'ny voampanga amin'ny famariparitana na ny fanerena natao taminy mba anatrehany eo, ny anarana sy ny toetry ny mpiambina, ny toerana nampandriana an-tsoratra ny fitànana an-tsoratra sy ny ora nifaranan'izany.

And. 270 - 1° Raha toa tsy voarara ny entana nogiazana dia omena fanalana tsatoka ny fitaovam-pitaterana amin'ny alalan'ny antoka azo itokiana na amin'ny alalan'ny fampandraiketana ny tetibidiny ;

2° Izany tolotra izany ary koa ny valiny dia marihina ao amin'ny fitanana an-tsoratra

3° **ny fanalana tsatoka ny fitaovam-pitaterana dia ekena tsy misy antoka na fampandraiketana ho an'ny tompon'ny entana mandeha an-kitsi-po, raha toa izy ka naharaitra ny fifanekem-pitaterana, ny fanofana na fampitrosana zary fanofana izy mampifandray azy amin'ny mpandika lalàna araka ny lalàna sy fitsipika manan-kery sy araka ny fanatontosana ny asa aman-draharaha.**

Na izany aza anefa, io fanalàna tsatoka io miankina amin'ny fanonerana ny sara izay mety efa narotsaky ny Fandraharahana ny Fadintseranana mba hiantohana ny fitazomana sy ny fitehirizana ny fitaovam-pitaterana nogiazana.

And. 271 - 1° Raha toa ilay voampanga ka manatrika eo, ny fitanana an-tsoratra dia milaza fa novakiana taminy izany, niangaviana izy hanao sonia izany ary nahazo ny kopian'izany avy hatrany izy ;

2° Raha toa ilay voampanga ka tsy manatrika eo, ny kopia dia atao peta-drindrana ao anatin'ny efatra amby roapolo ora eo amin'ny varavaran'ny biraon'ny fadintseranana na ao amin'ny lapan'ny tanàna na ao amin'ny biraon'ny distrika na ny toeram-piasana ara-pitondran-draharaha eo amin'ilay toerana nanaovana ny fampandriana an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra raha tsy misy izany eo amin'io toerana misy ny biraon'ny fadintseranana io.

Noho izany, ny fitànana an-tsoratra nampandriana an-tsoratra tsy teo anatrehan'ny voampanga, dia mitovy ihany ny fiatraikany sy ny fananan-keriny toy ilay nampandriana an-tsoratra teo anatrehany.

3° Na amin'ny andaniny na amin'ny ankilany, io fitanana an-tsoratra io dia hisy soratra aseho araka ny fepetra tondroin'ny andininy faha-310 manaraka etoana.

§ 3. - Fombafomba mikasika ny fanagiazana manokana

A. Fanagiazana mikasika ny hosoka sy ny fahasimban'ny entana alefa.

And. 272. - 1° Raha toa ny anton'ny fanagiazana ka mikasika ny hosoka na fahasimban'ny entana alefa, ny fitànana an-tsoratra dia milaza ny karazan'ny hosoka, ny fahasimbana na ny entana mihoatra

2° Izany entana alefa izany, voasonia sy voarangotra « ne varietur » nataon'ny mpanao fanagiazana, dia atovana ny fitanana an-tsoratra izay misy ny fanerena atao amin'ny voampanga izay hosoniaviny sy misy ny valinteniny.

B. Fanagiazana any amin'ny trano fonenana

And. 273.- 1° Amin'ny fanagiazana any amin'ny trano fonenana, ny entana tsy voarara dia tsy afindra toerana, na dia eo aza ny fanomezan'ny voampanga antokaentina hanefana ny tetibidin'izy ireo. Raha tsy manome antoka ny voampanga, na raha toa izany ka zavatra voarara, ny entana dia taterina any amin'ny birao akaiky indrindra na ankinina amin'ny mpiambina hafa natsangana teo amin'ny toerana nanaovana ny fanagiazana, na tany amin'ny toerankafa ;

2° Raha toa ka misy fandavan'ny voampanga, mba ho fanarenana ny raharaha, ny fitanana an-tsoratra dia hirakitra fotsiny sotratra momba ny fandavana.

C - Fanagiazana eny amin'ny sambo madinika sy sambo vaventy misy tokontany

And. 274 - Momba ny fanagiazana natao eny amin'ny sambo madinika sy ny sambo vaventy misy tokontany, raha toa ny fampidinana avy any an-tsambo ka tsy azo atao avy hatrany, ny mpanao fanagiazana dia mametaka ny fitomboky ny Fitsarana amin'ny takelaka sy ny varavaran-tokontanin-tsambo. Ny fitanana an-tsoratra, izay atao isaky ny misy ny fampidinana entana, dia ahitana ny isany, ny marika sy ny laharan'ny fonosana, ny kesika ary ny barika. Ny fanoritsoritana amin'ny antsipiriany dia tsy atao afa-tsy any amin'ny birao ihany, eo anatrehan'ny ny voampanga na aorian'ny fanerena hanatrika ao, omena ny kopian'izany isaky ny fisahanan-draharaha.

D - Fanagiazana ivelan'ny fari-piasana.

And. 275- 1° Ivelan'ny fari-piasana, ny fepetra voalazan'ny andininy teo aloha dia ampiarina amin'ny fandikan-dalàna tsikaritra tany amin'ny birao, ny toeram-panobiana na toerana hafa iharan'ny fanaraha-maso ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

2° Azo atao ihany koa ny mangeja amin'ny toerana rehetra raha sendra fitoriana hita taratra, fandikan-dàlana miharihary, fandikan-dalàna amin'ny andininy faha-254 etsy ambony, na ny fahitana tsy nampoizina entana izay ny fiaviany feno hosoka dia mampibari-bary mazava ny fanambarana nataon'ireo mitazona izany na ny antontan-taratasy mandresy lahatra hita tany aminy ;

3° Raha toa ka fanagiazana aorian'ny fitoriana hita taratra, ny fitanana an-tsoratra dia manamarina :

a) raha toa ny entana fehezin'ny fombafomba momba ny fahazoan-dalan'entana mivezivezy, ka izany entana voalaza izany dia zohina tsy tapaka eo amin'ny fidirany no anatin'ny faritra ka hatramin'ny fotoana nanagiazana azy ary izany dia tsy misy ny fandefasana ilaina amin'ny fitaterana izany ao anatin'ny faritra manodidina ny fadintseranana ;

b) raha toa entana hafa, ka izany entana voalaza izany dia zohina tsy tapaka hatreo amin'ny fidirany eo amin'ny sisin-tany ka hatramin'ny fotoana anaovana ny fanagiazana.

§ 4.- Fitsipika arahina aorian'ny fampanandriana an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra ny fanagiazana

And. 276. - 1° Ny fitarainana miaraka amin'ny mpangataka onitra ary koa ny fitanana an-tsoratra mizahana fototra ny fahadisoan'ny fadintseranana dia apetraka amin'ny Tonia Mpampanoa na ny mpitsara manao ny asa ary ny voampanga nosamborina dia entina eo anatrehan'ny.

2° Amin'izany, ny manam-pahefana sivily na miaramila dia tsy maintsy manampy mafy ny mpiasan'ny fadintseranana amin'ny fanerana voalohany.

SOKAJY II

Fanamarinana amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra

And. 277. -1° Ny vokatry ny fanaraha-maso natao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-54 etsy ambony, ary amin'ny ankapobeny, ny vokatry ny famotopotorana sy fakàna am-bavany nataon'ny mpiasan'ny fadintseranana dia raketina an-tsoratra ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra.

2° Io fitanana an-tsoratra io dia milaza ny vaninandro sy ny toerana nanaovana ny fanaraha-maso sy ny famotopotorana natao, ny karazan'ny fanamarinana natao **sy ny filazalazana voangona**, ny fanagiazana ny tahirin-kevitra sy ny antontan-java-pantatra ara-informatika voangona, raha misy, ary koa ny anarana, ny asa ary ny fonenana ara-pitondrana ny mpiasa manao ny fitanana an-tsoratra. Izany dia manondro, ankoatr'izany, fa ireo izay tany aminy, ny famotopotorana na ny fanaraha-maso no natao dia ampahafantarina ny vaninandro sy ny toerana nampandriana an-tsoratra io tatitra io ary fanerena no atao azy ireo amin'ny fanatrehana izany fampanandriana an-tsoratra izany, raha tonga manatrika ny fampanandriana an-tsoratra ireo olona ireo, dia tondroin'izy ireo mazava fa novakiana tamin'izy ireo izany ary niantsoan'azy ireo hanao sonia izany.

SOKAJY III

Fepetra iraisan'ny Fitanana an-tsoratra momba ny fanagiazana sy ny fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra

§ 1. Hajia sy fandraiketana am-boky

And. 278. - Ny fitanana an-tsoratra ny fadintseranana ary koa ny fanononam-bola sy ny fifanakalozam-barotra mahasolo izany dia afahana amin'ny fombafomba arahina mikasika ny hajia sy ny fandraiketana am-boky

§ 2 - Fanomezan-danja ny fitanana an-tsoratra ara-dalàna sy fahafahan'ireo voampanga hanohitra izany didy ara-dalàna izany.

And. 279. - 1° Ny fitanana an-tsoratra ny fadintseranana nampandrian'ny mpandraharahan'ny fadintseranana roa vita fianianana an-tsoratra no itokiana mandra-pisian'ny fitoriana fa misy hosoka ny fahitana fototra ny fitaovana voalaza tao anatin'ny.

2° Tsy itokiana izany mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'ny fahamarinan'ny fiaikena sy fanambarana izay notateriny

And. 280. - 1° Ny fitanana an-tsoratra ny fadintseranana nampandrian'ny mpandraharaha tokana ihany vita fianianana an-tsoratra no itokiana mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.

2° Mikasika ny fandikan-dalàna nohamarinin'ny fitanana an-tsoratra momba ny fizahana fototra taorian'ny fanaraha-maso ny soratra amin'ny boky, ny porofo manohitra izany dia tsy azo taterina raha tsy amin'ny alalan'ny tahirin-kevitra tamin'ny vaninandro inoana fa talohan'ny famotopotorana nataon'ny mpandraharaha mpanao fitanana an-tsoratra.

And. 281.-Ny fitsarana dia tsy afaka manohitra fanafoanana hafa amin'ny fitanana an-tsoratra ny fadintseranana afa-tsy ny fanadinoina ny fombafomba voalazan'ny andininy faha-268 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.

And. 282.- 1° Izay te-hanao fitoriana fa misy hosoka manohitra ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy manao fanambarana an-tsoratra, amin'ny alalan'ny tenany na ataon'ny nomem-pahefana manokana nentina teo anatrehan'ny « notaire », farafahatarany amin'ny fotoam-pitsarana tondroin'ny fanerena hiseho eo anatrehan'ny fitsarana izay tokony hahafantatra ny fandikan-dalàna ;

2° Ao anatin'ny telo andro manaraka, dia tsy maintsy mametraka ao amin'ny mpiraki-draharahan'izany fitsarana izany izy ny fomba hanoharena, ny anarana sy ny asan'ny vavolombelona izay tiany ho heno, izany rehetra izany dia mba tsy hahafafoana ny fanoratana ny fanoherana

3° Izany fanambarana izany dia raisina sy soniavin'ny filoha sy ny mpiraki-draharaha, raha toa ilay mpanao fanambarana ka tsy mahay manoratra sy tsy mahay manao sonia

And. 283. - 1° Amin'ny fitoriana fa misy hosoka manohitra ny fitanana an-tsoratra fizahana fototra ny hosoka, raha toa ny fitoriana ka natao tao anatin'ny fe-potoana sy araka ny fomba voadidin'ny andininy teo aloha ary raha heverina fa ny fomba nentina nanaovana ny hosoka, raha toa voaporofa ka manapotika ny fisian'ny hosoka manoloana ny mpanao ny fanoratana, ny Tonia Mpampanoa na ny fitsarana izay manao ny asany dia manatanteraka antsakany sy andavany mba hanapahana izany tsy misy tsy hatak'andro ;

2° Azo atao ny mampihemotra, araka ny voalazan'ny andininy faha-529 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paik'ady heloka, ny fitsarana ny fandikan-dalàna mandra-pahavitan'ny fitsarana ny fitoriana fa misy hosoka, amin'izany, ny fitsarana nanolorana ny fandikan-dalàna dia manome baiko vonjimaika ny fivarotana ny entana mety ho lo sy ny biby nampiasaina tamin'ny fitaterana

And. 284. - Raha toa ny fitoriana fa misy hosoka ka tsy natao tao anatin'ny fe-potoana sy araka ny fomba faritan'ny andininy faha-282 etsy ambony, dia atao ny famotopotorana sy ny fitsarana ny raharaha, ka tsy anavahana na inona na inona.

And. 285. - Raha toa ny nanao ny fandikan-dalàna mahatsapa ny fahadisoany ary mangataka ny fanomezana fifanakalozam-barotra, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka tsy manao fitanana an-tsoratra sy mandrafitra araka izany ny fanononam-bola - fifanakalozam-barotra, taratasy ahitana ny fifandraisan'ny toe-javatra, ny fahafantaran'ny voampanga ny fandikan-dalàna ary ny fanambarany ny hametrahana izany amin'ny fanapahan-kevitra ny Fanjakana

Ny sonian'ny voampanga dia tokony ialohavan'ny soratra atao tanana hoe « Novakiana sy nekena » ary ny an'ny antoka, ny soratra hoe « taratasy manamarina fa azo antoka »

Ny taratasy fifanakalozam-barotra dia midika, manamarina ny fandraisana, ny fitarainana ary ny famoriana ny trosan'ny fadintseranana.

TOKO III FANENJEHANA SY FAMORIANA

Sokajy I

Fepetra ankapobe

And. 286 - Ny heloka tsotra sy fandikan-dalàna rehetra soritan'ny lalàna sy ny fitsipika momba ny fadintseranana, araka izay faritan'ny andininy voalohany sy faha-266 etsy ambony dia azo enjehina sy porofoina amin'ny fomba rehetra voalazan'ny lalàna na dia tsy misy aza fanagiazana natao tao anatin'ny faritra manodidina ny fadintseranana na ivelan'io faritra io, na ny entana nanaovana fanambarana dia tsy nahazoana fanamarihana na dia kely aza.

Eo amin'ny sehatry ny Fifanampiana ara-pitondran-draharaha eo amin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena, araka izay voalazan'ny andininy faha-54.5° amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia omen-dalàna, mba hisian'ny fifamalian-draharaha, handray avy amin'ny manam-pahefan'ny fadintseranana mahefa any amin'ireo Firenena vahiny ny filazalazana rehetra, taratasy fanamarinana, fitanana an-tsoratra ary tahirin-kevitra hafa, mba hanenjehana sy hamaizana ny fandikana ny lalàna sy ny fitsipika ampiarina eo amin'ny fidirana na eo am-pivoahana ny tanim-pirenena.

Ny zavatra hosoka nogiazana na nobaboina dia azo averina any amin'ny firenena niaviany araka ny fangatahana mazava ataon'ny manam-pahefan'ny fadintseranana sy miaraka amin'ny fankatoavan'ny ankolafiny iray. Ny vola lany aterak'izany famerenana izany dia iandraiketan'ny Mpangataka.

And. 287. Mikasika ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana ny fitsarana mahefa dia tsy anolorana fotsiny ihany ireo zava-misy voalazan'ny fiantsoana ho any amin'ny fitsarana, fa ireo izay tsikaritry ny Fitanana an-tsoratra ihany koa, fototry ny fitoriana, milaza na tsia ny andininy mifandraika amin'izany.

And. 288- 1° Ny fampakaran-draharaha amin'ny fitsarana ho fampiharana ny sazy dia tanterahin'ny mpitsara mpampanoa lalàna

2° Ny fampakaran-draharaha ho fampiharana ny sazy momba ny hetra dia tanterahin'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana ;

3° Manoloana ny Fitsarana Ambony, ny Fitsarana Ambaratonga voalohany na sampam-pitsarana ao amin'ny fari-piadihana izay misy ny biraon'ny fadintseranana, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia soloin'ny Mpandray vola ao amin'ny Fadintseranana tena na ny solontenany tendrena ho amin'izany.

Manoloana ny Fitsarana Tampony, izy dia soloin'ny Lehiben'ny Sampan-draharaha ifotony miandraikitra ny Fifanolanana amin'ny Fanjakana na ny solontenany manam-pahaizana amin'izany.

Raha ilaina, ny andaniny na ny ankilany dia afaka manatanteraka tsara ny asan'ny fisoloan-tena nanoloana ny fitsarana dingana voalohany na dingana faharoa sy miantoka amin'ny fotoam-pitsarana ny fiarovana ny tombotsoan'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'ny maha mpangataka onitra, maha mpitory azy.

4° Raha misy fandikan-dalàna momba ny fadintseranana ka ny fanenjehana sy fanatanterahana eken'ny Fandraharahana ny fadintseranana ho marina izy dia afaka mipetraka ho mpangataka onitra na mandritra ny fanaovana famotorana na amin'ny fotoam-pitsarana, manoloana ny Ambaratongam-pitsarana rehetra.

And. 289. Raha toa ka maty alohan'ny famoahana ny didim-pitsarana raikitra na ny fifanakalozam-barotra ny tompo-mariky ny fandikan-dalàna, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia omem-pahefana hanatanteraka ho setrin'ny fampakaran-draharaha misesy izay mikendry ny hanaovan'ny fitsarana fanambarana ny famaboana ny zavatra mety tratran'izany famaizana izany na, raha toa ireo ka afaka nogiazana, ny fanamelohana amin'ny fanefana vola mitovy sanda amin'izany zavatra voalaza izany dia kajiana araka ny sandan'ny ny tsenam-barotra eto an-toerana amin'ny fotoana nanaovana ny hosoka.

Sokajy II

Fanenjarahana amin'ny alalan'ny fanerena

§ 1.- *Fampiasana ny fanerena*

And. 290. Ny Tale Jeneraly sy ny Mpandray vola ao amin'ny fadintseranana dia afaka manome fanerena ho fampidirana ny sara sy haba isan-karazany rehetra izay iandraiketan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ny famorina azy, ho fanefana ny sara, onitra ary vola hafa tokony aloa raha sanatria misy ny tsy fanefana ny sora-bola ao amin'ny fanamarinam-bla ho amin'ny antoka sy fanononam-bola, ary amin'ny ankapobeny amin'ny toe-javatra rehetra izay ahafahany manaporofa fa misy vola efaina amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

And. 291. Afaka manome fanerena ihany koa izy araka ny voalazan'ny andininy faha-42 etsy ambony

§2. - *Taratasy fizakana*

And. 292. - Ny fanerena dia tokony ahitana ny kopian'ny taratasy fizakana manaporofa ny trosa

And. 293.- 1° Ny fanerena dia hamarinin'ny filohan'ny fitsarana na ny sampana ka tsy misy sarany ;

2° Ny mpitsara, na noho ny antony inona na noho ny antony inona, dia tsy afaka mandà ny taratasy fanamarinana ny fanerena rehetra atolotra azy, raha tsy izany dia, amin'ny anaran'ny tenany sy manokana, tompon'andraikitra amin'ny zavatra izay nomena azy.

And. 294. Ny fanerena dia hampahafantarina araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-307 manaraka etoana.

Sokajy III

Famonoana ny zo hanenjika sy hanafay

§1. Zo avy amin'ny fifanakalozam-barotra

And. 295-1° Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia omen-dàlana handefitra amin'ny olona enjehina noho ny fandikan-dalàna mikasika ny fadintseranana ;

Ny fombafomba fanatanterahana dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana.

2° Ny fifanakalozam-barotra dia azo ampiharina aloha na aorian'ny didim-pitsarana raikitra

3° Amin'ny tranga faharoa, ny fifanakalozam-barotra dia tsy manala ny sazy ara-batana

4° Ny fifanakalozam-barotra dia tsy ahazoana tombontsoa afa-tsy ireo izay nanekena izany. Noho izany, ny fanenjehana dia mbola mijanona ho azo atao amin'ireo mpandika lalàna hafa, na mpiara-tompo-marika, mpiray tsikombakomba na liana. Tsy mitovy amin'izany anefa ho an'ny antoka sy ny olona tena tompon'andraikitra andavanandro satria ny andraikit'izy ireo dia mivantana avy amin'ny an'ny tena tompo-marika raha toa ity farany ka mahazo tombontsoa amin'io fomba fandaminana io ary raha toa ny asany ka tsy afa-misaraka ny amin'ity farany.

5° Ny fifanakalozam-barotra dia manana, eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, fahefana amin'ny zavatra hotsarina. Tsy afaka enjehina izy noho ny fahadisoana teo amin'ny zo, na noho ny fahalesoana

6° Ny fisehoan-javatra mitovy amin'izany mikasika ny olona io ihany, aorian'ny fifanakalozam-barotra ao amin'ny fadintseranana izay nanafoanana ny fampankaran-draharaha nataon'ny Fanjakana, dia tsy afaka enjehina intsony amin'ny endrika hafa ara-pitsarana

And. 296. Ho fitandroana ny loharanom-bola sy ny lolohan'ny ananan-trosa na toe-java-misy hafa manokana, ny fanamboarana indray ny sazy dia afaka eken'ny Manam-pahefana izay nanonona ny sazy.

§2. *Fepetra amin'ny Fampakaran-draharaha*

And. 297. Ny fampakaran-draharahan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana ho famaizana dia voadidy ao anatin'ny dimy taona sy araka ny fepetra mitovy amin'ny fampakaran-draharaha amin'ny fanjakana mikasika ny heloka tsotra mifehy ny ankapobem-bahoaka.

§3. *Fepetra mikasika ny zo manokan'ny Fanjakana sy ny mpandoa hetra.*

A.- FEPETRA IADIANA AMIN'NY MPANDOA HETRA

And. 298. - Tsy misy olona azo raisina hanao fangatahana mba hamerenana ny zo sy ny entana, sy ny fandoavana ny hofany, mba hanohitra ny Fandraharahana ny Fadintseranana, roa taona aorian'ny fotoana nanomezan'ny mpitaky ny fandoavana ny sara, fanobian'entana, ary ny fe-potoana anefana ny hofany

And. 299 - Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka adidy manoloana ny mpandoa hetra, telo taona aorian'ny fahataperan'ny taona niasana avy, ny amin'ny fitanana ny rejistry ny vola miditra sy ny hafa amin'izany taona izany ihany, ka tsy voatery hanolotra izany raha toa ka misy ady mbola mitoetra fa tsy voatsara amin'ny famotorana sy didim-pitsarana ilaina izany rejistry sy ny singan-taratasy izany.

B.-FEPETRA IADIANA AMIN'NY FANJAKANA

And. 300 - Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia tsy afaka hanao fangatahana na dia iray aza amin'ny fandoavana ny sara, efa-taona aorian'ny tokony ho nandoavana izany sara izany.

C - TRANGA RAHA TOA TSY NISY NY FEPETRA AMIN'NY FE-POTOANA FOHY

And. 301- 1° Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-298, faha-299 ary faha-300 etsy ambony dia tsy miseho ary maharitra telopolo andro raha misy alohan'ny fotoana voatondro, fanerena voalaza, fampakaran-draharaha na fangatahana natao an'ny fitsarana (Fitoriana any amin'ny Fampanoavana, fitoriana miaraka amin'ny fijoroana ho mpangataka onitra), fanamelohana, fanomezan-toky, fifanarahana (fanononam-bola amin'ny fifanolanana amin'ny Fanjakana, fanononam-bola amin'ny fifanakalozam-barotra na sora-panekena mahasolo izany) na adidy manokana mikasika amin'ny anton-javatra izay naverina indray

2° Mitovy amin'izany ihany koa manoloana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-300 raha toa ka noho ny raharaha hosoka nataon'ny mpandoa hetra no tsy nahalalan'ny fitondran-draharaha ny fisian'ny toe-javatra maniteraka ny zony ka tsy nahafahana nampiasa ny fanenjehana izay tandrifim-pahefany mba hanohizana ny fanatanterahana izany.

TOKO IV
PAIKA ARAHINA MANOLOANA NY FITSARANA

Sokajy I
Fitsarana mahefa mikasika ny Fadintseranana

§1. Tandrifin'andraikitra

And. 302-1° Ny Fitsarana ady heloka dia mahefa hitsara ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana, ny heloka tsotra eo amin'ny fadintseranana, ny fandikan-dalàna eo amin'ny fanaraha-maso ny fifanakalozam-bola, ny fandikan-dalàna iarahan'ny fadintseranana sy ny fifanakalozam-bola ary ny raharaha rehetra momba ny fadintseranana nosinganina noho ny antony manokana

2° Ny fitsarana ady madio dia mahefa amin'izay mikasika ny fitsipahana hanefa ny sara sy haba, ny famoriana ny sara sy haba, ny fanerena amin'ny fanoherana ombam-panerena, amin'ny tsy fanomezana ny tsy fanalana arakaraka amin'ny filazana omban'antoka ary ny raharaha hafa momba ny Fadintseranana

3° Ny Fitsarana ara-panjakana dia mahefa hitsara ny sora-panekena sy fanapahana ara-panjakana

§ 2 - Fahazoa-mitsara eo amin'ny fari-piadidiana

And. 303- 1° Ny Fitsarana mahefa eo amin'ny fari-piadidiana dia izay ao amin'ny faritra izay misy ny biraon'ny fadintseranana akaiky indrindra amin'ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna

2° Raha toa ka maro ny fandikan-dalàna vokatry ny zavatra miendrika heloka tsotra natao tao anatin'ny toerana maromaro andaniny, **ary raha toa ka misy ny fahitana fototra nataon'ny Mpandraharaha ao amin'ny Sampan-draharaha ifotony**, ny Fitsarana mahefa dia ny ao amin'ny faritra izay misy ny biraon'ny fadintseranana akaiky indrindra amin'ny toerana nampandriana an-tsoratra ny fitanana an-tsoratra ny fanagiazana

3° Amin'ny ady madio, ny Fitsarana mahefa dia ny ao amin'ny faritra misy ny biraon'ny Sampan-draharaha na ny Fandraisana vola, mpangataka na mpiaro ny fampakaran-draharaha.

Sokajy II
Paika arahina manoloana ny Fitsarana

§1. Amin'ny famakiana ady

And. 304. Amin'ny ady madio, famakiana ady dia atao na amin'ny alalan'ny fitoriana na amin'ny alalan'ny fiantsoana

§2. Didim-pitsarana

And. 305- 1° Amin'ny andro voatondro hanatrehana ny fitsarana, ny mpitsara dia mihaino ny andaniny, raha toa izy ka manatrika eo, ary namoaka ny didim-pitsarana avy aminy.

2° Raha toa ny toe-java-misy ka ilaina fe-potoana, afa-tsy ny tranga voalaza ao amin'ny andininy faha-206 etsy ambony, dia tsy afaka mihoatra ny valo andro ary ny didim-pitsarana fanemorana dia tsy maintsy manome alàlana hivarotra vonjimaika ireo entana mora lo.

§3. Fampakaran fitsarana ambony amin'ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana

And. 306. Ny didim-pitsarana rehetra navoakan'ny fitsarana mikasika ny fadintseranana dia azo anaovana fampiakaram-pitsarana ambony, na inona na inona ny havesa-danjan'ny fifanolanana, araka ny fitsipika ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paik'ady heloka

§4. Fampahafantarana ny didim-pitsarana sy ny paik'ady arahina hafa

And. 307-1° Ny fampahafantarana amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia atao amin'ny mpandraharaha izay misolo tena azy

2° Ny fampahafantarana amin'ny ankilany dia atao araka ny fitsipika ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Paik'ady madio.

And. 308-1° Ny fanenjehana ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana dia miankina amin'ny fitarainana mahatonga ho mpangataka onitra ny Lehiben'ny sampan-draharaha na ny Mpandray vola ao amin'ny fadintseranana raha tsy izany dia foana ny paikady arahina. Amin'izany, ny taratasy rehetra fanamarinana nataon'ny mpandraharaha ao amin'ny fitondran-draharaha ankoatra ny fadintseranana dia tsy maintsy ampitaina any amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana noho ny fahaizany amin'izay mikasika ny fanenjehana

2° Ny fiantsoana hanatrika manoloana ny Fitsarana dia omena na amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ihany izay nahita ny fandikan-dalàna, na amin'ny alalan'ny fanerena na fampitandremana.

And. 309. Ny fanomezana fahafahana vonjimaika ny voampanga monina any ivelany ary votàna noho ny heloka fampidiran'entana tsy nandoavana fadintseranana dia tokony hiankina amin'ny fandiana hanome antoka ho fanefana ny fanamelohana ara-bola setrainy.

And. 310. Ny fitsipika momba ny paika arahina manan-kery eto amin'ny tanin'ny Repoblika dia ampiharina amin'ny fiantsoana, didim-pitsarana, fanoherana ary fampakaram-pitsarana

Sokajy IV **Fangatahana fandravàna**

And. 311 - Ny fitsipika manan-kery eto amin'ny tanin'ny Repoblika mikasika ny fangatahana fandravàna momba ny ady madio sy ny heloka bevava dia ampiharina amin'ny raharaha momba ny fadintseranana.

Sokajy V **Fepetra samihafa**

§1 - Fitsipika amin'ny paika arahina itambaran'ny ambaratonga rehetra

A.-FAMOTORANA SY SANDAM-PITSARANA

And. 312 - Na eo amin'ny fampiakaram-pitsarana ambony na ambaratonga voalohany, ny famotorana dia am-bava sy apetraka amin'ny taratasy kely fanazavana ary tsy misy saram-pitsarana miverimberina na ny amin'ny andaniny na ny amin'ny ankilany

B - TARATASIN'NY VADINTANY

And. 313. Ny mpandraharahan'ny fadintseranana dia afaka manao, amin'izay mikasika ny fadintseranana, ny taratasin'ny vadintany rehetra sy ny soram-pitsarana hafa izay fanaon'ny vadintany, na izany aza, azony atao mampiasa arak'izay iheverany azy izany vadintany izany, indrindra indrindra ny fivarotana ny zavatra nogiazana, nobaboana na nafoy.

§2 - Fiarovan-tena eo anatrehan'ny mpitsara, Fanalefahana - Famerenan-keloka

And. 314 - 1° Ny mpitsara dia tsy afaka, mba tsy hamaliana izany amin'ny anaran'ny tenany sy manokana, hanalefahana ny sara na ny famaboana na ny onitra, na koa ny fandiana ny fampiasana izany ho famonoana antoka ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

Na izany aza, ho fandinganana io feni-kevitra io, raha toa tazonin'ny mpitsara ny fanalefahana, izy ireo dia afaka afatsy raha misy fepetra mifanohitra amin'izany :

- manafaka ireo mpandika lalàna amin'ny famaboana ny fitaovam-pitaterana ; na izany aza anefa dia tsy azo ampiharina ireo fepetra ireo amin'ny fampidirana entana tsy nandoavana fadintseranana na ny mitovy amin'izany dia natao amin'ny alalan'ny fanafenana entana any amin'ny

toerana natokana notsaraina na any anaty lozoka na toerana tsy misy n'inon'inona izay tsy tena natokana hametrahana entana ;

- manafaka ireo mpandika lalàna amin'ny famaboana ny zavatra natao hanaronana ny hosoka

2° Amin'ny fampidirana entana tsy nandoavana fadintseranana mikasika ny entana voarara amin'ny famerenan-keloka, ny fanelanelanana dia tsy azo ekena.

And. 315. Tsy azo atao ny manome fanalana tsatoka ny entana nogiazana raha tsy efa voatsara daholo izy rehetra, mba tsy hahafaona ny didim-pitsarana sy ny onitra ary ny tombontsoan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana

And. 316. Voarara ny mpitsara rehetra, mba tsy hahavoasazy araka ny andininy faha-293 etsy ambony, hanome ho setrin'ny fanerena fiarovana na fanemoram-potoana na dia iray aza, izay ho foana sy tsy hanan-kery, afa-tsy ny onitra sy ny tombontsoan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana.

And. 317. - Ny mpitsara ao amin'ny fitsarana sy ny mpiraki-draharahany dia tsy afaka mandefa ny taratasy fanefana na filazana omban'antoka, fanesorana, fahazoan-dalan'ny entana hivezivezy, fandraisana na fialana andraikitra amin'ny fanononam-bola, na hamoaka didim-pitsarana na iray aza hanoloana ny taratasy ifandefasana

§ 3 - Fepetra manokana ho an'ireo ady vokatry ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana

A - POROFO MOMBA NY TSY FISIAN'NY HELOKA

And 318 - Amin'izay rehetra fampakaran-draharaha mikasika ny fanagiazana, ny porofo momba ny tsy fisian'ny heloka dia andraikity ny olona nogiazan'entana

B- FITORIANA MISY ANTOKA

And 319 - **1°** N'inona n'inonany karazan'ny fitsipika momba ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana izay anton'ny fitanana an-tsoratra, ny iray ahay amin'ny fepetra ara-panjakana manaraka ireto dia azo omena ho antoka amin'ny fanefana ny sara sy ny haba nialana na niafanarahana ary ny onitra noferana na nolazaina;

- a) - Fampikatsoana ny raharaha fanondranan'entana
 - b) - Fisintonana vonjimaika na raikitra ny fankatoavana na inona izany na inona araka ny fanapahana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fadintseranana
 - c) - Fanakatonana mandritra ny fotoana voafetra izay tsy tokony hihoatra ny telo volana, ny fanajariana, ozinina, toera-piasana, magazay, fanobian'entan'ny mpandika lalàna.
- Amin'izany, ny fandraharahana ny fadintseranana dia afaka mametaka ny firamainty na mampiasa fomba hafa fanidiana .

Izany fepetra izany, rehefa avy nampahafantarina izany ny manam-pahefana ara-pitondrana eo amin'ny toerana anaovana ny asa aman-draharaha na ny solontenam-paritry ny fanjakana, dia ambara araka ny fanapahana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fadintseranana izay hamindra ny fahefany

- amin'ny lehiben'ny sampan-draharaha miadidy ny fifanolanana amin'ny fanjakana sy ny ady atao amin'ny heloka, raha toa ka tsy mihoatra ny iray volana ny fanakatonana
- amin'ny talen'ny fadintseranana ho an'ny fe-potoana ambonin'ny iray volana.

Rehefa dila ny fe-potoana telo (3) volana, ny fandraharahana ny fadintseranana dia manan-jo hanapaka ny momba ny entana ahitana olana, araka ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana.

Na amin'inona na amin'inona, ireo entana ireo, antoka amin'ny sara sy haba ary onitra, dia tsy azo aondrana.

Mandritra ny fe-potoana ampiarana ny sazy, ilay voadidy dia tsy maintsy mandoa ho an'ny mpiasany ny karama, vatan-karama, tambin-karama ary tombotsoa isan-karazany izay zon'ity farany hatramin'izay.

2° Ny famaboana ny entana nogiazana dia azo anenjehana ny mpamily na ny mpanao fanambarana ka ny fandraharahana ny fadintseranana dia tsy voatery hanohintohina ny tompony, na dia nolazaina azy aza izany.

3° Na izany aza, raha toa ka mirotsaka hiady ny tompony na nangatahin'ireo izay teo amin'ny nanaovana fanagiazana hampiditra ho mpiantoka amin'ny ady, ny fitsarana dia hitsara araka ny

tokony ho izy, amin'ny firosahana an-tsehatra na amin'ny fangatahana hampiditra ho mpiantoka amin'ny ady.

C - FAMABOANA NY ZAVATRA NOGIAZANA AMIN'NY OLONA TSY FANTATRA SY NY MATOAN-TSORATRY NY TARATASY FIRAIKETAN-DRAHARAHA.

And 320 - 1° Ny fandraharahana ny fadintseranana dia afaka mangataka ny fitsarana, amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra, ny famaboana mivantana ny zavatra nogiazana amin'ny olona tsy fantatra na amin'ny olona izay tsy iharan'ny fanenjehana noho ny hosoka tsy dia mavesa-danja loatra.

2° - Tsaraina amin'ny alalan'ny didy iray ihany izany fangatahana izany, na dia mikasika fanagiazana maromaro natao misaraka aza.

D - FITAKIANA NY ZAVATRA NOGIAZANA

And 321 - 1° Ny zavatra nogiazana na nobaboana dia tsy azon'ny tompony takiana, na ny vidiny, na nasiana fampandraiketina izany na tsia, na takian'ny tompon-trosa manana tombon-jo manokana aza, afa-tsy ny fampakaran'ady ataony amin'ny mpanao hosoka ;

2° - Ny fe-potoana fampakaram-pitsarana ambony, ataon'ny olon-kafa mpanohitra ary ny varotra efa tapitra fetr'andro, izay rehetra mety ho fiverimberenana sy fampakaran-draharaha dia tsy azo raisina.

E. FANAMBARANA TSY MARINA

And. 322. - Tsy maintsy tsaraina amin'izay nambara tamin'ny voalohany ny fahamarinana na ny fahadisoan'ny fanambarana an-tsoratra na am-bava

§4- Endrika ara-pitsarana ny onitra sy ny famaboana

And. 323. Ny onitra sy ny famaboana momba ny fadintseranana miendrika toetra roa momba ny sazy sy ny fanonerana andavanandro ka ny endrika momba ny fanonerana andavanandro no mavesa-danja.

And. 324. Ambonin'ny sazy ara-ketra, ny fitsarana dia mandidy ny fanefana ny vola nanaovana hosoka

TOKO V

FANATANTERAHANA NY DIDIM-PITSARANA MANERY SY NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA MIKASIKA NY FADINTSERANANA

Sokajy I

Fahamalinana ahafahana miantoka ny fanatanterahana

§1- Saran'ny fitazonana

And. 325 - Amin'izay rehetra fizahana fototra ny fandikan-dalàna momba ny fadintseranana miharihary, ny fomba fitaterana sy ny entana ifanolanana tsy azo giazana, mba ho antoky ny sazy mihatra, dia afaka tazonina hatramin'ny fotoana anomezana antoka na fandrotsahana fampandraiketana ny sandan'izany sazy voalaza izany .

§2. Tombon-jo sy antoka : solo vaika

And. 326- 1° Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia manana zo amin'ny sara, famaboana, onitra sy fanonerana, tombon-jo sy tombon-dahiny amin'ny tompon-trosa rehetra mikasika ny fanaka sy ny fanana-manaraky ny mpandoa hetra, afa-tsy ny vola aloa amin'ny fitsarana sy ny sara hafa nomena tombon-jo amin'izay hofany aloa mandritra ny enim-bolana ihany ary afa-tsy ny fitakiana ihany koa tena nataon'ny tompon'ny entana amin'ny alalan'ny zavatra hita maso izay mbola mifono

2° Io Fandraharahana io dia afaka mandray ho antoka ihany koa amin'ny fanana-mifakan'ny mpandoa hetra sy ny mpandika lalàna ary koa amin'ny fanaka sasantsasany azo atao antoka (sambo, sambon-dranomamy, fiaramanidina an'ireto farany).

Ny sora-panekena nanaovana ny fametrahana no antoka dia atao amin'ny alalan'ny fanapahana tsotra ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana tsy misy fampandriana an-tsoratra ny taratasy nataon'ny

"notaire". Izany fanapahana izany dia azo raisina raha vantany vao hita fototra ny fandikan-dalàna natao momba ny fadintseranana sy/na momba ny vola ary tsy maintsy manaraka ny fomba ara-dalàna mikasika ny fanoratana ny fametrahana antoka.

And. 327-1° Ny mpandraharaha amin'ny fadintseranana nankatoavina izay nanefa ho an'ny olon-kafa ny sara, haba na onitra momba ny fadintseranana dia mandefitra eo anoloan'ny tombon-joan'ny Fandraharahana ny fadintseranana na inona na inona fombafomba famoriam-bola tsapan'izy ireo manoloana io olon-kafa io

2° Na izany aza, io solo vaika io, na inona na inona fitrangan-javatra dia tsy azo enti-miady fitondran-draharaham-panjakana, **anjaran'ny mpandraharaha amin'ny fadintseranana nankatoavina no mitovy ireo olon-kafa na izay nanao izany.**

Sokajy II Fomba fanatanterahana

§1. Fitsipika ankapobe

And. 328-1° Ny fanatanterahana ny didim-pitsarana navoaka mikasika ny fadintseranana dia azo atao amin'izay fomba voatondron'ny lalàna rehetra

2° Ny didim-pitsarana manameloka noho ny fandikan-dalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana dia tanterahina ankoatra izany amin'ny vatatena

3° Ny fanerena dia tanterahina amin'ny fomba voatondron'ny lalàna rehetra afa-tsy ny fanerena ny vatatena. Ny fanatanterahana ny fanerena dia tsy azo ahantona na dia kely aza amin'ny fanoherana na sora-panekena hafa.

4° Ny fanerena amin'ny fadintseranana dia zary antoka araka ny fomba sy fepetra mitovy amin'ny fanamelohana avy amin'ny manam-pahefana ara-pitsarana

5° Raha toa misy fahafatesan'ny tompo-mariky ny fandikan-dalàna alohan'ny fanefana ny onitra, famaboana ary fanamelohana ara-bola hafa ambara anenjehana azy amin'ny alalan'ny didim-pitsarana raikitra na voalaza any amin'ny fifanakalozam-barotra na fanononam-bola misy ady nekeny, ny famoriana ny vola dia azo anarahana ny mpandova amin'ny voatondron'ny lalàna rehetra, afa-tsy ny amin'ny vatatena

6° Ny onitra sy famaboana momba ny fadintseranana, na inona na inona fitsarana izay nanambara izany, dia didiana ao anatin'ny fe-potoana mitovy amin'ny sazy amin'ny ady heloka madinika mikasika ny lalana ifampitondran'ny daholobe sy ao amin'ny fepetra mitovy amin'ny onitra ihany.

§2 - zo manokana natokana ho an'ny fadintseranana

And. 329 - Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia tsy omen-dalana handoa na dia iray aza araka ny didim-pitsarana tratan'ny fahazoana manao fanoherana, fampakaram-pitsarana ambony na fangatahana fandravàna, afa-tsy raha hoe angaha ireo izay navoaka mialoha momba izany didim-pitsarana izany ka tsy ampy sy tsy feno ny antoka isahanana ny vola nekena ho azy ireo.

And. 330. Raha toa ny fanalàna tsatoka ny zavatra nogiazana noho ny fandikan-dalàna sy fitsipika ka ny fanatanterahana dia nankinina tamin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana izay neken'ny didim-pitsarana nampidirana fangatahana fampakaran-draharaha, ny fanomezana tsy atao amin'ireo izay navoaka ny didim-pitsarana ka tsy ampy sy feno ny antoka amin'ny tetibidiny. Tsy azo omena mandrakizay ho an'ny entana izay voarara ny fidirany ny fanalana tsatoka.

And. 331- Ny fanagiazana rehetra ny vokatry ny sara natao teo am-pelatanan'ny Mpandray vola na ireo mpandoa hetra amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia foana ary tsy manan-kery na dia ireo fanagiazana voalaza, ireo mpandoa hetra dia terena handoa ny vola izay tokony efainy.

And. 332 - Amin'ny fametrahana kase eo amin'ny entana sy taratasy fitanan-kaonty, ny rejisitry ny vola miditra sy ny hafa amin'ny taona diavina dia tsy tokony hidina amin'ny alalan'ny fametrahana kase, ny rejisitra voalaza dia faranana sy asian'ny mpitsara rango-pohy izay manolotra izany amin'ny mpandraharaha miandraikitra ny vola miditra misolo toerana vonjimaika, izy mitoetra ho tompon'antoka manoloana ny fitsarana, ary manisy fanamarihana ao amin'ny fitàna an-tsoatra momba ny fametrahana kase.

And. 333 - 1° Raha toa ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana ka hita fototra ara-dalàna, ary noho ny hamehana, ny Filohan'ny Fitsarana dia afaka, amin'ny alalan'ny fitakiana ataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, mandidy ny fanagiazana ho fitahirizana ny fananan'ny voampanga ary koa ny fitambaran'ny vola notanan'ny olon-kafa

2° Ny didy navoakan'ny Filoha dia azo ampiharina na dia eo aza ny fanoherana na fampakaram-pitsarana ambony. Azo atao ny manome fanalàna tsatoka ny fanagiazana raha toa ka mamonona ny antoka noheverina fa ampy ny fanagiazana.

3° Ny fangatahana mba hampanan-kery na hampanala tsatoka ny fanagiazana dia eo ambany fari-pahefan'ny Filohan'ny fitsarana na ny sampana.

Ny fanamelohana dia midika avy hatrany ny fananan-kerin'ny fanagiazana ho fitahirizana sy ny fanagiazana ho fitanana

And. 334. Ny ananam-bola sy ametrahana vola avy amin'ny lehiben'ny mpandoa vola sy atokana ho an'ny tombon-jo voalaza ao amin'ny andininy faha-326-1° etsy ambony dia tokony, araka ny fangatahana natao taminy, handoa ny filazalazana ny vola tokony efain'ny mpandoa vola sy araka ny habetsahan'ny tahiry izay tokony omeny na eo am-pelatanany hatramin'ny ampahany na ny vola rehetra tokony aloan'ity farany.

§3- Fampiasana mialoha ny fanerena mihatra amin'ny vatatena

And. 335. Ny olona voaheloka tamin'ny fampidiran'entana antsokosoko dia , na dia eo aza ny fampiakaram-pitsarana na fangatahana fandravàna, tanana am-ponja mandra-panefany ny tetin'ny sazy vola nambara taminy, amin'izany ny faharetan'ny fitanana dia tsy tokony hihoatra ; izay noferany lalàna mikasika ny fanerena mihatra amin'ny vatatena.

§4- Fivarotana ny entana nogiazana noho ny fandikan-dalàna sy fitsipika momba ny fadintseranana

FIVAROTANA ALOHAN'NY FANOMBANANA NY ENTANA MISY HOSOKA, NY FOMBA NENTINA NANARONANA NY HOSOKA ARY NY FOMBA FITATERANA NOGIAZANA

And. 336-1° Raha misy fanagiazana ny entana misy hosoka, ny fomba nentina nanaronana ny hosoka ary ny fomba fitaterana, amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ny fadintseranana vita ara-dalàna, atao noho ny fahendren'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana alohan'ny didim-pitsarana, ny varotra ny zavatra nogiazana mba ho fikajiana ny sara sy haba ary ny sazy vola notononina, aorian'ny fanodinana ny fanagiazana ho famaboana araka ny didy avy amin'ny mpitsara eo amin'ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna na araka ny fanapahana momba ny fifanakalozana, na amin'ny tsy maha eo na amin'ny maha eo ny mpandika lalàna ka ny fombafomba arahina dia feran'ny fanapahana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

2° Na izany aza, ny fivarotana dia azo aiantona, raha toa ny mpandika lalàna ka nandrotsaka antoka, heverina fa ampy hatramin'ny tetibidin'ny zavatra nogiazana, ao amin'ny Mpandray vola ao amin'ny fadintseranana iray volana farafahatarany manomboka amin'ny vaninandro nanaovana ny fanagiazana

3° Ny vokatry ny fivarotana dia tsy ho antony anaovana fitakiana, fitarainana avy amin'ny mpidika lalàna na ny tompony

Sokajy III

Fitsinjarana ny vokatry ny onitra sy famaboana

And. 337-1° Ny fitambaran'ny vokatry ny onitra sy famaboana avy amin'ny raharaha nozohina noho ny fitakian'y Fandraharahana ny fadintseranana dia mizaka alohan'ny fitsinjarana ireto vola nesorina ireto :

- a) ny sara sy haba tsy maintsy aloa, raha toa ka tsy voalohan'ny mpividy ny entana na ny tompomariky ny fandikan-dalàna;

b) Ny vola tsy voavory tamin'ny voampanga

Ny mihoatra dia zary vokatra azo ampiasaina. Ny anjaran'ny Tetibolam-panjakana amin'io vokatra azo ampiasaina io dia 25 isan-jato

2° Ny fepetra izay amin'izany no itsinjarana ny ambiny dia faritan'ny fanapahana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana

TOKO VI

ANDRAIKITRA SY FIARAHA-MIENTANA

Sokajy I

Andraikitra amin'ny ady heloka

§1.- Mpitazona ny entana

And. 338-1° Ny Mpitazona ny entana misy hosoka dia heverina ho tompon'andraikitra amin'ny hosoka

2° Na izany aza, ny mpanao fitateram-bahoaka dia tsy heverina, izy ireo sy ny mpiandraikitra na mpandraharaha azy ireo, ho toy ny mpandika lalàna, raha toa ka, amin'ny alalan'ny fanondroana marina sy ara-dalana ny nanao izany, avelany ny Mpandraharaha ny Fadintseranan hanatanteraka raha ilaina ny fanenjehana ny tena tompo-mariky ny fanaovana hosoka

§2. Kapitenin-tsambo, lehiben'ny mpanamory fiaramanidina

And. 339-1° Ny Kapitenin-tsambo, sambo vaventy, lakan-drafitra ary ny lehiben'ny mpanamory fiaramanidina dia heverina ho tompon'andraikitra amin'ny fanadinoana sy ny fahadisoana voalazan'ny taratasin'entana ary, amin'ny ankapobeny, ny fandikan-dalàna natao teny ambonin'ny zavatra entiny ;

2° Na izany aza, ny fampidirana an-tranomaizina izay avoakan'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy ampiharina amin'ny lehiben'ny mpanamory ny sambom-barotra na mpiady na ny fiaramanidin'ny miaramila na ampiasaina amin'ny varotra afa-tsy raha misy ny fahadisoana nataon'ny tenany manokana

And. 340. Ny Kapiteny dia afahana amin'izay rehetra andraikitra

- a) Amin'ny fisian'ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy faha-367-2° manaraka etoana, raha toa izy mitondra ny porofo fa nahatanteraka ny asany amin'ny maha mpanara-maso azy na raha toa ka hita ny mpadika lalàna ;
- b) Amin'ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy faha-367-3° manaraka etoana, raha voamariny fa tena nisy fahasimbana nahatonga ny fivilian'ny sambo lalana ary raha toa ny zavany niseho dia voarakitra ao amin'ny firaketana ny dia alohan'ny fitsidihana nataon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana

§3 Mpanao fanambarana

And. 341-1° Ny mpanao sonia ny fanambarana dia tompon'andraikitra amin'ny fanadinoana, fahadisoana ary tsy fanarahan-dalàna hafa voalaza ao amin'ny fanambarana, afa-tsy ny fampakaran-draharaha nataony amin'ny nanao izany ;

2° Raha toa ny fanambarana ka nampandriana an-tsoratra mifanaraka amin'ny toro-marika an-tsoraka nomen'ny mpanao fandikan-dalàna, ity farany dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny azon'izay mpanao sonia ny fanambarana

§4. Mpandraharahan'ny fadintseranana nankatoavina

And. 342-1° Ny mpandraharahan'ny fadintseranana nankatoavina dia tompon'andraikitra amin'ny raharaha momba ny fadintseranana nataony

2° ny fanameloha an-tranomaizina izay avoakan'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy ampiharina amin'izy ireo afa-tsy amin'ny fisian'ny fahadisoana nataon'ny tenany manokana

§5. Mpanonom-bola

And. 343-1° Ny mpanonom-bola dia tompon'andraikitra amin'ny tsy fahatanterahan'ny sora-bola nosoratana, afa-tsy ny fampakaran-draharaha ataony amin'ny mpitatitra sy ny nomem-pahefana hafa.

2° Amin'izany, ny sampan-draharaha izay misolo tena ny entana dia tsy manao sonia afa-tsy ho an'ny habetsahan'ny entana izay amin'izany ny sora-bola dia feno tao anatin'ny fe-potoana ary ny

sazy manafay ny fandikan-dalàna dia enjehin'ny Birao famoahana miady amin'ny mpanonom-bola sy ny antoka ataony.

§6. Mpiray tsikombakomba

And. 344- Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-59 sy faha-60 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka dia ampiharina amin'ireo mpiray tsikombakomba amin'ny heloka tsotra atao amin'ny fadintseranana

§7. Voakasiky ny hosoka

And. 345-1° Ireo nandray anjara amin'ny fomba na inona na inona tamin'ny fampidirana entana antsokosoko na tamin'ny heloka tsotra amin'ny fanafaran'entana na fanondranan'entana tsy nisy fanambarana, dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny an'ny tompo-mariky ny fandikan-dalàna, ary ankoatra izany, ireo sazy fanamelohana tsy ahazoana zo navoakan'ny andininy faha-374 manaraka etoana :

2° Ireo heverina fa voakasika :

- a. ny tompon'antoka, mpikambana ao amin'ny orinasa, mpiantoka, iantohana, mpamatsy vola, tompon'ny entana ary, amin'ny ankapobeny ireo izay manana tombontsoa mivantana amin'ny hosoka
- b. Ireo naira-niasa na inona na inona fomba amin'ny fitambaran'ny asa vitan'ny olona maromaro izay nanao fifanarahana, araka ny drafitra momba ny hosoka nofaranana mba hiantohana ny vokatry ny fitoriana miaraka
- c. Ireo nanao fanahy iniana, na nanafina ny asa nataon'ireo mpanao hosoka na nikasa ny hanome ny tsy fahazoa-manenjika, na nividy na nitàna, na dia ivelan'ny fari-piasana aza, ny entana avy amin'ny fampidirana entana antsokosoko na fanafaran'entana tsy nisy fanambarana

3° Ny tombontsoa amin'ny hosoka dia tsy azo afindra amin'ny olona latsaka an-katerena na taorian'ny fahadisoana tsy azo ekena.

And. 346. Ireo izay nividy na nitàna, na dia ivelan'ny fari-piasana aza, ny entana nafarana nampidirina antsokosoko na tsy nisy fanambarana, amin'ny habetsahana mihoatra ny an'ny ilaina amin'ny fanjifan'ny fianakaviana, dia mety iharan'ny sazy amin'ny heloka madinika kilasy faha efatra

Sokajy II

Andraikitra ny olon-tsotra

§1. Andraikitra ny olon-tsotra ao amin'ny Fandraharahana ny fadintseranana

And. 347- Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia tompon'andraikitra amin'ny zava-bitan'ny mpiasany amin'ny fanatontosana ny asany sy noho ny asany fotsiny, afa-tsy ny fampakaran-draharaha nataony amin'izy ireo na ny antoka napetrany

And. 348- Rehefa tsy mari-pototra ny fanagiazana natao araka ny andininy faha-267-2° etsy ambony, ny tompon'ny entana dia manana zo hahazo tamby ka ny tentiny dia mitovy amin'ny 1 isan-jato isam-bola amin'ny tetibidin'ny zavatra nogiazana nanomboka tamin'ny fotoana nanaovana ny fitazonana hatramin'izay famerenana na tolo-bidy izay natao taminy

And. 349. Raha toa ka tena tsy hita fototra fa nisy ny anton'ny fanagiazana, dia tokony hisy fandoavam-bola 100 Ariary amin'ireo ao amin'ny toeram-ponenana izay nanaovana ny fikarohana araka ny andininy faha-52 etsy ambony, afa-tsy raha misy tambim-pahavoazana izay mety ho azo noho ny anton-javatra tamin'ny fitsidihana

§2. Andraikitra ny tompon'ny entana

And. 350. Ny tompon'ny entana dia tompon'andraikitra amin'ny maha olon-tsotra azy amin'ny zava-bitan'ny mpiasany amin'izay mikasika ny sara, famaboana, onitra ary ny vola lany amin'ny fitsarana.

§3. Andraikitra iombonana amin'ny antoka

And. 351. Ny antoka dia tàmàna, mitovy amin'ny an'ireo voatery handoa ny hetra izay nanome antoka sara sy haba, sazy vola ary vola hafa, ataon'ny mpandoa

Sokajy III

Fiaraha-mientana

And. 352-1° Ny fanamelohana atao amin'ny olona maromaro noho ny hosoka iray ihany dia iombonana, na ho an'ny sazy vola nisy tamin'ny famaboana izany na ho an'ny onitra sy ny vola lany amin'ny fitsarana

2° Hafa kosa izay amin'ny fandikan-dalàna ao amin'ny andininy faha-35-1° sy faha-41-1° etsy ambony, izay voasazy amin'ny alalan'ny onitra mandeha tsirairay

And. 353. Ny tompon'ny entana misy hosoka, ireo izay miandraikitra ny fanafarana na ny fanondranana izany, ny voakasiky ny hosoka, ny mpiray tsikombakomba sy mpandray anjara dia miaramientana daholo sy azo terena isaky ny vatatena tsirairay handoa ny onitra, ny vola nisy tamin'ny famaboana sy ny lany amin'ny fitsarana

TOKO IV

FEPETRA FAMAIZANA

sokajy I

Fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana sy sazy fototra

§1 Ankapobeny

And. 354 Misy kilasy efatra momba ny heloka madinika amin'ny fadintseranana ary kilasy telo amin'ny heloka tsotra amin'ny fadintseranana

And. 355. Ny fikasana rehetra hanao heloka tsotra amin'ny fadintseranana dia heverina ho toy ny nanao heloka tsotra ihany

§2. Heloka madinika kilasy voalohany

A-HELOKA MADINIKA KILASY VOALOHANY

Mety iharan'ny onitra **100.000 hatramin'ny 1.000.000 Ariary** ny fandikana ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny fitsipiky ny fadintseranana raha toa io tsy fanarahan-dalàna io tsy nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity mafy ;

§2. Miverina, manokana, hofeheziny voalazan'ny andalana teo aloha :

- a) ny fanadinoana na fahadisoana rehetra mikasika ny iray amin'ireo fanondroana fa ny fanambarana dia tokony hisy izany raha toa ny tsy fanarahan-dalàna dia tsy misy fiantraikany amin'ny fampiharana ny sara na ny fandràràna ;
- b) Ny fanadinoana rehetra amin'ny fanoratana ao amin'ny boky fandraketana ;
- c) Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-47, faha-58.b), faha-60, faha-61, faha-64, faha-71.2° ary faha-129.2° etsy ambony na amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina ho fampiharana ny andininy faha-12.2° amin'ity Fehezan-dalàna ity ;

B. HELOKA MADINIKA KILASY FAHAROA

And. 357.1° Mety iharan'ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny indray mandeha na indroa miantoana ny sara sy haba nialàna na nifanarahana, ny fanefana ny sara sy haba notakiana, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna sy fitsipiky ny fadintseranana raha toa io tsy fanarahan-dalàna io ka manana tanjona na vokatry hanala na hanohintohina ny famorina ny sara na haba sasantsasany ary tsy mbola nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity manokana

2° Miverina, manokana, hofeheziny fepetra voalazan'ny paragrafy teo aloha, ny fandikan-dalàna manaraka etoana raha toa izany ka mikasika ny entana ao amin'ny sokajy izay misy an'ireo mety iharan'ny sara sy haba :

- a) Ny tsy fahampian'ny isan'ny fonosan'entana nanaovana fanambarana, voasoratra ao amin'ny taratasin'entana nanaovana fanambarana, voasoratra ao amin'ny taratasin'entana na notaterina tamin'ny alalan'ny fitaterana avy amin'ny fahazoan-dalàna mivezivezy miaraka amin'ny findramana ny ranomasina na amin'ny alalan'ny filazalazana omban'antoka ;

- b) Ny tsy fahampian'ny habetsahan'ny entana napetraka araka ny fitondrana ara-toekarena
- c) Ny tsy fampisehoana indray ny entana napetraka tao amin'ny fanobian'entana vao noforinina na amin'ny fanobian'entana manokana amin'ny ZFI ary amin'ny orinasa afakaba
- d) Ny fampisehoana teo am-pahatongavana ny kase tapaka na simba tamin'ny entana nalefa misy firaka na fitomboky ny fadintseranana
- e) Ny tsy fanatanterahana tanteraka na amin'ny ampahany ny sora-bola nosoratana tao amin'ny filazalazana omban'antoka na fanononam-bola ;
- f) Ny fihoaran'ny vesatra, ny isa na ny refy nanaovana fanambarana ;

3° Saziana ihany koa amin'ny sazy amin'ny heloka madinika ao amin'ny kilasy faharoa ny fandikan-dalàna rehetra manohintohina ny famoriana ny sara amin'ny famoriana na ny sara amin'ny entana ;

4° Saziana ihany koa amin'ny sazy amin'ny heloka madinika faharoa ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-229-3° etsy ambony raha toa izany ka tsy nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity mafy.

C. HELOKA MADINIKA KILASY FAHATELO

And. 358. Mety iharan'ny famaboana ny entana misy olana sy onitra **tafiditra eo anelanelan'ny antsasany sy indray mandeha amin'ny tetibidin'ireo entana voalaza ireo**

1° Ny fanaovana fampidirana entana antsokosoko rehetra ary koa ny fanaovana fanafarana na fanondranana tsy misy fanambarana raha toa ny fandikan-dalàna ka mikasika ny entana ao amin'ny sokajy misy ireo izay tsy voarara na nangalana haba ambony teo am-pidirana na teo am-pivoahana

2° Ny fanambarana diso rehetra atao amin'ny karazana, ny tetibidiny na ny niavian'ny entana nafarana, naondrana na napetraka araka ny fitondrana ara-toekarena raha toa ka ny sara amin'ny fadintseranana na ny haba sasantsasany dia nialàna na nanohintohina io fanambarana diso io ;

3° Ny fanambarana diso rehetra atao amin'ny fanondroana ny tena andefasana na ny tena mpandefa ;

4° Ny fanambarana diso rehetra atao amin'izay mikendry ny ahazo tsy an-drariny ny tombontsoa amin'ny fanafahana tsy handoa araka ny voalazan'ny andininy faha-240-1°, faha258 ary faha-263 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina, raha toa ka misy, ho fampiharana ireo andininy ireo ;

5° Ny fanodinkodinana rehetra atao amin'ny entana tsy voarara any amin'ny toerana nandefasana azy nomena tombon-jo

6° Ny fampisehoana ho toy ny venty ao amin'ny taratasin'entana na fanambarana ny horonan'entana maromaro na fonosan'entana hafa mihidy, natambatra tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny fomba ahoana ;

7° ny tsy fisian'ny taratasin'entana na ny tsy fampisehoana indray ny matoan'ny taratasin'entana ; ny fanadinoana rehetra atao amin'ny entana ao amin'ny taratasin'entana na ao anatin'ny fanambarana amin'ny ambangovangony ; ny fahasamihafana rehetra atao amin'ny karazan'entana nosoratana tamin'ny taratasin'entana na nambara tamin'ny ambangovangony

D. HELOKA MADINIKA KILASY FAHAEFATRA

And. 359-1° Mety iharan'ny famaboana ny entana misy olana sy **onitra tafiditra eo anelanelan'ny indray mandeha na indroa miantoana amin'ny tetibidin'ireo entana ireo**, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna, sy ny fitsipiky ny fadintseranana raha toa io tsy fanarahan-dalàna io ka mikasika ireo entana ao amin'ny sokajy misy ireo izay voarara eo am-pidirana na eo am-pivoahana ary tsy nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity manokana

2° Miverina, manokana, hofeheziny fepetra voalazan'ny paragrafy teo aloha ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy faha-357-2° etsy ambony raha toa izay ka mikasika ireo entana ao amin'ny sokajy misy ireo izay voarara teo am-pidirana na teo am-pivoahana

§3. *heloka tsotra amin'ny fadintseranana*

A. HELOKA TSOTRA KILASY VOALOHANY

And. 360. Mety iharan'ny famaboana ny entana misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny entana nentina hanaronana ny hosoka, ny **onitra dia tafiditra eo anelanelan'ny indray mandeha na indroa miantoana amin'ny tetibidin'ny zavatra misy hosoka sy fampidirana an-tanomaizina herintaona hatramin'ny telo taona**, ny fampidirana entana antsokosoko rehetra ary koa ny fanaovana fanafarana na fanondranana tsy misy fanambarana raha toa io fandikan-dalàna io ka nikasika ireo entana ao amin'ny sokajy misy izay voarara na tratry ny habe ambony teo am-pidirana na voarara na tratry ny habe ambony eo am-pivoahana

B. HELOKA TSOTRA KILASY FAHAROA

And. 361. Mety iharan'ny sazy ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy teo aloha sy **fampidirana an-tranomaizina roa ka hatramin'ny telo taona** ny fampidirana entana antsokosoko natao tamin'ny alalan'ny fitambaran'ny olona telo na mihoatra hatramin'ny enina tafiditra ao anatin'ny, na mitondra na tsia izy rehetra, ireo entana misy hosoka ary tompo-marika, niara-tompo-marika na voakasiky ny hosoka.

Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-35-1°, faha-54 ary faha-95 etsy ambony dia mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 100.000 hatramin'ny 2.500.000 Ariary

Ankoatra izany, mety iharan'ny sazy mitovy amin'ny fampidirana an-tranomaizina sy onitra 500.000 hatramin'ny 5.000.000 Ariary, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-90-1° amin'ity Fehezan-dalàna ity, ary koa ny fandikan-dalàna rehetra nataon'ny olona dia, nahatonga ny fisintonana ny fankatoavana, manohy ny fanatontosana ho an'ny tenany, mivantana na tsy mivantana, ny fombafomba atao amin'ny fadintseranana mikasika ny fanambarana amin'ny antsipiriany ny entana.

C. HELOKA TSOTRA KILASY FAHATELO

And. 362. Mety iharan'ny famaboana ny zavatra misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny zavatra nentina nanaronana ny hosoka, **ny onitra dia tafiditra eo anelanelan'ny avo roa heny sy telo avo heny amin'ny tetibidin'ny zavatra nobaboana** sy fampidirana an-tranomaizina roa taona farafahakeliny ary dimy taona farafahabetsaany ;

1° Ny fampidirana entana antsokosoko nataon'ny olona mihoatra ny enina, na nataon'ny telo na mihoatra nitaingin-tsoavaly na bisikileta, na mitondra na tsy mitondra ny entana misy hosoka izy ireo ;

2° Ny fampidirana entana antsokosoko tamin'ny alalan'ny fiaramanidina, ho an'ny fiara tarihina na mihetsitenany, tamin'ny alalan'ny sambo na lakan-drafitra eny amin'ny ranomasina latsaky ny zato barika amin'ny fatra sisa tavela na tamin'ny alalan'ny sambon-dranomamy ;

3° Ny fomba fitaterana nampiasaina natao fanahy iniana mba hanatanterahana sy hanaovana ny heloka tsotra ao amin'io sokajy io izay lasa fananam-panjakana, soloin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana tena, taorinan'ny fanodinana ny fanagiazana izany ho famaboana araka ny fanapahana ara-pitondran-draharaha sy ara-pitsarana.

Tsy azon'ny tompony atao ny mitaky, na ny vidiny, na nampian-draketina izany na tsia, notakian'ireo tompon-trosa nomena tombon-jo

§4. Fampidirana entana antsokosoko

And. 363.1° Ny fampidirana entana antsokosoko dia heverina ho fanafarana na fanondranana entana ivelan'ny birao ary koa ny fandikana ny fepetra araka ny lalàna na fitsipika mikasika ny fitàna sy ny fitaterana ny entana ao anatin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana ;

2° Mandrafitra, manokana, ny fanaovana fampidirana entana antsokosoko

- a) Ny fandikana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-69- 1° , faha-72- 1°, faha-76, faha-252 etsy ambony ;
- b) Ny fandrotsaham-bola misy hosoka na ny fiondranan'entana misy hosoka natao, na tao anatin'ny seranan-tsambo, na teny amin'ny sisin-tany afa-tsy ny fampidinan'entana misy hosoka voalazan'ny andininy faha-370.-1° manaraka etoana ;
- c) Ny fanesorana na ny fanoloana ny entana nalefa mbola teny am-pitaterana azy araka ny fitondran-draharaha ara-toekarena, sy ny hosoka rehetra atao amin'ny fadintseranana amin'ny fitaterana izany ;

- d) Ny fandikana ny fepetra na araka ny lalàna na araka ny fitsipika mikasika ny fandràna ny fanondranana na ny fanondranana indray ny fananana miankina amin'ny fanondranana na ny fanondranana indray amin'ny fanefana ny sara sy haba na ny fanatanterahana ny fombafomba manokana raha toa ny hosoka ka natao na nokasaina ivelan'ny birao na raha toa izany ka tsy nofaizin'ny fepetra hafa amin'ity Fehezan-dalàna ity manokana.

And. 364. Ny entana ao amin'ny sokajy izay misy ireo voarara eo am-pidirana na nangalana haba ambony, dia heverina ho tafiditra amin'ny fampidirana entana antsokosoko, ary ny entana ao amin'ny sokajy izay misy izany ka ny fivoahany izay voarara niharan'ny sara ambony sy haba dia heverina ho antony nanaovana fikasana fanondrana entana antsokosoko amin'ny fisian'ny fandikan-dalàna voatondro manaraka etoana.

1° Raha toa izany ka hita ao amin'ny faritra ety ambonin'ny tany misy ny fari-piasana kanefa tsy mitondra ny taratasy fanamarinana ny fandoavana, fahazoan-dalana hivezivezy na taratasy hafa atao fanamarinana ho an'ny eny an-dalana hitondra ny entana any mandritra ny fotoana izay amin'izany no anaovana ny fitaterana, raha tsy hoe avy any anatin'ny faritra fehezin'ny fadintseranana izany amin'ny alalan'ny lalana izay mivantana any amin'ny biraon'ny fadintseranana akaiky indrindra ary ampiarahina amin'ny taratasy voalaza etsy ambony sy amin'ny alalan'ny didim-pitondrana noraisina ho fampiharana ny andininy faha-251 etsy ambony ;

2° Raha toa ka, na dia nampiarahana taminy ny taratasy manery ny tsy maintsy hanaovana ny fanamarinana izany ao amin'ny birao izay handalovana, raha toa izy ka nandalo teo amin'io birao io nefa tsy nahatanteraka io adidy aman'andraikitra io.

3° Raha toa izany ka nentina tany amin'ny birao, dia tsy nahitana ny taratasy voalaza ao amin'ny andininy faha-251 sy faha-252 etsy ambony.

4° Raha toa izany ka ao anatin'ny faritra ety ambonin'ny tany amin'ny fari-piasana amin'ny fandikana ny andininy faha-253 etsy ambony.

And. 365.-1° Ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-254 etsy ambony dia heverina fa nafarana antsokosoko raha tsy misy ny fanamarinana ny nihaviany na raha toa ny taratasy natolotra ka diso, tsy feno na tsy azo ampiharina ;

2° Nogiazana izany tamin'ny toerana ahitana azy ary ny olona voalaza ao amin'ny paragrafy 1° sy 2° amin'ny andininy faha-254 dia enjehina sy faizina araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-360 ka hatramin'ny 362 etsy ambony ;

3° Raha toa ka fantatr'izy ireo ilay nanome azy ireo ny fanamarinam-pihaviana izay tsy vita ara-dalàna na ilay nivarotra, nanome, nanakalo na nanakina ny entana tamin'izy ireo, izay tsy afaka manamarina ny fitazoana izany ara-dalàna, ny mpitazona ny mpitatitra dia melohina araka ny sazy mitovy amin'izany ary ny entana dia hogiazana sy hobaboana araka ny fepetra mitovy amin'ny etsy ambony na inona na inona izany, ny fanamarinana izay tokony navoaka

§5 Fanafarana sy fanondranana tsy nisy fanambarana

And. 366. Anisan'ny fanafarana sy fanondranana tsy nisy fanambarana

1° Ny fanafarana sy fanondranana ataon'ny biraon'ny fadintseranana, tsy nisy fanambarana amin'ny antsipiriany na nafenina tamin'ny alalan'ny fanambarana amin'ny antsipiriany tsy ampiharina amin'ny entana naseho ;

2° Ny fanesorana na fanoloana ny entana tsy nandalo fadintseranana

3° Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-247 etsy ambony

And. 367. Heverina fa ho anton'ny fanafarana tsy nisy fanambarana

1° Ny entana nambara hotaterina miaraka amin'ny findramana ny ranomasina mba hanondranana vonjimaika na mba hahazoana ny fahazoan-dalana hivezivezy ao anatin'ny fari-piasana, raha misy tsy mampiseho indray na fahasamihafan'ny karazana na sokajy eo amin'ireo entana voalaza ireo sy izay naseho teo am-piaingana ;

2° Ny zavatra voarara na niharan'ny haba ambony hita teny ambony sambo ao anatin'ny faritry ny seranana sy ao anatin'ny sahandriaka iantsonan'ny sambo hanaovana varotra ankoatr'ireo zavatra voasoratra ara-dalàna ao anatin'ny taratasin'entana na anisan'ny entana sy ny vatsy eny an-tsambo izay tokony naseho indray talohan'ny fitsidihana ;

3° Ny entana voatondron'ny didim-pitondrana manokana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fadintserana, hita teny ambony sambo na hita teo am-piantsonana ao anatin'ny fari-dranomasina misy ny fari-piasan'ny fadintseranana.

And. 368. - Heverina fa nafarana na naondrana tsy nisy fanambarana ny fonosan'entana mihoatra ny isan'ny nambara. Mitovy amin'izany ihany koa ny fahavoazana eo amin'ny vesatra, ny isa na ny refy nambara

And. 369.- Heverina fa nanaovana fanafarana na fanondranana tsy nisy fanambarana ny entana voarara ;

1° Ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-28.-3° etsy ambony ary koa ny fahazoana ny fanomezana ny iray amin'ireo izay voalaza ao amin'ny andininy faha-28.-3° nambara etsy ambony, na izany amin'ny alalan'ny fisandohana ny Kasem-panjakana, na amin'ny alalan'ny fanambarana diso na amin'ny fomba fisandohana hafa rehetra ary koa ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny andiny faha-29 amin'ity Fehezan-dalàna ity ;

2° Ny fanambarana diso rehetra izay manana tanjona na fiatraikany amin'ny fanalàna ny fampiharana ny fepetra mandrara. Na izany aza anefa, ny entana voarara teo am-pidirana na teo ampivoahana izay nambara araka ny anarana nampivoitra ny fandràna izay nihatra taminy dia tsy hogiazana mihitsy ; ireo natokana ho amin'ny fanafarana dia averina any ivelany ; ireo izay nangatahana ny fivoahany dia mijanona eto Madagasikara

3° Ny fanambarana diso teo amin'ny karazany, ny tetibidiny na ny fihavian'ny entana na teo amin'ny fanondroana ny tena andefasana ny entana na ny tena mpandefa, raha toa ireo fandikan-dalàna ireo ka natao tamin'ny alalan'ny faktiora, taratasy fanamarinana na taratasy hafa rehetra diso, tsy marina, tsy feno na tsy azo ampiharina ;

4° Ny fanambarana diso na fihetsika izay manana tanjona na fiatraikany amin'ny fahazoana, manontolo na ampahany, ny fanonerana, ny fanafahana, ny fampihenana ny sara, na ny tombontsoa izay mety miankina amin'ny fanafarana na amin'ny fanondranana

5° Ny fanaovana, ny fampanaovana na ny fampiasana ny faktiora, ny taratasy fanamarinana na taratasy hafa rehetra misy diso, ahafahana mahazo na mampahazo amin'ny fomba tsy aradalàna, eto Madagasikara na any amin'ny firenena ivelany, ny tombotsoa amin'ny fitondran-draharaha niangarana izay voalaza, na amin'ny alalan'ny fifanarahana na fifanekena iraisam-pirenena, na amin'ny alalan'ny fepetra ao amin'ny lalàna anatin'ny, ho an'ny entana mivoaka ny faritra fehezin'ny fadintseranana malagasy na ny miditra amin'izany.

And. 370 - Heverina fa nanaovana fanafarana tsy nisy fanambarana ny entana voarara :

1° Ny fampidinana entana amin'ny alalan'ny hosoka voalaza ao amin'ny andininy faha-367.-
2° etsy ambony ;

2° Ny hosoka eo amin'ny zo zakain'ny sambo ;

3° Ny laharam-pamantaran'ny fiara, motosikileta na fiaramanidina tsy nisy fanatanterahana mialoha ny fombafomba mikasika ny fadintseranana ;

4° Ny fanodinkodinana ny entana voarara any amin'ny toerana nandefasana azy nomena tombon-jo

And. 371.-1° -Heverina fa nanaovana fanondranana tsy nisy fanambarana ny entana voarara izay rehetra fandikana rehetra amin'ny fepetra na izany araka ny lalàna na araka ny fitsipika mikasika ny fandràna ny fanondranana na ny fanondranana indray na ny tena miankina amin'ny fanondranana na ny fanondranana indray amin'ny fanefana ny sara, ny haba na amin'ny fanatontosana ny fombafomba manokana, raha toa ny hosoka ka efa vita na nokasain'ny birao ary izany dia tsy nafaizin'ny fepetra hafa manokana ao amin'ity Fehezan-dalàna ity.

2° raha toa ny entana ka naondrana tamin'ny alalan'ny fandinganana fepetra amin'ny fandràna hivoaka, ho any amin'ny firenena iray voafaritry, aorian'ny fahatongavana ao amin'io firenena io, dia alefa any amin'ny firenena hafa, ny mpanondrana entana dia mety ho voasazy amin'ny fanondranana entana tsy nanaovana fanambarana raha hita fa io fanondranana io indray dia natao araka ny toro-marika nomeny, ny famporisihiny na noho ny tsikombakomba miaraka, na raha voaporofa fa nahitany tombontsoa izany na efa nahafantatra ny entana aondrana indray noeritreretina tamin'ny fotoana nanaovana ny fanondranana

Sokajy II

Sazy fanampiny

§1. Famaboana

And. 372. Ankoatra ny sazy hafa araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, dia baboina

1° Ny entana nosoloina na tokony hosoloina araka ny tranga voalazan'ny andininy faha-357.-2°a), faha-363.-2°c) ary faha-366-2° ;

2° Ny entana naseho teo am-piaingana araka ny tranga voalazan'ny andininy faha-47.1° etsy ambony

§2. *Fanerena*

